Loharanom-baovao : RAP, Tetibola enti-manatanteraka LFI sy LFR ary BCSE 2019

- *Fitantanana sy fandrindrana* : Mba hahatonga ny fitantanana ny antenimiera hahomby kokoa, ny fotoam-pikirakirana folo (10) andro ireo antontan-taratasy dia nohajaina na teo amin'ny karama na koa teo amin'ny taratasy milaza ny entana novidiana sy ny vola aloa aminy.

- *Fitondrana tompon'andraikitra* : tamin'ny taona 2019, ny fe-potoana niasan'ny mpanao lalàna teo aloha dia nifarana tamin'ny volana febroary ary nanomboka tamin'ny Jolay ny mpanao lalàna vaovao, ka lalàna 13 ihany no voafidy tamin'ny 49 natolotra. Raha ny fanatsarana ny fifandraisan'ny olom-

boafidy sy ny olom-pirenena, dia fidinana ifotony 1.520 no vita araka izay efa nomanina fa fitsirihana iray tamin'ireo 10 novinavinaina nandritra ny fotoam-pivoriana ara-potoana faharoa 2019 ihany no vita.

- **FITSARANA AVO MOMBA NY LALAM-PANORENANA**

Fafana 15: Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bita

Kaody	Fandaharan'asa	Sora-bola farany	Fandaniana vita	Tahan'ny vita (%)	Voasor	Tratra	Tsy tratra	Tsy voaf	Hafa	Tahan'ny vita
004	Fitantanana sy fandrindrana	6 299 181 000,00	6 060 353 005,71	96,21	27	21	6	0	0	77,78%
102	Fitondrana tompon'andraikitra	3 072 495 000,00	2 963 564 041,89	96,45	29	22	7	0	0	75,86%
FITAMBARANY		9 371 676 000,00	9 023 917 047,60	96,29	56	43	13	0	0	76,79%

Loharanom-baovao : RAP, Tetibola enti-manatanteraka LFI sy LFR ary BCSE 2019

- *Fitantanana sy fandrindrana* : amin'ny ankapobeny, ny tanjona ho fampiroboroboana ny fahamarinan'ny lalam-panorenana mifanaraka amin'ny toetr'andro sy mahaleo tena dia natao tamin'ny fomba ampy. Ho an'ity Andrim-panjakana ity, ny fanatsarana ny fahaiza-manaon'ny mpiasa dia isan'ireo laharam-pahamehana, ny antontan-taratasy dia navoaka ara-potoana noho ny fampiasana ny teknolojia vaovao sy noho ny fikarakarana iraisan'ny rafitra, ny isan'ny fahadisoana nataon'ireo mpiasa dia nihena vokatry ny fampahatsiarovan-tena tamin'ny alalan'ny famoahana ireo lahatsoratra amin'ny lafiny etika sy fitondran-tena tsara.

- *Fitondrana tompon'andraikitra* : hanana fifidianana azo antoka sy azo itokisana ary mangarahara, izany no tanjona manokana amin'ity fandaharan'asa ity. Araka izany, noho ny fangaraharana, ny fanapahana rehetra, ny didy ary ny hevitra dia navoaka tao amin'ny tranokalan'ity Andrim-panjakana ity, ny boky mikasika ny fifidianana dia novolavolaina sy nozaraina mba hampirisihana ny olom-pirenena hanaraka ny lala-marina raha toa ka misy fanoherana na fitarainana mifandray amin'ny fizotran'ny fifidianana sy / na ny valim-pifidianana. Raha ny tanjona manokana hampiroboroboana ny fanajana ny lalam-panorenana, fomba fiasa 2 amin'ny fitantanana ny vokatra sy ny fitsarana ny fifidianana no novolavolaina, ny iray ho an'ny fifidianana solombavam-bahoaka, ary ny iray natao ho an'ny fitsarana raharaham-panjakana hikirakirana momba ny fifidianana kaominaly.

- **FIADIDIANA NY PRAIMINISTRA**

Fafana 16: Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bita

Kaody	Fandaharan'asa	Sora-bola farany	Fandaniana vita	Tahan'ny vita (%)	Voasor	Tratra	Tsy tratra	Tsy voaf	Hafa	Tahan'ny vita
005	Fitantanana sy fandrindrana	25 260 770 000,00	24 503 096 560,80	97,00	5	4	1	0	0	80,00%
139	Fanoroan-dalana sy fandrindrana, fanohanana, fampiharana, fanamarinana sy fanarahamaso ireo asan'ny governemanta	13 664 546 000,00	12 659 368 590,85	92,64	4	3	1	0	0	75,00%
827	Fanohanana ny fampandrosoana	159 547 560 000,00	103 835 655 828,64	65,08	5	2	3	0	0	40,00%
FITAMBARANY		198 472 876 000,00	140 998 120 980,29	71,04	14	9	5	0	0	64,29%

Loharanom-baovao : RAP, Tetibola enti-manatanteraka LFI sy LFR ary BCSE 2019

- *Fitantanana sy fandrindrana* : ny tahan'ny fitsikerana ny praiminisitra raha oharina tamin'ireo lahatsoratra an-gazety nifantoka tamin'ny fiainan'ny firenena dia ambany ; Ireo rijan-teny sy ny tombotsoan'ny fanjakana dia voaaro, ny sahan'i Mahazoarivo amin'ny maha lapam-panjakana azy dia voaaro tsara ary ny vatana sy ny filaminan-tsain'ny praiminisitra dia voaantoka.

- *Fanoroan-dàlana sy fandrindrana, fanohanana, fampiharana, fanamarinana sy fanaraha-maso ireo asan'ny governemanta* : Voaaro ny rijan-teny manankery sy ny tombotsoan'ny fanjakana tamin'ny fanandratana ny fitantanam-bola mahomby sy ny fampihenana ny fahadisoan'ny mpitantana ny tetibola tamin'ny alàlan'ny CDBF (Conseil de Discipline Budgétaire et Financière).

- *Fanohanana ny fampandrosoana* : Amin'ny maha-fandrindrana ny fampiharana ireo hetsika sy ny fanampiana amin'ny fampandrosoana, narindra ireo fidirana an-tsehatra teny ambanivohitra sy ireo mpisehatra ara-pampandrosoana eny ambanivohitra ary nohatsaraina ny fari-piainan'ireo olona marefo mba hahaleo tena ara-bola.

- FILANKEVITRY NY FAMPIHAVANANA MALAGASY

Fafana 17: Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bita

Kaody	Fandaharan'asa	Sora-bola farany	Fandaniana vita	Tahan'ny vita (%)	Voasor	Tratra	Tsy tratra	Tsy voaf	Hafa	Tahan'ny vita
057	Fitantanana sy fandrindrana	5 926 880 000,00	5 853 952 766,00	98,77	1	0	1	0	0	0,00%
823	Fampihavannam-pirenena	989 763 000,00	929 483 616,30	93,91	13	9	4	0	0	69,23%
FITAMBARANY		6 916 643 000,00	6 783 436 382,30	98,07	14	9	5	0	0	64,29%

Loharanom-baovao : RAP, Tetibola enti-manatanteraka LFI sy LFR ary BCSE 2019

- *Fitantanana sy ny fandrindrana* : ny tahan'ny fampiasana tetibola dia manodidina ny 94,96% tamin'ny vinavina 97% na -2.04% tamin'ny taha novinavinaina, vokatry ny fanitsiana ireo kaody diso mifandraika tamin'ny SOA enina, GAC, ORDSEC, CF, TP izay tsy ho voavaha raha tsy tamin'ny telovolana fahefatra ny taona 2019.

- *Fampihavannam-pirenena* : ezaka fampihavanana 11 no vita vokatry ny fanatsarana ireo hetsika hanohanana ny dingana ho enti-mametraka ny fitoniana maharitra eto Madagasikara niaraka tamin'ireo mpiara-miombon'antoka teto an-toerana sy iraisam-pirenena ary fikaonan-doha 25 no nokarakarina mba hamerenana sy hanamafisana ny fitoniana ara-tsosialy. Ankoatr'izay, hetsika 6 no natao mba hiantohana fa ny dinam-Pianahamonina dia mifanaraka amin'ny lalàna sy rijan-teny manankery.

- VAOMIERAM-PIRENENA MAHALEO-TENA MISAHANA NY FIFIDIANANA

Fafana 18: Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bita

Kaody	Fandaharan'asa	Sora-bola farany	Fandaniana vita	Tahan'ny vita (%)	Voasor	Tratra	Tsy tratra	Tsy voaf	Hafa	Tahan'ny vita
060	Fitantanana sy fandrindrana	8 307 934 000,00	7 996 621 192,60	96,25	6	5	1	0	0	83,33%
126	Fanatanterahana ny zotram-pifidianana	56 342 200 000,00	54 623 317 357,36	96,95	11	2	9	0	0	18,18%
825	Fanabeazana ara-pifidianana sy fifandraisana	113 367 000,00	110 235 530,60	97,24	5	1	4	0	0	20,00%
FITAMBARANY		64 763 501 000,00	62 730 174 080,56	96,86	22	8	14	0	0	36,36%

Loharanom-baovao : RAP, Tetibola enti-manatanteraka LFI sy LFR ary BCSE 2019

- *Fitantanana sy fandrindrana* : Hiantohana ny fahaleovan-tena, ny asa ary ny mahamatihanina ny CENI, fakàn-kevitra maro no natao ho an'ny fifidianana rehetra niaraka tamin'ireo mpandray anjara rehetra teny anivon'ny distrika rehetra.

- *Fanatanterahana ny zotram-pifidianana* : Ny fanavaozana isan-taona ny lisitry ny mpifidy dia nanomboka tamin'ny 01 Desambra 2019, ka ny 97% tamin'ireo vao feno taona nahazo karapanondro. Tafapetraka ny birao fandatsaham-bato rehetra ary niasa vokatry fampielezana ny ezaka goavana teo amin'ny fandaminana ara-pitaovana ; atrik'asa 22 ho fanatsarana ny fahaiza-manao sy ny fijery iombonana momba ny fepetra ara-dalàna sy mahitsy no vita niaraka tamin'ny fandraisana anjaran'ireo mpitsara raharaham-panjakana sy ny HCC ; ary ireo didy fampiharana ny lalàna fehizoro mikasika ny fifidianana dia lany.

- *Fanabeazana ara-pifidianana sy fifandraisana* : 5 tamin'ireo fifanaraham-piaraha-miasa 52 novinavinaina ihany no tomanana niaraka tamin'ireo mpisehatry ny zotram-pifidianana ho fampiharana ireo asan'ny CENI mba hanamafisana ny fitokisana aminy. Raha ny fampiroboroboana ny fahazoam-baovao momba ny fifidianana, ny fandaharana « Olom-pirenena aho » dia tsy nandeha afa tsy in-72 fotsiny raha 96 ny vinavina.

- FILAN-KEVITRA AMBONY HO FIAROVANA NY DEMOKRASIA SY NY FANJAKANA TAN-DALANA

Fafana 19: Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bita

Kaody	Fandaharan'asa	Sora-bola farany	Fandaniana vita	Tahan'ny vita (%)	Voasor	Tratra	Tsy tratra	Tsy voaf	Hafa	Tahan'ny vita
832	Demokrasia	2 200 000 000,00	2 200 000 000,00	100,00	192	50	118	24	0	26,04%
FITAMBARANY		2 200 000 000,00	2 200 000 000,00	100,00	192	50	118	24	0	26,04%

Loharanom-baovao : RAP, Tetibola enti-manatanteraka LFI sy LFR ary BCSE 2019

Demokrasia : Ny demokrasia irery no hany fandaharan'asa voasoratra tao amin'ity Andrim-panjakana vaovao ity. Tondromarika 50 tamin'ireo 192 voasoratra ihany no nahatratra ny tanjona nokasaina. Ny tsy fisian'ny sora-bola voatokana sy ny fanatanterahana ireo hetsika sasany izay mbola an-dàlana no antony lehibe indrindra nahatonga izany.

Ny zava-bita lehibe indrindra dia ny fanampiana tamin'ny fifidianana, ny fampahafantarana mikasika ny tany tan-dalàna, ny herisetra ara-batana ary ny fiasan'ny haino aman-jery. Fidirana antsehatra samihafa no natao, indrindra momba ireo tompon'andraiki-panjakana, ny fandrakofam-baovao ary ny fahombiazan'ny fahefana momba ny fanaraha-maso.

- VAOMIERAM-PIRENENA MAHALEOTENA MOMBA NY ZON'OLOMBELONA

Fafana 20: Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bita

Kaody	Fandaharan'asa	Sora-bola farany	Fandaniana vita	Tahan'ny vita (%)	Voasor	Tratra	Tsy tratra	Tsy voaf	Hafa	Tahan'ny vita
069	Fitantanana sy fandrindrana	1 200 000 000,00	1 200 000 000,00	100,00	7	3	3	0	1	42,86%
834	Fampiroboroboana sy fiarovana ny zon'olombelona	800 000 000,00	800 000 000,00	100,00	3	1	2	0	0	33,33%
FITAMBARANY		2 000 000 000,00	2 000 000 000,00	100,00	10	4	5	0	1	40,00%

Loharanom-baovao : RAP, Tetibola enti-manatanteraka LFI sy LFR ary BCSE 2019

- *Fitantanana sy fandrindrana* : Ny tanjona ankapobeny mifamatotra amin'ity fandaharan'asa ity dia ny hanatsara ny toeran'i Madagasikara eo amin'ny sehatry ny zon'olombelona amin'ny alàlan'ny CNIDH. Ny antsasaky ny tondromarika voasoratra tao amin'ity fandaharan'asa ity dia nahatratra ny tanjona araka izay novinavinaina, isan'izany ny fitaovana sy fampitaovana 8 ho an'ny mpiaro ny zon'olombelona izay tomombana ary atrik'asa fakà-kevitra 11 momba ny fisorohana ny fampijaliana no voalamina. Na izany aza, tsy nisy afa tsy fandraisana anjara 3 ihany tamin'ny fihetsiketsehana, fivoriana ary fihaonam-be isam-paritra tamin'ny tombatombana 10.

- *Fampiroboroboana sy fiarovana ny zon'olombelona* : Ny tanjona amin'ity fandaharan'asa ity dia ny hampihenana ny fanitsakitsahana ny zon'olombelona eto Madagasikara. Ny tahan'ny fandrakofana ny fampahafantarana momba ny zon'olombelona dia nihoatra ny tanjona napetraka. Araka izany, fitsidihana fanandratana maro teny anivon'ny anjerimanontolo maro tany amin'ny faritra samihafa no natao, atrik'asa fanamarinana isan-karazany sy fampiroboroboana ny zon'olombelona manokana no tontosana. Na izany aza, momba ny fikirakirana ireo antontan-taratasy manohitra ny zon'olombelona, 84 tamin'ny 120 nandrasana ihany no voaresaka sy voavaha teo anivon'ity Andrim-panjakana ity, satria mpiasa roa ihany no tompon'andraikitra amin'ny fikirakirana ireo rakitsoratra rehetra avy any amin'ireo distrika lavi-toerana.

- FITSARANA AVO

Fafana 21: Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bita

Kaody	Fandaharan'asa	Sora-bola farany	Fandaniana vita	Tahan'ny vita (%)	Voasor	Tratra	Tsy tratra	Tsy voaf	Hafa	Tahan'ny vita
070	Fitantanana sy fandrindrana	503 570 000,00	434 904 741,65	86,36	2	2	0	0	0	100,00%
835	Fahefam-pitsarana ananan'ny Mpitondra ambony/ Mpitantana	2 933 632 000,00	2 568 510 439,00	87,55	1	0	1	0	0	0,00%
FITAMBARANY		3 437 202 000,00	3 003 415 180,65	87,38	3	2	1	0	0	66,67%

Loharanom-baovao : RAP, Tetibola enti-manatanteraka LFI sy LFR ary BCSE 2019

- *Fitantanana sy fandrindrana* : Ny fampiasana ny tetibola dia tanteraka araka ny laharam-pahamehana sy ny taham-pamerana.

- *Fahefam-pitsarana ananan'ny Mpitondra ambony/ Mpitantana* : Ny Fitsarana Avo dia tsy nitsara afa tsy ny 25% n'ny fanadihadiana natao tamin'ny asa nataon'ireo mpitondra ambony teo amin'ny fanatanterahana ny andraikiny raha 50% ny vinavina, satria ireo antontan-taratasy dia nohadihadiana mialoha tao amin'ny Fitsarana Avo mialoha ny nandefasana izany tany amin'ny Antenimieram-pirenena.

- MINISTERAN'NY RAHARAHAM-BAHINY

Fafana 22: Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bita

Kaody	Fandaharan'asa	Sora-bola farany	Fandaniana vita	Tahan'ny vita (%)	Voasor	Tratra	Tsy tratra	Tsy voaf	Hafa	Tahan'ny vita
062	Fitantanana sy fandrindrana	0,00	0,00	0,00	2	0	2	0	0	0,00%
617	Fiaraha-miasa iraisam-pirenena sy fampandrosoana ara-toekarena	80 450 000,00	80 450 000,00	100,00	1	1	0	0	0	100,00%
060	Fitantanana sy fandrindrana	65 574 872 000,00	56 150 437 171,94	85,63	4	3	1	0	0	75,00%
601	Diplomasia sy fiaraha-miasa	17 916 963 000,00	14 533 756 927,16	81,12	3	2	1	0	0	66,67%
FITAMBARANY		83 572 285 000,00	70 764 644 099,10	84,67	10	6	4	0	0	60,00%

Loharanom-baovao : RAP, Tetibola enti-manatanteraka LFI sy LFR ary BCSE 2019

Iraka « Fiaraha-miasa sy fampandrosoana »

- *Fitantanana sy fandrindrana (062)* : Tsy misy zava-bita satria tsy azo nampiasaina intsony ity fandaharan'asa ity.

- *Fiaraha-miasa iraisam-pirenena sy fampandrosoana ara-toekarena (617)* : Amin'ny fanamafisana ny fiaraha-miasa iraisam-pirenena amin'ny alàlan'ny diplomasia, ny tondromarika tarihin'ny tanjona dia nahatratra ny tanjona kendrena mihoatra noho ny nandrasana.

Iraka « Raharaham-bahiny »

- *Fitantanana sy fandrindrana (006)* : 75% tamin'ireo tondromarika voasoratra tao amin'ity fandaharan'asa ity dia nahitam-pahombiazana toy ny fahazoana ny fanamarinana ny fitantanana teo aloha mikasika ny kaontim-pitaovan'ny MAE, ny isan'ny antontan-taratasy voakarakara ara-potoana sy ny tahan'ny fahafaham-pon'ireo nanan-draharaha. Na izany aza, ny tahan'ny fampiasana tetibola dia ambany noho izay nandrasana vokatry ny fampiatoana ny fandraiketana ny famoaham-bola.

- *Diplomasia sy fiaraha-miasa* : Nihoatra ny tanjona ny zava-bita. Araka izany, olona 2 658 no voasoratra anarana tamin'ny REPEX raha 500 ny vinavina teny am-boalohany, ary fitsidihana avo lenta 200 no noraisina sy vita raha 15 ny vinavina.

- MINISTERAN'NY FIAROVAM-PIRENENA

Fafana 23: Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bita

Kaody	Fandaharan'asa	Sora-bola farany	Fandaniana vita	Tahan'ny vita (%)	Voasor	Tratra	Tsy tratra	Tsy voaf	Hafa	Tahan'ny vita
007	Fitantanana sy fandrindrana	219 322 415 000,00	218 504 308 604,59	99,63	2	2	0	0	0	100,00%
103	Fitantanana ny politikam-piarovana	50 560 008 000,00	47 321 201 833,92	93,59	16	16	0	0	0	100,00%
008	Fitantanana sy fandrindrana	17 476 065 000,00	17 194 209 721,20	98,39	8	4	2	0	2	50,00%
104	Tafika an-tanety	14 856 424 000,00	14 809 717 542,80	99,69	18	2	0	16	0	11,11%
105	Tafika ana-habakabaka	2 663 744 000,00	2 461 421 590,00	92,40	7	3	3	1	0	42,86%
106	Tafika an-dranomasina	1 916 077 000,00	1 515 572 045,60	79,10	4	2	2	0	0	50,00%
FITAMBARANY		306 794 733 000,00	301 806 431 338,11	98,37	55	29	7	17	2	52,73%

Loharanom-baovao : RAP, Tetibola enti-manatanteraka LFI sy LFR ary BCSE 2019

Iraka « Fiarovana sy Filaminana »

- *Fitantanana sy ny fandrindrana (007) :* ireo tondromarika roa voasoratra tao amin'ity fandaharan'asa ity dia samy tratra araka ny vinavina fa indrindra ny tahan'ny fitovian'ireo loharanon-karena nofaritana ho an'ny filaminana sy ny fiarovana sy ny tahan'ny fampiasana ireo loharanon-karena miantraika amin'ny filaminana sy ny fiarovana.

- *Fitantanana ny politikam-piarovana:* Ny tondromarika mifandraika aminy dia tratra avokoa ka ny tena niavaka dia ny tahan'ny fitovian'ireo lamina fanohanana mifandraika amin'ny filaminana sy ny fiarovana vokatry ny fampifanarahana ireo fotodrafitrasa sy ireo fitaovana miaraka amin'ny paikady vaovao; ny tondro maneho ny fahafaham-po amin'ny asan'ny tafika, ny fanavaozana ny salan'isa isan'andro amin'ny tambin-karama ankapobeny momba ny sakafon'ny tafika mifanaraka amin'ny mario-drefin'ny vidin-javatra, ny valisoa manokana nomena ny miaramila izay manana fitondra-tena modely tany anatin'ireo iraka sarotra hatramin'ny fiafaran'ny taona 2019; ary ny tahan'ny fanavahana ny kolontsaina sy ny fanahin'ny fiarovana teny anivon'ireo orinasa. Araka izany, ny hetsika nataon'ny miaramila sivily dia nampitomboina tamin'ny alàlan'ny fanatsarana ny fahatongavan'ny tafika tany amin'ireo hetsika goavana mba hanohanana ireo vondron'olona tena sahirana noho ny toetr'andro sy ny tsy fanjariana ara-tsakafo.

Iraka « Tafika Malagasy »

- *Fitantanana sy ny fandrindrana (008) :* ny tondromarika 4 voarakitra dia nahatratra ny tanjona napetraka teny am-piandohana, ankoatra ny tahan'ny fandrosoan'ny asa fanatsarana ireo fotodrafitrasan'ny tafika, ny tahan'ny fampiasana fitaovam-piadiana sy ny tahan'ny teknika ara-miaramila. Na izany aza, tsy misy zava-bita momba ity farany noho ny fahataran'ny fandraiketana ny famoaham-bola vokatry ny famadihana ny tetibola fampandehanan-draharahan'ny SMAD (Service Militaire d'Action au profit du Développement) sy ny EMGAM (Etat-Major Général de l'Armée Malagasy)

- *Tafika an-tanety :* Ny ankabeazan'ireo tondromarika voasoratra tao amin'ity fandaharan'asa ity dia ambara fa tsy misy antontanisa. Araka ny fanazavan'izy ireo dia, na tsy nifandraika tamin'ny

asan'ny tafika ireo hetsika, na ny tondromarika voasoratra no malalaka loatra ary tsy azo nofaritana manokana teo anivon'ity fandaharan'asa ity. Na izany aza, tondromarika 2 no tanteraka araka izay nantenaina, dia ny isan'ny fiofanana vita isaky ny fahaizana voatokana sy ny isan'ny fanazaran-tena nataon'ny Rezimanta.

- *Tafika ana-habakabaka* : Amin'ny fanatsarana ny fiasa sy ny fahombiazan'ny fiarovana ny habakabaky ny firenena, ny tafika ana-habakabaka dia nahazo tetibola tsara kokoa izay hahafahana mikojakoja tsara sy manetsika ara-potoana ireo fotodrafitrasa, fitaovana ary ny fiaramanidina amin'ny fotoana ilàna izany. Araka izany, ny tahan'ny valiny ara-pilaminana sy fahombiazana amin'ny fanarahamaso ny tanety, ny habakabaka sy ny ranomasina ary koa ny isan'ireo asa fiarovana sy fiarovana sivily izay notarihin'ny tafika ana-habakabaka ho tombontsoan'ny mponina dia tanteraka araka izay novinavinaina. Etsy ankilany, ny tahan'ny famaliana ny sidina araka ny filàna amin'ny fiarovana sivily dia tsy mbola vita afa tsy ny ampahany satria miankina amin'ny solika ny fanatanterahana izany.

- *Tafika an-dranomasina* : Ny isan'ny andro nanaovana fisafoana ny ranomasina dia nihena raha nampitahaina tamin'ny vinavina noho ny tsy fahampian'ny sora-bola natokana ka tsy nahafahana nikojakoja sy nanetsika ireo sambo sy lakana tamin'ny fotoana nilàna izany. Na izany aza, ny tahan'ny fandikan-dalàna, ny lozam-pifamoivoizana an-dranomasina sy ny faritra mitoka-monina hita dia voafehy noho ny firindran'ny fiarahana tamin'ireo mpisehatra hafa an-dranomasina.

- SEKRETARIAM-PANJAKANA EO ANIVON'NY MINISTERAN'NY FIAROVAM-PIRENENA MIADIDY NY ZANDARMARIA

Fafana 24: Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bita

Kaody	Fandaharan'asa	Sora-bola farany	Fandaniana vita	Tahan'ny vita (%)	Voaso	Tratra	Tsy tratra	Tsy voaf	Hafa	Tahan'ny vita
009	Fitantanana sy fandrindrana	268 855 482 000,00	263 389 471 608,38	97,97	4	4	0	0	0	100,00%
108	Fidirana an-tsehatra manokana sy / na mifangaro	11 391 449 000,00	11 364 634 461,85	99,76	2	2	0	0	0	100,00%
121	Fandriam-pahalemana sy filaminam-bahoaka	7 743 391 000,00	7 641 839 624,03	98,69	3	2	1	0	0	66,67%
124	Ny fampanaraham-penitra ny fitaovana sy ny fotodrafitrasa	0,00	0,00	0,00	2	0	2	0	0	0,00%
125	Fiofanana	1 823 295 000,00	1 818 876 473,00	99,76	3	2	1	0	0	66,67%
FITAMBARANY		289 813 617 000,00	284 214 822 167,26	98,07	14	10	4	0	0	71,43%

Loharanom-baovao : RAP, Tetibola enti-manatanteraka LFI sy LFR ary BCSE 2019

Iraka « Zandarmariam-pirenena »

- *Fitantanana sy ny fandrindrana* : Ny tondromarika voasoratra dia tratra avokoa noho ny ezaka nataon'ny zandarimaria tamin'ny alàlan'ny famoronana sy ny fametrahana ireo rafitra samihafa hiadiana amin'ny kolikoly.

- *Fidirana an-tsehatra manokana sy / na mifangaro* : mba hamerenana sy hihazonana ny filaminam-bahoaka sy ny filaminana ho an'ny fampandrosoana, ny fototry ny korontana dia voafehy ary tafaverina ny filaminana.

- *Fandriam-pahalemana sy filaminam-bahoaka* : mikasika ny fananganana tontolo hisian'ny filaminana hiteraka fampandrosoana, ny vokatry dia nihoatra ny nokendrena ho an'ny isan'ny meloka voasambotra tamin'ny fanondranana ireo harena voajanahary arovana.

- *Ny fampanaraham-penitra ny fitaovana sy ny fotodrafitrasa* : ny tanjon'ny fanatsarana ny andraikitra ny mpiasa manolotra ny zavatra takian'ny iraka ataon'izy ireo dia tsy ho vita satria tsy misy ny fotodrafitrasa na fitaovana nohatsaraina ho an'ny zandarimariam-pirenena. Ankoatr'izay, ny isan'ireo zandary maty na naratra tamin'ny hetsika dia nitombo raha oharina tamin'izay noheverina.

- *Fiofanana* : mpianatra zandary 1 200 no noraisina, mpandray anjara 1 694 no nanao ny fizàran'asa ary 65% n'ny mpiasa no nandray anjara tamin'ny fampiofanana teny an-kianja.

- MINISTERAN'NY ATITANY SY NY FITSINJARAM-PAHEFANA

Fafana 25: Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bita

Kaod y	Fandaharan'asa	Sora-bola farany	Fandaniana vita	Tahan' ny vita (%)	Voas or	Trata	Tsy tratra	Tsy voaf	Hafa	Tahan' ny vita
063	Fitantanana sy fandrindrana	80 847 316 000,00	75 941 342 731,13	93,93	5	2	3	0	0	40,00%
133	Fitantanana ny lafin-tany	39 375 710 000,00	36 888 716 318,89	93,68	5	1	4	0	0	20,00%
134	Fitsinjaram-pahefana sy fampandrosoana anatiny	109 348 833 000,00	87 639 869 392,50	80,15	3	3	0	0	0	100,00%
135	Fanavaozana ny fitantanana-draharaha	1 221 798 000,00	1 199 671 910,60	98,19	15	13	1	0	1	86,67%
216	Fitantanana ireo tranga mitera-doza sy loza	18 780 517 000,00	18 622 823 753,20	99,16	5	2	3	0	0	40,00%
FITAMBARANY		249 574 174 000,00	220 292 424 106,32	88,27	36	23	12	0	1	63,89%

Loharanom-baovao : RAP, Tetibola enti-manatanteraka LFI sy LFR ary BCSE 2019

- *Fitantanana sy fandrindrana* : ny antsasaky ny tondromarika voasoratra tao amin'ity fandaharan'asa ity dia vita tsara. Ankoatr'izay, ny tontolo iainana dia nihatsara teny anivon'ireo vondrom-paritra itsinjaram-pahefana vokatry ny fanentanana momba ny fambolan-kazo sy ny fanajana ny didy aman-dalàna momba ny tontolo iainana.

- *Fitantanana ny lafin-tany* : ny tahan'ny tsy filaminana mba hanamafisana ny fisorohana, ny fihazonana ny filaminana sy ny filaminam-bahoaka dia tsy nihena afa tsy 7% raha novinavinaina ho 40%. Ankilany, ny zava-bita dia nihoatra ny tanjona nantenaina noho ny fitantanana ara-drariny ny fifindra-monina, izany hoe 3 702% ny vahiny voaray anarana sy voamarina raha 40% ny vinavina.

- *Fitsinjaram-pahefana sy fampandrosoana anatiny* : amin'ny fampiharana ny politikan'ny fitsinjaram-pahefana ho tombotsoan'ny fampandrosoana anatiny, fanohanana 80 monja ho an'ireo vondrom-paritra itsinjaram-pahefana no vita raha naminavina 1 726, ary tompon'andraikitra ny CTD 1 149 no niofana isan-taona raha 2 500 no nandrasana.

- *Fanavaozana ny fitantanana-draharaha* : momba ny fanavaozana ny fitantanana ny lafin-tany sy ny fampandehanana ireo sampan-draharahan-panjakana tao amin'ireo CTD, ny tondromarika rehetra dia nahatratra tanjona avokoa toy ny tahan'ny ny fahavitan'ny hetsika fanavaozana ny lafin-tany, ny tahan'ny fahavitan'ny fanavaozana natao ary koa ny tahan'ny fahafaham-pon'ireo manan-draharaha tamin'ny kalitaon'ny asa natolotra.

- *Fitantanana ireo tranga mitera-doza sy loza* : amin'ny ankapobeny, ny zava-bita ho an'ireo tondromarika voasoratra tao amin'ity fandaharan'asa ity dia nifanaraka tamin'izay nantenaina. Ny tena nanaitra indrindra dia ny fihenana 4 ora tamin'ny salam-potoana fanarenana teo amin'ny tontolon'ny fitantanana ireo tranga mitera-doza sy loza. Ankoatr'izay, ny rafitra fampitandremana mialoha dia niasa teny anivon'ny vondrom-piarahamonina, toy ny fametahana marika ireo vatolampy efa atahorana, ireo atriaka ary fanentanana momba ireo tranga mitera-doza amin'ny fihotsahan'ny tany sy ny fianjeran'ny tany ho an'ny faritra Analamanga.

- MINISTERAN'NY FILAMINAM-BAHOAKA

Fafana 26: Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bita

Kaody	Fandaharan'asa	Sora-bola farany	Fandaniana vita	Tahan'ny vita (%)	Voasor	Tratra	Tsy tratra	Tsy voaf	Hafa	Tahan'ny vita
036	Fitantanana sy fandrindrana	123 225 206 000,00	122 082 481 669,55	99,07	3	3	0	0	0	100,00%
120	Filaminam-bahoaka	16 722 227 000,00	16 065 278 569,06	96,07	2	1	1	0	0	50,00%
136	Fanaraha-maso ny lafin-tany sy ny fitsikilovana ankapobeny	42 750 000,00	42 375 000,00	99,12	4	3	1	0	0	75,00%
137	Fiofanana sy fanavaozana	4 230 921 000,00	3 853 995 194,02	91,09	4	2	2	0	0	50,00%
FITAMBARANY		144 221 104 000,00	142 044 130 432,63	98,49	13	9	4	0	0	69,23%

Loharanom-baovao : RAP, Tetibola enti-manatanteraka LFI sy LFR ary BCSE 2019

- *Fitantanana sy ny fandrindrana* : ny fangaraharana sy ny fahombiazan'ny fitantanana ny raharaham-panjakana sy ara-bola dia azo antoka tamin'ny alàlan'ny fanaraha-maso, na tamin'ny fomba fiasa na tamin'ny fahombiazan'ireo asa natao.

- *Filaminam-bahoaka* : raha ny fanatsarana ny fahaiza-manao amin'ny fikarakarana ara-pitsarana ataon'ny polisim-pirenena, ny 54.14% na mitovy amin'ny raharaham-pitsarana sy ara-toekarena 24 442 no nazava raha 45% ny vinavina teny am-boalohany. Raha ny fanatsarana ny fomba fiarovana ataon'ny polisim-pirenena, ny tahan'ny heloka bevava dia nihena 0,6% na mitovy amin'ny fiarovana 246.

- *Fanaraha-maso ny lafin-tany sy ny fitsikilovana ankapobeny* : mba hampitomboana ny fanangonana ireo vaovao sy ny fanaraha-maso ny lafin-tany, vaovao 16 414 tamin'ny vinavina 10 000 no azo notrandrahina, nohadihadiana ary nampitain'ny polisim-pirenena, antontan-taratasy 854 tamin'ny 897 momba ny fandikan-dalàna no voakirakira, vahiny 91 no voamarina raha 78 tamin'ny taona 2018 ary antontan-taratasin-dia 268 446 navoaka.

- *Fiofanana sy fanavaozana* : raha ny fanatsarana ny fahaiza-manao maha-matihanina amin'ny polisy, dia mpianatra polisy 1 100 no nampiofanina raha 1 250 ny vinavina, Polisy 2 290 no nahazo tombony tamin'ny fanamafisana ny fahaiza-manao matihanina ary didy aman-dalàna 8 momba ny asan'ny polisim-pirenena no nohavaozina.

- MINISTERAN'NY FITSARANA

Fafana 27: Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bita

Kaody	Fandaharan'asa	Sora-bola farany	Fandaniana vita	Tahan'ny vita (%)	Voasor	Tratra	Tsy tratra	Tsy voaf	Hafa	Tahan'ny vita
012	Fitantanana sy fandrindrana	114 472 696 000,00	110 145 155 906,01	96,22	9	5	4	0	0	55,56%
111	Fitantanana ny fitsarana	14 655 214 000,00	10 737 753 288,54	73,27	10	3	7	0	0	30,00%
112	Fitantanana ny fonja	19 316 815 000,00	17 305 287 409,15	89,59	8	3	5	0	0	37,50%
127	Fampivoarana	3 796 786 000,00	2 772 019 154,03	73,01	4	3	1	0	0	75,00%
132	Fanaraha-maso ivelany ny fitantanam-bolam-panjakana	1 028 426 000,00	962 595 291,67	93,60	6	5	1	0	0	83,33%
FITAMBARANY		153 269 937 000,00	141 922 811 049,40	92,60	37	19	18	0	0	51,35%

Loharanom-baovao : RAP, Tetibola enti-manatanteraka LFI sy LFR ary BCSE 2019

- *Fitantanana sy fandrindrana* : nihena ny isan'ny mpiasa vaovao noraisina tamin'ny alàlan'ny fifaninanana. Ny Ministera dia tsy nandray afa tsy mpiasa 246 ihany raha toa ka 400 no novinavinaina, vokatry ny fanafoanana ny fifaninanana hidirana tao amin'ny ENMG (Ecole Nationale de la Magistrature et des Greffes) sy ny fampiatoana ny fifaninanana hidirana tao amin'ny ENAP (Ecole Nationale de l'Administration Pénitentiaire) tamin'ny taona 2018. Mba hahatonga ny tontolon'ny asa eo anivon'ny Fitsarana hifanaraka tsara amin'ny fametrahana ny Tany tan-dalàna sy Fitondrana tsara tantana, 30% tamin'ny asa fanorenana ny trano vaovaon'ny Ministera no vita raha ny vinavina dia ho 40%, vokatry ny fanovàna ny maritrano manaraka ny tolo-kevitra ny mpanao maritrano izay nalefan'ny Fiadidiana ny Repoblika tamin'ny faran'ny taona 2019.
- *Fitantanana ny fitsarana* : Ny habetsaky ny antontan-taratasy miandry tamin'ny fiantombohan'ny taona 2019 dia nisy fiantraikany ary nampihena ny tahan'ny antontan-taratasy voakirakira teo anivon'ny Fitsarana Fandravàna Didy sy teo anivon'ny Filankevi-panjakana. Toy izany koa ho an'ny tahan'ny antontan-taratasy voatsara teo anivon'ny Fitsarana ny Raharaham-panjakana sy teo anivon'ny Fitsarana Ambony, izay nidina hatramin'ny 15% teo ho eo raha oharina tamin'ny vinavina.
- *Fitantanana ny fonja* : momba ny fampanaraham-penitra ny fomba fitazonana ao anatin'ny fonja, dia tanteraka ny tondromarika satria ny tahan'ny fandosirana dia tsy nihoatra ny fetra napetraka. Raha ny fanatsarana ny toe-piainana fitazonana am-ponja, ny fananganana sy ny fanitarana asa dia andàlam-panamboarana tany Imerintsiasosika, tao Fianarantsoa ary Sambava mba hampitombo ny fahafaha-mandray ao anatin'ny fonja.
- *Fampivoarana* : tafapetraka ny fanajana ny fitaovana sy ireo lamina hiadiana amin'ny kolikoly. Ireo fitaovana vaovao hialana amin'ny mpijirika sy hiadiana amin'ny kolikoly dia napetraka ihany koa toy ny fakan-tsary fanaraha-maso, fidirana amin'ny karatra elektronika.
- *Fanaraha-maso ivelany ny fitantanam-bolam-panjakana* : ny ankamaroan'ny vokatry azo dia nihoatra ny tombatombana hatrany, anisan'izany ny isan'ireo didim-pitondrana sy didim-pitsarana navoakan'ny fitsarana ara-bola, ny tatitra ho an'ny besinimaro sy tsy miankina, atrik'asa, fivoriana, fihaonam-be, ady hevitra, kongresy, ary ny resadresaka natrehina. Etsy andaniny, 8 tamin'ireo antokon-draharaham-panjakana 10 novinavinaina ihany no vita fanaraha-mason'ny Fitsarana ny kaonty.

- MINISTERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA

Fafana 28: Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bita

Kaod y	Fandaharan'asa	Sora-bola farany	Fandaniana vita	Tahan' ny vita (%)	Voasor	Trat a	Tsy tratr	Tsy voaf	Hafa	Tahan' ny vita
013	Fitantanana sy fandrindrana	140 546 476 000,00	88 125 880 918,91	62,70	5	4	1	0	0	80,00%
114	Fitantanana ny tetibola	1 548 964 561 000,00	1 459 024 448 001,43	94,19	3	2	1	0	0	66,67%
115	Fitantanana hetra	75 225 152 000,00	71 596 957 812,45	95,18	19	11	8	0	0	57,89%
116	Fadin-tseranana	41 836 848 000,00	37 990 139 765,30	90,81	6	6	0	0	0	100,00%
117	Tahirimbolam-panjakana	1 037 927 408 000,00	956 180 086 312,72	92,12	27	13	13	1	0	48,15%
129	Fanaraha-maso ny teti-bola sy ara-bola	26 319 062 000,00	23 542 993 415,97	89,45	4	4	0	0	0	100,00%
130	Fitantanana ny vola ho an'ny Mpiasam-panjakana	106 289 452 000,00	103 559 007 728,04	97,43	7	3	4	0	0	42,86%
803	Hetsika sosialy sy fampandrosoana	8 981 678 000,00	7 340 201 467,52	81,72	2	0	2	0	0	0,00%
014	Fitantanana sy fandrindrana	6 461 173 000,00	5 726 402 042,56	88,63	12	0	0	0	12	0,00%
604	Toekarena	7 220 257 000,00	13 947 757 071,13	193,18	41	26	10	0	5	63,41%
612	Teti-pivoarana	3 844 689 000,00	327 545 900,00	8,52	35	22	11	0	2	62,86%
FITAMBARANY		3 003 616 756 000,00	2 767 361 420 436,03	92,13	161	91	50	1	19	56,52%

Loharanom-baovao : RAP, Tetibola enti-manatanteraka LFI sy LFR ary BCSE 2019

Iraka « Fitantanam-bola sy Tetibola »

- *Fitantanana sy fandrindrana* : ny tanjona ankapobeny dia ny fandraisana anjara amin'ny fanoroan-dàlana ny fitantanam-bolam-panjakana. Raha izany, ny fanavaozana rehetra novinavinaina dia tafapetraka, ny antontan-taratasy sy ny fampahafantarana momba ny fitantanam-bolam-panjakana dia azo nampiasaina ary nilamina tsara, ary ireny, dia mba hisian'ny fahombiazana tsara kokoa, fangaraharana ary fahalavorariana amin'ny fanaovana tetibola amin'ireo politikam-panjakana. Na izany aza, 90,7% tamin'ny fenitra sy ny fomba fitantanana ihany no tafapetraka tamin'ny toerany noho ny tsy fisian'ny loharanom-pahalalàna sy fitaovana ampy.

- *Fitantanana ny tetibola* : Mitantana tsara, mahomby ary mangarahara ny tetibolam-panjakana, izany no tanjona napetrak'ity fandaharan'asa ity. Raha izany, ny Ministera rehetra dia samy nanana CDMT (Cadre de Dépense à Moyen Terme) ka ny fandaharana, ny drafitra, ny fanaovana ny tetibola ary koa ny fanaraha-maso fanombanana tao anatin'izany dia nilamina tsara.

- *Fitantanana hetra* : amin'ny fanatsarana ny fitantanana hetra, ny zava-bita lehibe indrindra dia ny fitomboan'ny isan'ny mpiasa niofana mba hahazoana fahombiazana tsara kokoa, ny fitomboan'ny isan'ny mpandao hetra, ny fahamaroan'ny fanaraha-maso tamin'ny alàlan'ny NCU (Numéro Central Unique) ary ny taha tsara tamin'ny famorian-ketra izay nahakasika ny hetra tany amin'ireo CTD. Na izany aza, tsy nisy ny fikarakarana hampanara-dalàna ireo mpandao hetra tao amin'ny sehatra tsy ara-dalàna.

- *Fadin-tseranana* : mampitombo ny fidiram-bola no tanjon'ity fandaharan'asa ity, fanamby izay tanteraka satria efa tratra avokoa ny tanjon'ireo tondromarika tao anatin'ity fandaharan'asa ity. Anisan'izany ny tahan'ny fanatanterahana ny hetsika fanamoràna sy ny fiarovana ireo takalo, ny isan'ny birao izay mampihatra ireo fomba fanomezan-dàlana miala amin'ny fomba ara-taratasy sy ny

fampitomboana ny fanohanana ilaina sy azo atao tamin'ny sampan-draharaha miasa ho an'ny Foibem-pitantanan'ny Fadin-tseranana.

- *Tahirimbolam-panjakana* : Ny tanjona hanavao ny fomba fanatanterahana ny famoaham-bolam-panjakana dia vita. Noho izany, 78,89% tamin'ny fandoavam-bola no vita raha naminavina 70% noho ny tsy maintsy hanaovana ny fandoavam-bola any amin'ny banky, ho an'ny fandoavana ny volan'ireo mpanome tolotra sy mpamatsy fitaovana mihoatra ny 600 000 Ariary, ary ho tombontsoan'ny mpiasam-panjakana, mpiasa tsy raikitra ary mpiasa eo ambany fifanarahana ao anatin'ny tolotra omen'ny banky. Raha ny fanatsarana ny fitantanana ny trosa, ny habetsaky ny trosan'ny governemanta foibe dia tombanana 5 468,48 lavitrisa Ariary tamin'ny taona 2019 raha 7 505,98 lavitrisa Ariary ny vinavina. Ity tondro ity dia efa tratra raha ny tanjona tsy hampihoatra ny vola amin'ny trosa ambony indrindra voarakitra tao amin'ny LFR 2019. Ankoatr'izay, ny mombamomba ny trosa tsy maintsy aloa dia efa voaloha avokoa.

- *Fanaraha-maso ny teti-bola sy ara-bola* : ireo tondromarika hanamafisana ny fanaraha-maso ny fitantanam-bolam-panjakana dia vita nifanaraka tamin'ny vinavina fa indrindra ny tahan'ny fandrakofana tamin'ny sora-bola noraiketina na tamin'ny fanaraha-maso mialoha na tamin'ny fanaraha-maso aoriana, fivoriam-piofanana 6 vita ho tombontsoan'ny mpitantana vola ary koa ny tahan'ny tolotra voamarina teo amin'ny fomba fiasa CHED raha ampitahaina tamin'ireo voalahatra.

- *Fitantanana ny vola ho an'ny Mpiasam-panjakana* : amin'ny fanatsarana ny fitantanana ny vola ho an'ny Mpiasam-panjakana, antontan-taratasy momba ny fisotroan-dronono sy fanavotana amin'ny fahafatesana 25 690 no teti-bidin'ny fatiantoka tao amin'ny tahiry ho an'ny fisotroan-dronono izay tafakatra 324 lavitrisa Ariary ary 38,49% tamin'ny tahan'ny fandoavana zana-bola no hita. Raha ny fanamafisana ny rafitry ny fitantanana sy ny fanaraha-maso ny isan'ny mpiasan'ny mpiasam-panjakana, hetsika fanavaozana 3 no natao teny anivon'ny DGEAE (Direction de la Gestion des Effectifs des Agents de l'Etat), dia ny fanavaozana ny tahiry ho an'ny fisotroan-dronono, ny rindram-baiko AUGURE (Application Unique de Gestion Uniforme des Ressources humaines de l'État) ary ny fametrahana toeram-pifandraisana 7 momba ny karama sy ny fisotroan-dronono.

- *Hetsika sosialy sy fampandrosoana* : tetikasa 44 mikendry ny hanatsarana ny fari-piainan'ny mponina ihany no tanteraka tao anatin'ny vinavina 113, noho ny famatsiana vola tamin'ireo asa lehibe.

Iraka « Fitantanana ny toekarena »

- *Toekarena* : noho ny tsy fahampian'ny famatsiam-bola, tsy misy zava-bita tamin'ny fanadihadiana momba ny IADS (Indice Africaine de Développement Social), ho an'ny politikam-pirenena momba ny fiaraha-miasa ivelany ary ho an'ny modely ara-toekarena. Na izany aza, ny sasany tamin'ireo tondromarika dia vita nifanaraka tamin'ny vinavina ka ny tena niavaka indrindra dia ny fandaharan'asan'ny fiaraha-miasa ara-toekarena ivelany mirindra, ny isan'ny fanadihadiana momba ny statistika vita, ny fampiharana ny lalàna momba ny antontan'isa, ary ny naoty amin'ny zava-mitranga.

- *Teti-pivoarana*: Ny roa ampahatelon'ny tondromarika tao anatin'ity fandaharan'asa ity dia vita nifanaraka tamin'ny vinavina ka ny tena nivaingana indrindra dia ny fanatsarana ny fahaiza-manaon'ireo mpisehatra teo amin'ny lafiny teti-pivoarana sy ny fanavaozana ireo fifampitondrana isam-paritra, ny

fandrafetana ny PEM (Plan Emergence Madagascar) sy ny fampirindrana ireo mari-drefin'ny fanaraha-maso ny tetibola niaraka tamin'ireo tondromarika SNISE (Système National Intégré de Suivi Évaluation).Etsy ankilany, tsy misy atrik'asa nifandraika tamin'ny famakafakana ny paikadin'ny hanoanana aotra eto Madagasikara, na nifandraika tamin'ny fanaparitahana ny drafitra ho an'ny fampandrosoana an'i Madagasikara teny anivon'ny faritra.

- MINISTERAN'NY ASA, NY FAMPANANAN'ASA, NY ASAM-PANJAKANA ARY NY
LALANA SOSIALY

Fafana 29: Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bita

Kaody	Fandaharan'asa	Sora-bola farany	Fandaniana vita	Tahan'ny vita (%)	Voasor	Tratra	Tsy tratra	Tsy voaf	Hafa	Tahan'ny vita
824	Mampiroborobo ny fampidirana sy ny fiovana amin'ny asa	211 125 000,00	208 139 700,00	98,59	9	6	3	0	0	66,67%
826	Fampiroboroboana ny fitsirihana sy ny fitantanana ny asa	1 133 755 000,00	448 112 723,03	39,52	7	4	3	0	0	57,14%
015	Fitantanana sy fandrindrana	21 858 645 000,00	20 591 733 446,31	94,20	9	4	5	0	0	44,44%
128	Fanavaozana ny fitantanandraharaha	28 000 000,00	26 833 300,00	95,83	10	2	1	0	7	20,00%
131	Mampiroborobo ny asam-panjakana matihanina, mifanaraka amin'ny toetr'andro, marina ary mifantoka amin'ny tolotra ho an'ny daholobe	720 622 000,00	660 167 717,82	91,61	12	5	7	0	0	41,67%
607	Mampiroborobo ny fiakaran'ny toekarena amin'ny alàlan'ny asa mendrika	1 705 176 000,00	1 660 371 486,79	97,37	7	4	3	0	0	57,14%
FITAMBARANY		25 657 323 000,00	23 595 358 373,95	91,96	54	25	22	0	7	46,30%

Loharanom-baovao : RAP, Tetibola enti-manatanteraka LFI sy LFR ary BCSE 2019

Iraka « Asa sy lalàna sosialy »

- *Mampiroborobo ny fampidirana sy ny fiovana amin'ny asa* : ny vokatra azo dia nifanaraka tamin'ny vinavina ho an'ireo asa tsy manara-dalàna ary niova ho asa ara-dalàna, ireo mpiasa voasoratra fa misitraka tombontsoa ara-tsosialy ary koa ireo mpiasa nafindra toerana sy voasoratra anarana teo anivon'ny DTLS (Direction du Travail et des Lois Sociales). Ho an'ny fidirana sy fivoahan'ireo mpiasa nafindra toerana, fahazoan-dàlana sy ny fifanarahana momba ny asa ho azy ireo 10 100 no efa namboarina tamin'ny vinavina 9 300. Na izany aza, mba hampaherezana ny fitantanana ny fifindra-monina sy ny fandikan-teny mifandraika amin'ny asa, 3 ihany tamin'ny fanamarinana 18 noheverina ary 2% tamin'ny tomanana 10% ho an'ny fanaraha-maso no vita noho ny tsy fahampian'ny masoivoho manao ny asa momba izany.

- *Fampiroboroboana ny fitsirihana sy ny fitantanana ny asa* : Rafitra 3 ihany no nohavaozina sy tafapetraka tamin'ny 12 nomanina teny am-boalohany. Vita araka ny nantenaina ny tahan'ny fandrakofana ny fiarovana ara-tsosialy.

Iraka « Asam-panjakana »

- *Fitantanana sy fandrindrana* : Ho fametrahana ny asam-panjakana amin'ny toerany, ireo nanan-draharaha teny anivon'ireo faritra 22 dia afaka niditra tamin'ireo tolotra nomen'ny sampan-draharaham-paritry ny asam-panjakana, ny asa ary ny lalàna sosiahy 22. Araka izany, ny antontan-taratasy rehetra an'ny mpiasan'ny foibe sy ny faritra tao amin'ny MTEFPLS dia efa vita ara-potoana ary 85% ny rijan-teny voarindra tao anatin'ny famolavolana ny didim-pitondrana napetraka momba ny fepetra fampiharana ny « AUGURE ».

- *Fanavaozana ny fitantanana-draharaha* : Taorian'ny fanovàna ny rafi-pandaminana teo anivon'ny Ministera, ny ankamaroan'ny tondromarika voasoratra tao anatin'ity fandaharan'asa ity dia nesorina tamin'ny alàlan'ny LFR. Na izany aza, ny 20% n'ny angon-kevitra momba ny mpiasam-panjakana dia tafiditra araka ny nomanina tao amin'ny rafitra informatika, mifandray amin'ny an'ny « AUGURE ».

- *Mampiroborobo ny asam-panjakana matihanina, mifanaraka amin'ny toetr'andro, marina ary mifantoka amin'ny tolotra ho an'ny daholobe* : atrikasa iray ihany nahatafiditra ny sendika sy ny DRH no nisy tamin'ny 5 nantenaina mba hiantoka ny firindrana sy ny fitantanana ireo hetsika momba ny asam-panjakana. Ny tahan'ny mpiasa nandray soa tamin'ny fanatsarana ny fahaiza-manao dia tsy tratra, noho ny fanemorana ity hetsika ity ho amin'ny taona nanaraka sy ny fiandrasana ny sora-bola mba hampahomby ny fampiofanana. Na teo aza izany, antontan-taratasy 29 614 no voamarina raha 20 000 ny nomanina teny am-boalohany.

Iraka « Asa »

- *Mampiroborobo ny asa mendrika amin'ny alàlan'ny fanamafisana ny fiaraha-miasa amin'ny fanjakana* : ho fampiroboroboana ny asa mendrika amin'ny alàlan'ny fanamafisana ny fiaraha-miasa amin'ny fanjakana, tsy misy fifanarahana voasonia tamin'ireo 5 novinavinaina noho ny tsy fahampian'ny mpiara-miasa. Mikasika ny fanatsarana ny fahaiza-manao (tanora, tsy an'asa, mpiasa), tanora tsy an'asa 2 088 no naneho fahavononana hanao izay asa mety taorian'ny fampiofanana isan-karazany nokarakarain'ny Ministera. Tanora 130 tsy nianatra, marefo nefa mendrika ny ho mpandraharaha no hita.

- MINISTERAN'NY SERASERA SY NY KOLONTSAINA

Fafana 30: Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bita

Kaody	Fandaharan'asa	Sora-bola farany	Fandaniana vita	Tahan'ny vita (%)	Voasor	Tratra	Tsy tratra	Tsy voaf	Hafa	Tahan'ny vita
821	Fandrindrana ny fifandraisana amin'ireo Andrim-panjakana	7 400 000,00	7 400 000,00	100,00	3	0	0	0	3	0,00%
822	Fampiroboroboana ny Fitondrana tsara tantana sy ny fandraisana anjaran'ny olom-pirenena	10 556 000,00	10 556 000,00	100,00	4	0	0	0	4	0,00%
030	Fitantanana sy fandrindrana	16 692 997 000,00	15 864 857 166,32	95,04	5	5	0	0	0	100,00%
212	Haino aman-jery	101 500 000,00	42 378 954,80	41,75	14	8	6	0	0	57,14%
213	Mamolavola fotodrafitrasa ho an'ny haino aman-jery	4 044 800 000,00	3 893 060 782,73	96,25	3	3	0	0	0	100,00%
064	Fitantanana sy fandrindrana	5 019 523 000,00	3 769 008 943,14	75,09	7	0	0	0	7	0,00%
831	Kolontsaina	21 199 779 000,00	7 954 280 369,11	37,52	16	11	5	0	0	68,75%
FITAMBARANY		47 076 555 000,00	31 541 542 216,10	67,00	52	27	11	0	14	51,92%

Loharanom-baovao : RAP, Tetibola enti-manatanteraka LFI sy LFR ary BCSE 2019

Iraka « Serasera »

- *Fitantanana sy fandrindrana* : Tany, trano, fotodrafitrasa 30 no fantatra tamin'ny alàlan'ny fiaraha-miasa tamin'ny fitaleavan'ny faritra. Raha ny tahan'ny fampiasana ny tetibola dia nihoatra ny kinendry vokatry ny fanajana ny fomba fiasa eo amin'ny fizotry ny tsenam-panjakana, ny fanamarinana sy ny fanaraha-maso ny fampiasana ny tetibola ho an'ny fandaharan'asa.

- *Haino aman-jery* : tafapetraka ny fitsipiky ny fampahalalam-baovao sy ny fitsipi-pitondran-tena mifehy izany, antontan-taratasy momba ny tetikasa 05 no voavolavola araka ny nomanina, nisy fiantraikany tamin'ny fampahalalam-baovao, ny serasera nifandraika tamin'ny vaovao sy tamin'ireo rakitsoratra sy rakitsary voarakitra. Nanoloana ny sora-bola tsy ampy, taratasy maha-mpiasam-panjakana ho an'ny mpiasa 75 ihany no voakarakara tamin'ireo 85 nomanina.

- *Mamolavola fotodrafitrasa ho an'ny haino aman-jery* : Ny tahan'ny fandrosoana ho an'ny famadihana ho ara-kajy mirindra dia nihoatra ny nokendrena, noho ny fanomezana fitaovana ho an'ny TVM (Télévision Malagasy) sy ny RNM (Radio Nasionaly Malagasy). Fotodrafitrasa ara-teknika, fitaovana sy trano ho an'ny ORTM (Office de la Radio et Télévision Publique de Madagascar) 150 no nohavaozina ary toerana ara-teknika vaovao 90 no naorina.

- *Kolontsaina* : ny isan'ny fitarainana voaray momba ny fampiasana mihoa-pampana sy momba ny fanondranana an-tsokosoko ny fanàna ara-kolontsaina dia nifanaraka tamin'izay novinavinaina. Raha ny hetsika ara-kolontsaina nivelatra sy hita maso kokoa, sehatra 10 mampiditra ny kolontsaina ao amin'ny paikadin'izy ireo no voaisa taorian'ny fananganana tambajotra vaovao ho an'ny vaky teny sy ny fanentanana ara-kolontsaina. Mikasika ny tombam-bidin'ny vakoka, ny fomban-drazana sy ny kolontsaina Malagasy, ny tahan'ny fandrosoan'ny fanarenana ny Rovana'Antananarivo dia notombatombanana ho 80%, ary ireo tranonkala 4 tany Sainte Marie dia tamin'ny 25%

2. Sehatra sosialy

a. Ny zava-bita sy fampiasana ny vola ho an'ny Ministeran'ny sehatra sosialy

Ny sehatra sosialy dia ahitana Ministera 5, misy iraka 8 sy fandaharan'asa 21, miaraka amin'ny tanjona ankapobeny 21, mizara ho tanjona manokana 48.

Ny vokatra tsara indrindra tamin'ity sehatra ity dia tsy afaka niampita ny tokonan'ny 50% ; Ny roa tamin'ireo Ministera tao anatin'ny dia tsy mihoatra ny tokonan'ny 25% tamin'ny fahazoana ny tanjona kendrena ary tondromarika 38 ihany no tratra tamin'ny 103 voasoratra, na fanatanterahana 36,89%. Ity sehatra ity no nihazona ny toerana farany tamin'ny fahatrarana ny tanjona kendrena.


Araka ny zava-nisy, ny sora-bola farany nomena an'io sehatra io dia nahatratra 2 075,79 lavitrisa Ariary. Tamin'ny faran'ny taona, ny fandanian-bola dia 1 617,41 lavitrisa Ariary, na taham-pandaniana 77,92%.

Fafana 31: Ny zava-bita sy fampiasana ny vola ho an'ny Ministera tao amin'ny sehatra sosialy

Amin'ny isa											Amin'ny lavitrisa Ariary		
Min	Ira.	Fand	OG	OS	Tanjona		Zava-bita	Tsy tratra	Tsy voaf	Hafa	Sora-bola		Fandanian a vita
					Voaloha	Farany					Voalohan	Farany	
5	8	22	21	49	97	103	38	64	1	0	2 197,95	2 075,79	1 617,41

Loharanom-baovao : RAP, Tetibola enti-manatanteraka LFI sy LFR ary BCSE 2019

Kisary 3: Fahombiazan'ny sehatra sosialy tamin'ny 2019



Loharanom-baovao : RAP, Tetibola enti-manatanteraka LFI sy LFR ary BCSE 2019

b. Fanarahana isaky ny fandaharan'asam-panatanterahan'ireo departemanta tao amin'ny sehatra sosialy

- MINISTERAN'NY FAHASALAMAM-BAHOAKA

Fafana 32: Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bita

Kaody	Fandaharan'asa	Sora-bola farany	Fandaniana vita	Tahan'ny vita	Voasoratra	Tratra	Tsy tratra	Tsy voaf	Hafa	Tahan'ny vita
024	Fitantanana sy fandrindrana	211 056 057 000,00	200 792 431 907,15	95,14	5	2	3	0	0	40,00%
505	Ady amin'ny valan'aretina	166 535 315 000,00	17 868 299 080,40	10,73	7	2	5	0	0	28,57%
506	Famelomana sy fampivoarana ny reny sy ny zaza	73 651 812 000,00	66 870 470 202,84	90,79	5	3	2	0	0	60,00%
508	Fanampiana ara-pahasalamana manara-penitra	67 228 952 000,00	71 121 239 609,22	105,79	3	3	0	0	0	100,00%
FITAMBARANY		518 472 136 000,00	356 652 440 799,61	68,79	20	10	10	0	0	50,00%

Loharanom-baovao : RAP 2019, Tetibola enti-manatanteraka LFI sy LFR

- *Fitantanana sy fandrindrana* : rafitra ara-pahasalamana 10 isan-taona no nohavaozina araka ny fenitra nifanaraka tamin'ny vinavina, ny CSB 50 izay noeritreretina dia tafapetraka nifanaraka tamin'ny fenitry ny maha olona sy ny kalitao ilaina. Na izany aza, antontan-taratasy 55 ihany tamin'ny 400 nandrasana no voakarakara.

- *Ady amin'ny valan'aretina* : Mampihena ny fihanaky ny areti-mifindra sy ny aretina atao tsirambina no tanjona tokana napetraka. Ny tahan'ny fahafatesana tamin'ny pesta dia 0.21% tamin'ny vinavina 18%, vokatry tena nahafa-po. Na izany aza, ho an'ireo tondromarika hafa, elanelana maivana no hita ho an'ny tahan'ny fahombiazana tamin'ny TPB+ (Tuberculoses Pulmonaire Bactériologiquement) voamarina, sy ny fampitahana ny trangana tazomoka tsotra voamarina tamin'ireo marary hita teny amin'ny fizaham-pahasalamana ivelan'ny CSB. Tsy misy vokatry ho an'ny tahan'ny fandrakofana ny fitsaboana TMM (Traitement Médicamenteux de Masse).

- *Famelomana sy fampivoarana ny reny sy ny zaza* : Manafaingana ny fampihenana ny fahafatesan'ny reny sy ny zaza no tanjon'ity fandaharan'asa ity. Tondromarika 2 no nahatratra ny tanjona nokasaina, dia ny tahan'ny fahasitranan'ny ankizy voakasiky ny tsy fanjarian-tsakafo noraisina an-tànana tao amin'ny CRENAS (Centre de Récupération et d'Education Nutritionnelle Ambulatoire pour la Malnutrition Aiguë Sévère), ary koa ny isan-jaton'ny CSB mampihatra ny PCIME (Prise en Charge Intégrée des Maladies de l'Enfant). Na izany aza, nanoloana ny tsy fahampian'ny kalitaon'ny fitsaboana teny anivon'ireo CSB sy ny tsy fahampian'ny fampahafantarana, ny tahan'ny fizaham-pahasalamana mialoha ny fahaterahana dia tsy nisy afa tsy 4,56% tamin'ny 45% novinavinaina, ankoatr'ireo, ny isan'ireo ankizy tsy vita vakisiny dia nihoa-pampana, nihoatra ny vinavina, vokatry ny fanelingelenana ateraky ny fampiharana ireo fomba sy fomba amam-panao indrindra tany amin'ireo faritra mitokamonina.

- *Fanampiana ara-pahasalamana manara-penitra* : ny tahan'ny fahasitranana teny anivon'ny hopitaly dia nitombo 2,65% raha oharina tamin'ny vinavina. Ankoatr'izay, ny tahan'ny fizaham-

pahasalamana ivelany miaraka amin'ny tobim-pahasalamana fototra dia nahitana fitomboana kely 0,6% ihany koa raha oharina tamin'ny vokatry nandrasana.

- MINISTERAN'NY TANORA SY NY FANATANJAHAN-TENA

Fafana 33: Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bita

Kaody	Fandaharan'asa	Sora-bola farany	Fandaniana vita	Tahan'ny vita (%)	Voasor	Tratra	Tsy tratra	Tsy voaf	Hafa	Tahan'ny vita
045	Fitantanana sy fandrindrana	26 791 617 000,00	26 318 344 443,22	98,23	7	2	5	0	0	28,57%
312	Tanora sy fialam-boly	7 254 810 000,00	3 286 382 451,89	45,30	7	2	5	0	0	28,57%
301	Fanatanjahan-tena	12 640 514 000,00	12 264 329 936,97	97,02	11	2	9	0	0	18,18%
FITAMBARANY		46 686 941 000,00	41 869 056 832,08	89,68	25	6	19	0	0	24,00%

Loharanom-baovao : Tetibola enti-manatanteraka LFI sy LFR, RAP 2019

Iraka « Tanora »

- *Fitantanana sy fandrindrana* : Ny ankamaroan'ny tondromarika dia tsy nahomby, afa-tsy ny tanjona fanamafisana ny fahombiazan'ny fitantanana ny tanora sy ny fanatanjahan-tena. Araka izany, fiaraha-miasa iraisam-pirenena 12 momba ny tanora sy ny fanatanjahan-tena no nohamafisina ho famaliana ny tetiandro 2020 niarahana tamin'ny komity Olaimpika iraisam-pirenena, tamin'ny fanambaran'i Berlin ny UNESCO (The United Nations Educational, Scientific and Cultural Organization) sy amin'ny fampidirana amin'ny sehatra iraisam-pirenena ny tanora. Amin'ity toe-javatra ity, tranobe sy fitaovana ampy 9 ihany koa no nomena ireo sampan-draharaha foibe sy sampan-draharaham-paritry ny Ministera. Na izany aza, boky fiofanana 5 ihany no voavolavola niaraka tamin'ny rafitra PPC (Perfectionnement Professionnel Continu) tamin'ny 70 novinavinaina, ary teknisianina teo an-toerana sy vondrom-piarahamonina teo amin'ny sehatry ny tanora sy fanatanjahan-tena 102 ihany no voaofana tamin'ny 300 nandrasana, niaraka tamin'ny PPC teny anivon'ny faritra sy teo an-toerana (fiofanana naparitaka).

- *Tanora sy fialam-boly* : ny tanjona dia ny hampiroborobo ny fampandrosoana voatohana sy maharitra ho an'ny tanora malagasy miray lalana amin'ny tanjon'ny fampandrosoana maharitra. Ny vokatry aza dia tena nandiso fanantenana : 26 456 ihany ny tanora sy adolantsento voaaro tamin'ny loza isan-karazany sy nahazo fanentanana tamin'ny alàlan'ireo hafatra momba ny filaminana, ny fahasalaman'ny tanora, ny olan'ny fiovan'ny toetr'andro, ny fanabeazana sy ny ady amin'ny zava-mahadomelina. Ivontoerana 7 ho an'ny tanora, afaka mampahomby ny asa nanirahana azy ireo tamin'ny fampidirana ny tanora amin'ny lafiny sosiahy sy toekarena no tafapetraka tamin'ireo 22 novinavinaina ary tanora mpandraharaha 240 no voaofana tamin'ireo 900 novinavinaina.

Iraka « Fanatanjahan-tena »

- *Fanatanjahan-tena* : tsy nisy federasiona niandraikitra ny fanatanjahan-tena an-tsekoly sy ny fanatanjahan-tena eny amin'ny anjerimanontolo notohanana tamin'ny fanomanana ireo zandry mpandimby ara-panatanjahantena raha 100 ny vinavina. Tsy misy sekoly, vondrom-piarahamonina na fiangonana nahazo ESV (Ecole de Sport et de la Vie) mahaleo-tena sy tsara. Tanora manan-talenta ara-

panatanjahantena malagasy 280 ihany tamin'ireo 1 000 nandrasana no namboarina sy notohanana ho amin'ny sehatra avo lenta. Na izany aza, federasiona ara-panatanjahan-tena 3 araka ny nomanina no nomena fotodrafitrasa manara-penitra sy ny fampitaovana araka ny kalitao ilaina, dia ny fananganana kianja filalaovana kanetibe tany Toamasina sy Mahajanga ary ny famerenana ny asa fanorenana ny kianjan'i Barikadimy tany Toamasina.

- MINISTERAN'NY MPONINA, NY FIAHIANA ARA-TSOSIALY ARY NY FAMPIVOARANA NY VEHIVAVY

Fafana 34: Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bita

Kaody	Fandaharan'asa	Sora-bola farany	Fandaniana vita	Tahan'ny vita (%)	Voasor	Tratra	Tsy tratra	Tsy voaf	Hafa	Tahan'ny vita
066	Fitantanana sy fandrindrana	16 523 130 000,00	14 062 822 910,35	85,11	1	0	1	0	0	0,00%
828	Mponina sy fampandrosoana	10 645 619 000,00	1 235 491 085,55	11,61	3	0	3	0	0	0,00%
829	Miralenta sy fampandrosoana	2 323 982 000,00	316 955 510,00	13,64	2	1	1	0	0	50,00%
830	Fiahiana ara-tsosialy	21 790 834 000,00	3 015 950 398,04	13,84	2	1	1	0	0	50,00%
FITAMBARANY		51 283 565 000,00	18 631 219 903,94	36,33	8	2	6	0	0	25,00%

Loharanom-baovao : Tetibola enti-manatanteraka LFI sy LFR, RAP 2019

- *Fitantanana sy fandrindrana* : ny tahan'ny fampiasana ny tetibola dia tsy nisy afa-tsy 42,95% noho ny olan'ny taratasy manamarina ny fitantanana teo aloha ary niafara tamin'ny fahataran'ny fandraiketana ny vola havoaka.

- *Mponina sy fampandrosoana* : amin'ny fametrahana lamina sy rafitra fiarovana mifanaraka amin'ny filàn'ny zaza, 10% tamin'ny rafitra fandraisana sy rafitra fanohanana noheverina hatao no tafapetraka, raha 25% ny vinavina voalohany. Raha ny fihenana ny faniliana ara-piaraha-monina, zokiolona 5000 no nampisitrana ny zony tamin'ny 8000 novinavinaina ary nisy ny fivoriana 100 ho fanentanana mba hanandratana ny zon'ny olona manana fahasembanana.

- *Miralenta sy fampandrosoana* : ny tanjona « manatsara ny endrika ara-tsosialy sy toekarena sy araka ny lalàna amin'ny vehivavy » dia tsy vita afa tsy ampahany ihany. Araka izany, lamina tokana momba ny fitovian-jo no navoaka raha naminavina 4 ary ireo 4 000 niaran'ny herisetra mifototra amin'ny fiavahan'ny lahy sy ny vavy dia voaray an-tànana sy nahazo fanohanana ara-piharian-karena.

- *Fiahiana ara-tsosialy* : ny tanjona ankapobeny tao amin'ity fandaharan'asa ity dia ny hampihena ny isan'ny mponina miaina ao anaty fahantrana lalina. Kanefa, tsy nisy azo nampiasaina ny fomba fanondroana ny fihenana ny isan'ny mponina ao anatin'ny fahantrana lalina. Na izany aza, tokantrano 15 000 nahazo tohana no nisy raha tokantrano 10 000 ny vinavina.

- MINISTERAN'NY FANABEAZAM-PIRENENA, FAMPINANARANA TEKNIKA SY ARAK'ASA

Fafana 35: Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bita

Kaody	Fandaharan'asa	Sora-bola farany	Fandaniana vita	Tahan'ny vita (%)	Voasor	Tratra	Tsy tratra	Tsy voaf	Hafa	Tahan'ny vita
067	Fitantanana sy fandrindrana	792 141 575 800,00	772 067 429 065,77	97,47	3	0	3	0	0	0,00%
313	Fanabeazana mialoha ny sekoly	3 953 881 000,00	2 580 910 400,00	65,28	3	3	0	0	0	100,00%
314	Fanabeazana fototra ho an'ny 9 taona	360 847 991 000,00	149 261 452 555,54	41,36	10	4	6	0	0	40,00%
315	Fanabeazana tsy manara-dalana	757 423 000,00	633 800 032,00	83,68	5	2	3	0	0	40,00%
316	Fampianarana ambaratonga ranarao	2 789 177 000,00	1 835 550 319,71	65,81	8	3	5	0	0	37,50%
049	Fitantanana sy	23 476 851 000,00	22 968 267 647,00	97,83	0	0	0	0	0	0
309	Fampianarana ambaratonga ranarao	31 019 364 200,00	13 413 865 106,97	43,24	5	1	4	0	0	20,00%
FITAMBARANY		1 214 986 263 000,00	962 761 275 126,99	79,24	34	13	21	0	0	38,24%

Loharanom-baovao : Tetibola enti-manatanteraka LFI sy LFR, RAP 2019

Iraka « Fanabeazana »

- *Fitantanana sy fandrindrana* : Tsy nisy nahatratra ny tanjona napetraka ny tondromarika tao anatin'ity fandaharan'asa ity. Tsy misy rafitra natsangana momba ny fitantanana, ny fanaovana tatitra sy fandrindrana, na momba ny fitantanana ny mpiasa / mpampianatra.
- *Fanabeazana mialoha ny sekoly* : raha ny fanitarana sy ny fanatsarana ny tolotry fampianarana mialoha ny sekoly, ny isan-jaton'ny sekoly ambaratonga voalohany sy ny vondrom-pampianarana niaraka amin'ny CAP dia nahatratra 51%, nifanaraka tamin'ny vinavina voalohany.
- *Fanabeazana fototra ho an'ny 9 taona* : tondromarika 2 tamin'ireo 6 voasoratra no nahatratra ny tanjona, dia ny isan'ireo mpampianatra tsy mpiasam-panjakana voaofana sy ny isan-jaton'ny afaka fanadinana BEPC. Raha ny amin'ireo tondromarika hafa, zava-bita ambany no tsapa, ka ny tena niavaka indrindra dia ny fananganana sy ny fanarenana ny efitrano fianarana 12 fotsiny teo anivon'ny fampianarana fototra raha 900 ny vinavina vokatry ny fahasarotan'ny dingana atao amin'ny fizotry ny tsenam-panjakana.
- *Fanabeazana tsy manara-dalana* : Ny tanjona tamin'ity fandaharan'asa ity dia ny fampihenana ny tsy fahaizana mamaky teny sy manoratra. Ny tahan'ny fitomboan'ny isan'ny tanora sy olon-dehibe izay nanaraka ny fampianarana mamaky teny sy manoratra dia nahatratra ny tanjona. Na izany aza, ny isan'ny tanora sy olon-dehibe nanaraka ny fampianarana mamaky teny sy manoratra sy ny isan'ny ankizy tafiditra tao anatin'ny rafitra manara-dalana dia tsy tratra noho ny tsy fisian'ny sora-bola natokana ho an'ireo hetsika ireo. Raha ny tanjona ho fampiroboroana ny fanabeazana ny fahatsiarovan-tena sy ny maha-olom-pirenena, ny tahan'ny fitomboan'ny isan'ny olona nahazo fampianarana momba ny fiainam-pianakaviana sy ny fiainam-piaraha-monina dia nitombo. Na izany aza, noho ny tsy fisian'ny sora-bola voatokana, 18 tamin'ireo sekoly 24 novinavinaina ihany no tafapetraka sy azo nampiasaina.
- *Fampianarana ambaratonga faharoa* : ny tahan'ny afa-panadinana BACC dia nitombo 8,53% raha oharina tamin'ny vinavina. Ny tondromarika sisa dia tsy nanome ny vokatry araka izay nandrasana

satria 25% fotsiny tamin'ireo mpampianatra sy mpanabe, voamarina sy manana mari-pahaizana no afaka noraisina tao amin'ny tombana 40,47%, ny sisa tamin'ireo mpampianatra dia tsy nahafeno ny fepetra ilaina tamin'ny fari-pahalàlana notakiana.

- *Fitantanana sy fandrindrana (049)* : nesorin'ny LFR ity fandaharan'asa ity ka tsy nisy tondromarika voasoratra.

- *Fampiofanana arak'asa sy ara-teknika* : iray tamin'ireo tondromarika 5 tao amin'ity fandaharan'asa ity no nahatratra ny tanjona, nifandraika tamin'ny isan'ny mpampiofana sy ny mpiasa nampiofanina, fampiofanana izay nanerana ny faritra rehetra teto Madagasikara. Na izany aza, olona 855 ihany no voaofana momba ny asa mety sy azo ampiasaina raha 25 000 ny vinavina vokatry ny tetibola tsy ampy ary mpianatra 13 922 no nohamarinina fa nahavita fiofanana tamin'ny 32 000 nokendrena.

- MINISTERAN'NY FAMPIANARANA AMBONY SY NY FIKAROHANA SIANTIFIKA

Fafana 36: Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bita

Kaody	Fandaharan'asa	Sora-bola farany	Fandaniana vita	Tahan'ny vita (%)	Voasor	Tratra	Tsy tratra	Tsy voaf	Hafa	Tahan'ny vita
028	Fitantanana sy fandrindrana	235 749 925 000,00	229 837 115 132,70	97,49	7	5	1	1	0	71,43%
310	Fampianarana ambony	5 877 979 000,00	5 152 884 411,34	87,66	4	0	4	0	0	0,00%
050	Fitantanana sy fandrindrana	1 856 803 000,00	1 672 264 021,31	90,06	2	1	1	0	0	50,00%
311	Fikarohana siantifika	873 999 000,00	831 015 166,95	95,08	3	1	2	0	0	33,33%
FITAMBARANY		244 358 706 000,00	237 493 278 732,30	97,19	16	7	8	1	0	43,75%

Loharanom-baovao : Tetibola enti-manatanteraka LFI sy LFR, RAP 2019

Iraka « Fampianarana ambony »

- *Fitantanana sy fandrindrana (028)* : Ny zava-bita dia nihoatra ny nokendrena ho an'ny tahan'ny fandraiketana ny fandanim-bola tsy karama, natao tamin'ny raha 96,64% raha 15% ny vinavina. Izany dia noho ny zava-nisy fa ankoatry ny fampiasana araka ny tokony ho izy ny fandanim-bola tamin'ny entana sy raharaha, ny fandanim-bola ihany koa dia nahasaronana ny fandoavana ireo tambin-karama tamin'ny fanomanana ny andiany roa tamin'ny bakalorea 2019 andaniny, ary ny saran-dàlana tamin'ny fampodiana mpianatra avy any ivelany tetsy ankilany. Na izany aza, ny fitokonana sy ny fandrahonana hitokona nataon'ny Anjerimanontolo dia nitombo noho ny tsy fahafaham-po tamin'ny fitarainana sasany sy ny fitakiana sendikaly isan-karazany.

- *Fampianarana ambony* : mpampianatra vaovao 13 ihany no noraisina tamin'ny 230 novinavinaina, noho ny tsy fahazoana ny tetibola izay mila fankatoavana mialoha avy amin'ny Minisitry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola.

Iraka « Fikarohana siantifika »

- *Fitantanana sy fandrindrana (050)* : ny Ministera dia afaka nandraikitra ny 90,70% tamin'ny sora-bola natokana ho an'ny fandanian'ny entana sy raharaha tamin'ny vinavina amin'ny 97% nanoloana ny fanaovana ho laharam-pahamehana ny fandoavana ny fanampiana ho an'ny Anjerimanontolo ka nanimba ny famatsiana ireo hetsika momba ny fikarohana.

- *Fikarohana siantifika* : amin'ny fanomezan-danja ny fikarohana sy ny fanavaozana, fiaraha-miasa sy fifanarahana fiaraha-miasa 8 no vita araka ny nandrasana. Tetsy ankilany, tsy nisy taratasy fahazoan-dàlana hiaroka tafapetraka tany amin'ny OMAPI (Office Malgache de la Propriété Industrielle) tamin'ny 2019.

3. Sehatra fotodrafitrasa

a. Ny zava-bita sy ny fampiasana ny vola tamin'ireo Ministera tao anatin'ny sehatra fotodrafitrasa

Ny sehatra fotodrafitrasa dia nisy Ministera 4 niaraka tamin'ny iraka 12 sy fandaharan'asa 25, nisy tanjona ankoapobe 26 izay nizara ho tanjona manokana 51. Ity sehatra ity dia teo amin'ny laharana faha-3 amin'ny lafiny vokatra tamin'ny alàlan'ny tondromarika 66 izay nahomby tao anatin'ny 176 voasoratra. Ity sehatra ity dia nahazo 1 288,82 lavitrisa Ariary tamin'ny sora-bola farany tao amin'ny tetibola ankapobeny, nandany 581,16 lavitrisa Ariary tamin'ny faran'ny taom-piasana, na 45,09% tamin'ny sora-bolany.


Ity fafana manaraka ity dia mamintina ny zava-bitan'ny sehatra fotodrafitrasa :

Fafana 37: Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bitan'ireo Ministera tao amin'ny sehatra fotodrafitrasa

Amin'ny isa											Amin'ny lavitrisa Ariary		
Min	Ira.	Fand.	OG.	OS	Tanjona		Zava-bita	Tsy tratra	Tsy voaf	hafa	Sora-bola		Fandanian a vita
					Voaloha	Farany					Voalohany	Farany	
4	12	25	26	51	108	176	66	71	1	38	1 617,34	1 288,82	581,16

Loharanom-baovao : RAP, Tetibola enti-manatanteraka LFI sy LFR ary BCSE 2019

Kisary 4: Fahombiazan'ny sehatra fotodrafitrasa tamin'ny 2019(amin'ny %)



Loharanom-baovao : RAP, Tetibola enti-manatanteraka LFI sy LFR ary BCSE 2019

b. Fanarahana isaky ny fandaharan'asam-panatanterahan'ireo Ministera teo anivon'ny sehatra fotodrafitrasa

- MINISTERAN'NY ANGOVO, NY RANO ARY NY AKORANAFO

Fafana 38: Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bita

Kaody	Fandaharan'asa	Sora-bola farany	Fandaniana vita	Tahan'ny vita (%)	Voasor	Tratra	Tsy tratra	Tsy voaf	Hafa	Tahan'ny vita
031	Fitantanana sy fandrindrana	6 774 058 000,00	5 222 680 371,06	77,10	3	1	2	0	0	33,33%
203	Fampivoarana ny fotodrafitrasa ara-herinaratra sy ny loharanon'angovo eto an-toerana	154 839 799 000,00	57 226 426 591,87	36,96	10	1	4	0	5	10,00%
032	Fitantanana sy fandrindrana	4 107 375 000,00	4 063 713 663,20	98,94	3	0	1	0	2	00,00%
205	Fampiroboroboana ny fampidirana-drano sy ireo fotodrafitrasa fanadiovana	72 812 633 000,00	3 670 256 861,44	5,04	13	2	7	0	4	15,38%
204	Fampivoarana ny sehatry ny solitany sy solika mifangaro	128 117 000,00	118 867 000,00	92,78	5	1	4	0	0	20,00%
FITAMBARANY		238 661 982 000,00	70 301 944 487,57	29,46	34	5	18	0	11	17,65%

Loharanom-baovao : RAP, Tetibola enti-manatanteraka LFI sy LFR ary BCSE 2019

- *Fitantanana sy fandrindrana* : ny tahan'ny fampiasana tetibola novinavinaina ho 100% dia tsy nisy afa-tsy 85% tamin'ny faran'ny taona noho ny sakana teo amin'ny fampiasana ny tetibola taorian'ny fampikambanana ny Ministeran'ny Angovo sy ny Akoranafo tamin'ny Ministeran'ny Rano, ny Fanadiovana ary ny Fidiovana.

- *Fampivoarana ny fotodrafitrasa ara-herinaratra sy ny loharanon'angovo eto an-toerana* : Ho an'ny fahafaham-po tamin'ny tinady anatin'ny, ny tahan'ny fampidirana herinaratra dia 14% tamin'ny 18% novinavinaina. Na izany aza, ny ora fahatapahan-jiro dia nihena 5 ora raha oharina tamin'ny vinavina noho ny fidirana an-tsehatra nataon'ireo tompon'andraikitra. Raha ny fitantanana maharitra ireo loharanon'angovo eto an-toerana, ny fitomboan'ny isan'ny mpampiasa (mpanjifa), ny fahalemen'ny tahan'ny fampidirana herinaratra vita ary koa ny fidirana an-tsehatra vonjy maika tamin'ny fanitarana ireo zotra ara-herinaratra no nanazava ny tsy fahombiazana tamin'ny tondromarika « tahan'ny fampidirana herinaratra ».

- *Fitantanana sy fandrindrana (032)* : tsy nisy satria ny token'ny tetibola 52 (fandaharan'asa 032) dia nesorina taorian'ny fampikambanana ny Ministeran'ny Angovo sy ny Akoranafo tamin'ny Ministeran'ny Rano, ny Fanadiovana ary ny Fidiovana.

- *Fampiroboroboana ny fampidirana-drano sy ireo fotodrafitrasa fanadiovana* : tsy nisy ny zava-bita tamin'ireo tondromarika 7 voasoratra tamin'ity tanjona ity izay natao mba hanatsara ny fahazoana rano madio, toy ny fahazoana rano anaty lava-drano, ao anaty kamiao, amin'ny fiara mpitatitra rano ary koa ny asa rehetra ataon'ny JIRAMA (fitaovana ara-teknika, asa maika ary fametrahana toby fanadiovana vaovao afaka mivezivezy) noho ny tsena notsinjaraina fa tsy nampiasaina. Raha ny tanjona fiantohana ara-teknika sy ara-bola ireo EPIC sy ireo EPA, tondromarika 2 tamin'ireo voasoratra no

nahatratra ny tanjon'izy ireo. Araka izany, ny SAMVA (Service Autonome de Maintenance de la Ville d'Antananarivo) dia nahazo kamiao 20 isan-karazany sy tobim-pako 100.

- *Fampivoarana ny sehatry ny solitany sy solika mifangaro* : ny zava-bita tamin'ity tanjona ity dia tsy misy dikany raha oharina tamin'ny fitomboan'ireo trangan-javatra niseho mikasika ny lozam-pifamoivoizana tamin'ireo kamiao mpitondra solika, ny fitomboan'ny fitarainana tamin'ny fanahiana voaray avy tamin'ireo mpanjifa momba ny kalitaon'ny vokatra manoloana ny tsy fahampian'ny fanaraha-maso teo amin'ny tontolon'ny famatsiana. Na izany aza, momba ny fizarana ny vokatra, distrika 19 tamin'ireo 12 novinavinaina teny am-boalohany no nisitraka izany noho ny fomba fizarana voalamina tsara sy noho ny fahavitrihan'ireo tompon'andraikitra.

- MINISTERAN'NY FANAJARIANA NY TANY, NY TOERAM-PONENANA ARY NY ASA
VAVENTY

Fafana 39: Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bita

Kaod y	Fandaharan'asa	Sora-bola farany	Fandaniana vita	Tahan'ny vita (%)	Voasor	Trat a	Tsy tratra	Tsy voaf	Hafa	Tahan'ny vita
018	Fitantanana sy fandrindrana	2 812 495 000,00	2 309 655 625,29	82,12	11	7	2	1	1	63,64%
409	Tany sy filaminan'ny fananan-tany	13 297 736 000,00	2 896 318 371,50	21,78	13	5	8	0	0	38,46%
020	Fitantanana sy fandrindrana	7 311 431 000,00	7 148 423 019,60	97,77	13	8	1	0	4	61,54%
206	Fampandrosoana ny fotodrafitrasa momba ny lalana	516 847 373 000,00	170 548 401 851,32	33,00	20	9	5	0	6	45,00%
218	Fitantanana ny harena momba ny lalana	3 904 229 000,00	3 867 825 388,48	99,07	5	1	0	0	4	20,00%
021	Fitantanana sy fandrindrana	21 417 416 000,00	20 054 603 416,84	93,64	10	3	4	0	3	30,00%
207	Fanajariana sy fampitaovana ireo tanan-dehibe	197 075 210 000,00	103 390 940 825,13	52,46	20	2	10	0	8	10,00%
058	Fitantanana sy fandrindrana	0,00	0,00	0,00	3	3	0	0	0	100,00%
215	Fampivoarana ny fotodrafitrasa	172 414 057 000,00	119 872 032 598,92	69,53	4	0	3	0	1	0,00%
FITAMBARANY		935 079 947 000,00	430 088 201 097,08	45,99	99	38	33	1	27	38,38%

Loharanom-baovao : RAP, Tetibola enti-manatanteraka LFI sy LFR ary BCSE 2019

Iraka « Tany sy filaminan'ny fananan-tany »

- *Fitantanana sy fandrindrana (018)* : mba hiantohana sy hanatsarana ny fampandehanana ny fitantanana foibe sy ny any amin'ny faritra, ny zava-bita dia nahafa-po ho an'ny tahan'ny fahavitàn'ny tatitra fanaraha-maso, ny isan'ireo mpiasa voaofana teo anivon'ny foibem-pitantanana ankapoben'ny fananan-tany ary koa ny tahan'ny fanehoana ireo toro-làlana amin'ny asa mikasika ny fananan-tany. Na izany aza, 20% tamin'ireo fitarainana no voalamina teo anivon'ny fananan-tany raha 70% ny vinavina.

- *Tany sy filaminan'ny fananan-tany* : ny zava-bita tena nivaingana indrindra dia : ny fametrahana sy ny fanarenana birao fandraisana tokana 10 ho an'ny sampan-draharahan'ny fananan-tany mba hanavaozana ny fitantanana ny tany, ny famoahana tarata-sin-tany 24 037. Ny fampirindrana sy ny fanohanana ara-teknika tamin'ny kaominina 15 nandritra ny fametrahana biraon'ny fananan-tany sy ny

famoahana ireo antontan-taratasy momba ny refin-tany 96 672. Etsy ankilany, ny zava-bita sasany dia ambany : 3 tamin'ireo sampan-draharaha 10 novinavinaina no namboarina sy nomena fampitaovana, 84 tamin'ireo PLOF (Plans Locaux d'Occupation Foncière) 200 no voavolavola, nekena sy nohamarinin'ny kaominina ary fametrahana baorina 1 241 tamin'ny 20 000 novinavinaina ihany no vita.

Iraka « Asa vaventy »

- *Fitantanana sy fandrindrana (020)*: Ny tondromarika rehetra tao anatin'ity fandaharan'asa ity dia namoaka vokatra nahafa-po afa-tsy ny isan-jaton'ny mpiasa voakasiky ny fampiofanana momba fanatsarana ny fahaiza-manaon'ireo mpisehatra tao amin'ny sehatra Tao-trano sy Asa vaventy.

- *Fampandrosoana ny fotodrafitrasa momba ny lalana* : 70% tamin'ireo tondromarika voasoratra tao amin'ity fandaharan'asa ity no nahatratra ny tanjona araka ny kinasa. Ny vokatra tena nanaitra indrindra dia ny fanarenana ireo fantsona famoahan-drano sy ireo fefiloha teny amin'ny lalam-pirenena. Ny tetik'asa momba ny lalana dia natao niaraka tamin'ny fepetra fikajiana ny tontolo iainana sy ny sosiahy mifanaraka amin'ny PrEE (Programmes d'Engagement Environnementaux) sy ny EIE (Etudes d'Impacts Environnementaux) mikasika ireo tetik'asa momba ny lalana. Ankoatr'izay, naverina tamin'ny laoniny ny lalana rehetra tapaka taorian'ny fandalovan'ireo loza voajanahary, ary ireo lalana naorina sy narenina dia ho fanatsarana, fahombiazana ary kalitaon'ny fivezivezen'ny entana sy ny olona. Na izany aza, ny tondromarika sasany dia tsy vita afa tsy ny ampahany ihany, dia ny fanarenana sy / na ny fanamboarana lalana 352 km raha 500 km ny vinavina, ary tsy nisy tetezam-by tafapetraka.

- *Fitantanana ny harena momba ny lalana* : Mba hitazonana ny lalana sy ny firafiny ho tsara, lalana 7 800 km no voakojojo.

Iraka « Fanajariana ny tany »

- *Fitantanana sy fandrindrana (021)* : ny tahan'ny fampiasana tetibola dia tsy tanteraka afa tsy 70,23% tamin'ny vinavina 90% noho ny fahataran'ny fandraiketana ny famoaham-bola. Na teo aza izany, mpiasa 157 no voaofana teo anivon'ny foibem-pitantanana ankapoben'ny fanajariana ny tany, ka ny 87 ho an'ny polisin'ny fanajariana ny tany, ary olona 70 voaofana momba ny fandrindrana andranomasina.

- *Fanajariana sy fampitaovana ireo tanan-dehibe* : amin'ny fampiroboroboana sy ny fampandrosoana mifandanja ny lafin-tany rehetra, tondromarika iray tao amin'ity fandaharan'asa ity no nahavita tsara ny vokatra nandrasana, dia ny fanomezana fitaovana ho enti-mandrindra ho an'ireo CTD (faritra, distrika, kaominina). Ireo tondromarika hafa dia tsy vita afa tsy ny ampahany ihany. Araka izany, fari-tany an-tanàn-dehibe na manodidina ny tanàn-dehibe 13 fotsiny tamin'ireo 230 novinavinaina no nahazo tombony tamin'ny asa fanatsarana ny tanàn-dehibe ; 10 ha tamin'ny velaran-tany 100 ha novinavinaina no afaka nivelomana sy voajary ary fandalinana 4 tamin'ireo 6 nandrasana ho amin'ny fananganana ny tanàna vaovao no vita.

Iraka « Asa lehibe momba ny fotodrafitrasa sy ny fampitaovana »

- *Fitantanana sy fandrindrana (058)* : Ny tondromarika tao anatin'ity fandaharan'asa ity dia vita nifanaraka tamin'ny vinavina, singanina amin'izany ny isan'ny mpiasa voaofana tao amin'ny foibem-pitantanana ny fotodrafitrasa sy ny tetik'asan'ny Filoham-pirenena, ny isan'ny fitaovana azo afindra sy mihodina amin'ny lafin'ny fotodrafitrasa sy ny tetik'asan'ny Filoham-pirenena ary koa mikasika ny tahan'ny fampiasana tetibola.

- *Fampivoarana ny fotodrafitrasa* : Tsy nisy zava-bita tao amin'ireo tondromarika nifandraika tamin'izany, izany hoe ny isan'ny antontan-taratasy ara-politika voavolavola, ny isan'ny faritra voaray an-tsoratra teo amin'ny lafiny fotodrafitrasa sy ny fampitaovana, ary ny isan-jaton'ny kaominina azo idirana amin'ny alàlan'ny lalana mandavan-taona.

- MINISTERAN'NY FITATERANA, NY FIZAHAN-TANY ARY NY FAMANTARANA NY TOETR'ANDRO

Fafana 40: Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bita

Kaody	Fandaharan'asa	Sora-bola farany	Fandaniana vita	Tahan'ny vita (%)	Voasor	Tratra	Tsy tratra	Tsy voaf	Hafa	Tahan'ny vita
040	Fitantanana sy fandrindrana	8 002 447 000,00	5 210 328 559,06	65,11	2	2	0	0	0	100,00%
618	Fitantanana, fampanaraham-penitra ary fanomezan'endrika ny sehatra fizahan-tany	2 684 805 000,00	2 676 934 820,00	99,71	2	0	2	0	0	0,00%
619	Fandaminana sy fampandrosoana ny sehatra fizahan-tany	2 350 480 000,00	2 181 816 852,79	92,82	3	2	1	0	0	66,67%
022	Fitantanana sy fandrindrana	9 440 309 000,00	8 550 385 727,55	90,57	9	6	3	0	0	66,67%
208	Fitaterana an-tanety sy an-dàlam-by	73 362 275 000,00	51 527 574 083,16	70,24	7	2	5	0	0	28,57%
209	Fitaterana an-dranomasina, an-dranomamy ary ana-habakabaka	1 875 688 000,00	4 935 021 955,35	263,10	8	4	4	0	0	50,00%
211	Fivoaran'ny toetr'andro	2 240 202 000,00	2 037 476 410,37	90,95	4	4	0	0	0	100,00%
FITAMBARANY		99 956 206 000,00	77 119 538 408,28	77,15	35	20	15	0	0	57,14%

Loharanom-baovao : RAP, Tetibola enti-manatanteraka LFI sy LFR ary BCSE 2019

Iraka « Fizahan-tany »

- *Fitantanana sy fandrindrana* : amin'ny fametrahana ny fitantanana tompon'andraikitra sy mahomby, ny tahan'ny fanatsarana ny asam-panjakana dia tratra hatramin'ny 100% tamin'ny alàlan'ny fanatsarana ny fitantanana ny loharanon-karena sy ny kalitaon'ny asam-panjakana.

- *Fitantanana, fampanaraham-penitra ary fanomezan'endrika ny sehatra fizahan-tany* : ireo tondromarika roa voasoratra tao amin'ity fandaharan'asa ity dia tsy vita afa tsy ampahany ihany. Araka izany, vakoka 3 ihany tamin'ireo 10 novinavinaina no voatohana noho ny tsy fisian'ny tetibola ampy ho amin'ny fidinana ifotony mba hamantarana ireo vakoka sarobidy. Ankoatr'izay, asa mivantana 47 493 mifandray amin'ny fizahan-tany fotsiny tamin'ireo 58 000 nandrasana no niforona vokatry ny fisalasan'ireo mpandraharaha hampiasa vola amin'ity sehatra ity manoloana ny tsy fandriam-pahalemana.

- *Fandaminana sy fampandrosoana ny sehatra fizahan-tany* : ny habetsaky ny vola tafiditry ny fizahan-tany dia ambany noho ny nantenaina : tamin'ny 1 950 tapitrisa Ariary nantenaina, ny zava-nisy dia 1 468 tapitrisa Ariary ihany, nampisy elanelana 482 tapitrisa Ariary. Ny fahamaroan'ireo mpandray mpizaha-tany miasa amin'ny sehatra tsy manara-dalàna sy ny tsy fisian'ny asa fanaraha-maso ireo fandraisana mpizaha-tany no antony. Ankilany, tsapa ny fitomboan'ny mpitsidika vahiny tany amin'ireo valan-javaboahary sy faritra voaaro ary koa ny isan'ny mpizaha-tany nitsidika an'i Madagasikara noho fanatsarana ny fampivelarana ny toerana haleha.

Iraka « Fitaterana »

- *Fitantanana sy fandrindrana (022)* : momba ny fitantanana tsara ny rafitry ny fitaterana sy ny famantarana ny toetr'andro, tsenam-panjakana 84 no niasa tao anatin'ny fe-potoana nomena, volavolan-dalàna 5 voarafitra ary fitsipi-pifehezana 2 lany sy tafapetraka. Raha ny fanatsarana ny tontolon'ny asa, biraom-panjakana 7 no naorina na narenina tamin'ireo 3 novinavinaina teny am-boalohany, ary rafitra 12 tahaka ny vinavina no nomena fitaovana ho enti-miasa.

- *Fitaterana an-tanety sy an-dàlam-by* : Ny tahan'ny fihenana'ny lozam-pifamoivoizana nahafatesan'olona teny amin'ny arabe dia voafehy noho ny fanentanana nataon'ny departemantan'ny fitaterana tamin'ny alàlan'ny fitsirihina tampoka sy ny fitsapana ny tahan'ny fisotroan-toaka. Raha ny momba ny fotodrafitrasa sy ny vokatra manara-penitra, tsy nisy tobim-piantsonana, na fotodrafitrasam-pitaterana an-tanety vaovao. Na izany aza, fiantsonan-damasinina 2 tamin'ireo 4 nantenaina no narenina.

- *Fitaterana an-dranomasina, an-dranomamy ary ana-habakabaka* : tsy nisy loza sy/na fahasaratana tamin'ny sidina. Fitsipi-pifehezana 6 momba ny fitaterana an-dranomasina no tafatsangana araka ny filàna sy ny fivoaran'ny ity sehatra ity. Na izany aza, tsy nisy fandaminana na fanarenana ny seranam-piaramanidina sy ny seranan-tsambo satria ity asa ity dia nofoanana taorian'ny LFR.

Iraka « Famantarana ny toetr'andro »

- *Fivoaran'ny toetr'andro* : amin'ny fametrahana rafitra fampitandremana ara-potoana, vaovao sy fampandremana fampitandremana 84 nifanaraka tamin'ny vinavina no navoakan'ny sampan-draharahan'ny famantarana ny toetr'andro.

- MINISTERAN'NY PAOSITRA SY NY FIFANDRAISAN-DAVITRA ARY NY FAMPANDROSOANA NY HAITAO ARA-KAJY MIRINDRA

Fafana 41: Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bita

Kao dy	Fandaharan'asa	Sora-bola farany	Fandaniana vita	Tahan'ny vita (%)	Voasor	Tratra	Tsy tratra	Tsy voaf	Hafa	Tahan'ny vita
023	Fitantanana sy fandrindrana	2 461 702 000,00	1 502 192 317,80	61,02	2	1	1	0	0	50,00%
214	Fanohanana ny fanitarana ny fanapariahana ny paositra	0,00	0,00	0,00	3	2	1	0	0	66,67%
043	Fitantanana sy fandrindrana	0,00	0,00	0,00	2	0	2	0	0	0,00%
210	Fampivelarana ny fahazoana ireo tambazotra TIC any amin'ny faritra ambanivohitra	12 657 890 000,00	2 153 090 449,23	17,01	1	0	1	0	0	0,00%
FITAMBARANY		15 119 592 000,00	3 655 282 767,03	24,18	8	3	5	0	0	37,50%

Loharanom-baovao : RAP, Tetibola enti-manatanteraka LFI sy LFR ary BCSE 2019

Iraka « Paositra sy Fifandraisan-davitra »

- *Fitantanana sy fandrindrana (023) :* Tombanana ho 90% ny tahan'ny fahafaham-pon'ireo GAC (Gestionnaires d'activité) raha novinavinaina ho 100%.

- *Fanohanana ny fanitarana ny fanapariahana ny paositra :* amin'ny fanatsarana ny fanapariahana ny paositra, nefa niatrika ny fahasarotan'ireo dingana ara-panjakana, tsy nisy fikarakarana ity lafiny ity. Tetsy ankilany, noho ny fomba fiasa nihatsara, biraon'ny mpandraharaha 43 no narahamaso sy voamarina ka 33 tamin'ireny no niasa.

Iraka « Teknolojian'ny fampitam-baovao sy ny Fifandraisana » (TIC)

- *Ny fitantanana sy ny fandrindrana (043) :* tsy nisy fehezan-dalàna, fitsipi-pifehezana na antontan-taratasy ara-teknika voarafitra mba hanatsarana ny fahombiazana sy ny kalitaon'ny tolotry ny Fifandraisan-davitra sy ny Fampandrosoana ny Haitao ara-kajy mirindra taorian'ny fampiatoana ireo fomba fiasa. Ny antsasaky ny toeram-pifandraisana ihany no niasa noho ny tsy fahampiana ara-bola.

- *Fampivelarana ny fahazoana ireo tambazotra TIC any amin'ny faritra ambanivohitra :* mba hampivelarana ireo tambazotran'ny TIC, toeram-pifandraisana 16 ihany no azo noraisina tamin'ireo 30 novinavinaina noho ny fahataran'ny fivoahan'ny fankatoavana ny lalàna mifehy ny tetibola 2019.

4. Sehatra famokarana

a. Ny zava-bita sy ny fampiasana ny vola tamin'ireo Ministera tao anatin'ny sehatra famokarana

676,69 lavitrisa Ariary no nomena an'io sehatra io mba hanatanterahany ny asany. Tamin'ny faran'ny taona, ny fandaniany dia tombanana ho 344,47 lavitrisa Ariary na 50,91% tamin'ny sora-bolany farany. Ministera 4 no nitambatra tao amin'ity sehatra ity niaraka tamin'ny iraka 8 sy fandaharan'asa 21, nizara ho tanjona ankapobeny 22 sy tanjona manokana 51. Tondromarika 50 tamin'ireo 103 voasoratra no vita, na vokatra 48,54%. Izy no mitazona ny toerana voalohany amin'ny fahazoana ny tanjona kendrena.


Ny zava-bitan'ny sehatra famokarana na amin'ny resaka sora-bola na ny vokatra dia samy fintinina ao amin'ny fafana manaraka :

Fafana 42 : Famintinana ny zava-bita sy ny fampiasana ny vola tamin'ireo Ministera tao anatin'ny sehatra famokarana

Amin'ny isa											Amin'ny lavitrisa Ariary		
Min	Irak.	Fand.	OG	OS.	Tanjona		Zava-bita	Tsy tratra	Tsy voaf	Hafa	Sora-bola		Fandaniana vita
					Voaloha ny	Farany					Voalohany	Farany	
4	8	21	22	51	90	103	50	29	5	1	745,89	676,69	344,47

Loharanom-baovao : RAP, Tetibola enti-manatanteraka LFI sy LFR ary BCSE 2019

Kisary 5 : Fahombiazan'ny sehatra famokarana tamin'ny 2019 (amin'ny %)



Loharanom-baovao : RAP, Tetibola enti-manatanteraka LFI sy LFR ary BCSE 2019

b. Fanarahana isaky ny fandaharan'asam-panatanterahan'ireo Departemanta ao amin'ny sehatra famokarana

- MINISTERAN'NY INDOSTRIA, NY VAROTRA ARY NY ASA TANANA

Fafana 43: Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bita

Kaody	Fandaharan'asa	Sora-bola farany	Fandaniana vita	Tahan'ny vita (%)	Voasor	Tratra	Tsy tratra	Tsy voaf	Hafa	Tahan'ny vita
051	Fitantanana sy fandrindrana	10 253 264 000,00	9 220 637 687,49	89,93	8	3	5	0	0	37,50%
605	Indostria	285 822 000,00	277 231 352,00	96,99	9	3	2	4	0	33,33%
621	Fampiroboroana ny sehatra tsy miankina	266 320 000,00	246 892 028,00	92,71	4	2	1	1	0	50,00%
037	Fitantanana sy fandrindrana	18 749 968 000,00	17 926 712 358,74	95,61	1	0	1	0	0	0,00%
614	Varotra anatin'ny	78 445 000,00	71 533 190,00	91,19	2	2	0	0	0	100,00%
615	Varotra ivelany	9 578 806 000,00	434 948 215,83	4,54	1	0	1	0	0	0,00%
616	Asa tanana	567 821 000,00	564 703 838,00	99,45	5	1	4	0	0	20,00%
FITAMBARANY		39 780 446 000,00	28 742 658 670,06	72,25	30	11	14	5	0	36,67%

Loharanom-baovao : RAP, Tetibola enti-manatanteraka LFI sy LFR ary BCSE 2019

Iraka « Industria »

- *Fitantanana sy fandrindrana* : Ny tanjona ankapobeny dia ny hanana fitantanana mahomby sy mazava. Araka izany, fanamarinam-pahaizana sy diplaoma 160 no nomena ny mpiasa tao amin'ny Ministera tamin'ny fiofanana isan-karazany, tahirin-kevitra 60 mifandraika amin'ny fomba fitantanandraharaha, ara-bola, fitantanana ny mpiasa, ary koa antontan-taratasy sy lalàna maro karazana nalefa tao amin'ny Filankevitra no natao an-tsoratra. Ankoatr'izay, antontan-kevitra 77 no tafapetraka, mitanisa ny lisitr'ireo orinasa sy indostria marina sy nifanaraka tamin'ny lalàna ary koa ireo fandrindrana fototra momba ny lamba indostrialy malagasy.

- *Indostria* : 2 tamin'ireo sosaitem-panjakana 70 nandrasana ihany no efa niasa indray, dia ny SASM (Société Agricole Sucrière Malagasy) sy ny SECREN (Société d'Etudes, de Construction et de Réparation Navales). Sehatra vaovao roa (2) tamin'ireo valo (8) nandrasana no tafapetraka, dia ny sehatry ny sakafo sy ny sehatry ny fanodinana ara-indostrialy. Ny angon-kevitra momba ny famatsiambola amin'ny sehatry ny indostria sy ny vola nampiasaina tamin'ireo vokatry indostrialy malagasy dia nambara fa tsy azo noho ny tsy fisian'ny ny angon-kevitra ara-toekarena mikasika izany. Na izany aza, sata vaovao enina (6) momba ny sosaitem-panjakana sy ny orinasam-panjakana mifamatotra amin'ny Ministera no afaka novolavolaina sy natsangana ary vondrona mpanodina 103 noforonina sy nanaradalàna, mba hanatsara ny lanjan'ny indostria Malagasy.

- *Fampiroboroboana ny sehatra tsy miankina* : fanavaozana goavana roa (2) momba ny lalàna mifehy ny orinasa sy kaoperativa miasa amin'ny sehatry ny fandraharahana no natao, ary orinasa 220 niforona raha novinavinaina ho 80 vokatry ny fampidirana ireo kaoperativa ho tao amin'ny sehatry ny fandraharahana. Na izany aza, olana 16 mifandraika amin'ny sehatra tsy miankina ihany no voavaha tamin'ireo 70 nandrasana satria ny olana sasany dia mila vahana amin'ny lamina sy vahaolana izay mbola hohadihadiana sy hampiharina amin'ny fotoana manaraka.

Iraka « Varotra »

- *Fitantanana sy fandrindrana (037)* : ny tahan'ny fampiasana tetibola dia 76% tamin'ny vinavina 95%. Ity elanelana ity dia noho ny fahataran'ny fanokafana ny sora-bolan'ny LFR sy ny fahataran'ny fanendrena ireo mpisehatra ara-tetibola.

- *Varotra anatin'ity* : Ny tondromarika tao anatin'ity fandaharan'asa ity dia samy nahatratra ny tanjona nokendreny, anisan'izany ny tahan'ny vokatry izay manaja ny fepetra manan-kery momba ny atolotra ho an'ny mpanjifa sy manaja ny fenitra ara-pahasalamana ary ny tahan'ny vokatry azo jifaina eny amin'ny tsena manaja ny fenitry ny fahasalamana ho fiahiana ny mpanjifa.

- *Varotra ivelany* : ny tanjona tokana tao amin'ity fandaharan'asa ity dia ny fanatsarana ny fampidirana tsikelikely an'i Madagasikara ho ao anatin'ny toekarena iraisam-paritra sy iraisam-pirenena. Araka izany, fandraisana anjara 11 tamin'ny fivoriana no nisy tamin'ny vinavina 18 noho ny fahataran'ny fanendrena ireo mpisehatra ara-tetibola hanampy amin'ny fanatrehana ireo fivoriana iraisam-pirenena isan-karazany.

Iraka « Kolontsaina sy Asa tànana »

- *Asa tànana* : mba hanatsara ny rafitry ny fivarotana ireo vokatry ny asa tànana, karazana asa tànana 70 no namidy, mpanao asa tànana 75 000 ara-dalàna an'asa ary asa tànana isan-karazany 40, fitaratry ny kolontsaina malagasy, novokarina sy namidy, nantsoina hoe « vokatry ny asa tànana vita malagasy ».

- MINISTERAN'NY FAMBOLENA SY NY FIOMPIANA ARY NY JONO

Fafana 44: Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bita

Kaody	Fandaharan'asa	Sora-bola farany	Fandaniana vita	Tahan'ny vita (%)	Voas	Trat	Tsy tratra	Tsy voaf	Hafa	Tahan'ny vita
033	Fitantanana sy fandrindrana	4 302 925 000,00	4 297 222 745,60	99,87	4	2	2	0	0	50,00%
408	Fampandrosoana ny jono sy ny harena anaty rano	54 370 221 000,00	15 001 898 609,91	27,59	6	3	2	0	1	50,00%
059	Fitantanana sy fandrindrana	0,00	0,00	0,00	4	0	0	0	4	0,00%
410	Filaminan'ny ranomasina sy ireo haren	0,00	0,00	0,00	3	0	0	0	3	0,00%
061	Fitantanana sy fandrindrana	31 069 509 000,00	29 110 489 006,51	93,69	2	2	0	0	0	100,00%
411	Fambolena	443 348 059 000,00	235 072 766 548,20	53,02	3	2	1	0	0	66,67%
412	Fiompiana	958 808 000,00	664 516 306,08	69,31	2	2	0	0	0	100,00%
FITAMBARANY		534 049 522 000,00	284 146 893 216,30	53,21	24	11	5	0	8	45,83%

Loharanom-baovao : RAP, Tetibola enti-manatanteraka LFI sy LFR ary BCSE 2019

Iraka « Jono »

• *Fitantanana sy fandrindrana* : na teo aza ny fahataran'ny famoahana ny sora-bola sy ny fanendrena ireo mpisehatra ara-tetibola, ny tahan'ny fampiasana ny tetibola dia 94,69% tamin'ny vinavina 100%, nampiseho elanelana 5,31% fotsiny.

• *Fampandrosoana ny jono sy ny fiompiana trondro* : ny hetsika teny anivon'ny faritra ho an'ny Fitaleavana misahana ny Harena anaty rano sy ny jono dia vita araka ny tokony ho izy. Raha ny fivarotana ny vokatra anaty rano, tsy nisy paikady ara-barotra na toro-làlana momba ny fivarotana voarafitra. Tetsy andaniny, boky 2 momba ny fampifanarahana, fanovàna sy fanalefahana manoloana ny fiovaovan'ny toetr'andro no voavolavola ; dia ny antontan-taratasy momba ny PNA (Plan National d'Adaptation) sy PANLCC (Plan d'Action National de Lutte contre le Changement Climatique).

Iraka « Fambolena sy Fiompiana »

• *Fitantanana sy fandrindrana (061)* : nahitana fitomboana 28% ny tahan'ny fahombiazan'ny Ministera, nihoatra ny tanjona napetraka, noho ny andraikitra noraisin'ny Ministera nanohizana ireo ezaka isan-taona, mba hanatsara ny zava-bitan'izy ireo ho azo tsapain-tanana kokoa ho tombontsoan'ny mponina. Ankoatr'izay, mpiasa 1 223 no nandray soa tamin'ny fanatsarana ny fahaiza-manao raha 350 ny vinavina, tanjona ho enti-manatsara ny asan'ny tantsaha ary hamoronana asa eny ambanivohitra.

• *Fambolena* : Ny tanjona tao amin'ity fandaharan'asa ity dia ny fampivelarana ny fambolena amin'ny tsena anatin'ny sy iraisam-pirenena. Fikambanana mpamboly sy ny tokantrano 99 872 no nahazo

tombontsoa tamin'ny fari-piainana mihatsara. Ny Ministera dia nanamafy ny fanomezana tohana ho an'ny mpamokatra (voa, zezika ary fitaovam-pambolena madinika). Ankoatr'izay, 4 987 ha tamin'ireo velaran-tany hovolena no voatondraka raha 20 000 ha ny vinavina voalohany, nataon'ny Ministera ho laharam-pahamehana mba hanitarana ny faritra azo volena ary hampitombo ny voka-pambolena. Na izany aza, Ny teti-bidin'ny fanomezana natokana ho an'ny mpamokatra dia nihena 2 931 tapitrisa Ariary tamin'ny vinavina, noho ny fahataran'ny vola noraisina tamin'ny FDA (Fonds de Développement Agricole).

- *Fiompiana* : Mampivelatra ny fiompiana mifototra amin'ny tsena no hany tanjona ankapobeny tao amin'ity fandaharan'asa ity. Mpiompy 42 016 no notohanana sy nampianarina raha 90 ny vinavina teny am-boalohany, tafahoatra lavitra tamin'ny tanjony ny zava-bita. Izany dia noho ny ezaka nataon'ny Ministera teo amin'ny fanamafisana ny fahaiza-manao mba hanatsarana ny karazana, hanavaozana ny teknika, hampiroborobo ireo sehatra ary koa haha-matihanina ireo mpiompy mba hahazoana vokatra tsara kokoa sy afaka mifaninana. Ankoatr'izay, fotodrafitrasa manara-penitra 371 no tafapetraka mba hampivoatra, hanitatra ary hamelona indray ny sehatry ny fiompiana.

- MINISTERAN'NY TONTOLO IAINANA SY NY FAMPANDROSOANA LOVAIN-JAFY

Fafana 45: Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bita

Kaody	Fandaharan'asa	Sora-bola farany	Fandaniana vita	Tahan'ny vita (%)	Voasor	Tra ra	Tsy tratra	Tsy voaf	Hafa	Tahan'ny vita
017	Fitantanana sy fandrindrana	15 128 427 000,00	14 865 258 432,46	98,26	7	3	0	0	4	42,86%
701	Fitantanana maharitra ny harena voajanahary	74 044 803 000,00	7 671 050 738,86	10,36	6	5	0	0	1	83,33%
703	Fampivoarana ny lamina hiarovana ny tontolo iainana	0,00	0,00	0,00	3	0	0	0	3	0,00%
704	Fikojakojana ny asa ara-haivoary malagasy	3 333 801 000,00	889 858 472,96	26,69	10	4	3	0	3	40,00%
FITAMBARANY		92 507 031 000,00	23 426 167 644,28	25,32	26	12	3	0	11	46,15%

Loharanom-baovao : RAP, Tetibola enti-manatanteraka LFI sy LFR ary BCSE 2019

- *Fitantanana sy fandrindrana* : Manatsara ny vokatra eo amin'ny lafiny tontolo iainana sy ny fampandrosoana lovain-jafy, lohahevitra 30 no voazara araka ny efa nomanina, nifandraika tamin'ny fiofanana sy ny fanentanana mba hanamafisana ny fahaiza-manaon'ireo mpisehatra. Tranom-panjakana 3 no narenina sy / na naorina ary teknisianina 25 momba ny tontolo iainana tamin'ireo 10 novinavinaina no nahazo diplaoma BTS (Brevet de Technicien Supérieur) teo anivon'ny CNFTF (Centre National de Formation des Techniciens Forestiers) tao Angavokely vokatry ny fampitomboana ny fahafahan'ny ivon-toerana mandray mpianatra.

- *Fitantanana maharitra ny harena voajanahary* : tanteraka avokoa ireo tondromarika rehetra tao amin'ity fandaharan'asa ity. 41 065 ha ny velaran-tany voavoly hazo nandritra ny fotoam-pambolen-kazo 2019 noho ny fanohanana'ireo mpiara-miasa ara-teknika sy ara-bola samihafa, ireo tetikasa isan-karazany mandeha sy ny famatsiam-bola avy amin'ny Fanjakana. Ankoatr'izay, fanaraha-maso 862 no vita, ka nahafahana nanadio ny fanondranana antsokosoko ny andramena sy ny hazo sarobidy tamin'ny

alàlan'ny fanamarinana ireo antontan-taratasy. Farany, fanaraha-maso ara-haivoary 123 no natao ary fitarainana momba ny tontolo iainana 45 no nalamina mikasika ny ireo hetsika mitarika amin'ny fahalotoan'ny rano, ny rivotra ary ny tany fteny anivon'ny faritra tsirairay.

- *Fikojakojana ny asa ara-haivoary malagasy*: mba hananganana paikady fiaraha-miasa ho an'ny fampandrosoana maharitra, volavolam-piaraha-miasa 3 no nosoniavina araka ny efa nomanina, dia ny fametrahana BCPE (Bureau de Coordination Pêche-Environnement) an'ny fandaharan'asa « fitantanana maharitra ireo harena an-dranomasina eto Madagasikara, niarahana niasa tamin'ny GALANA ho fampiroboroana ny etona fandrehitra mora vidy sy tamin'ny alàlan'ny fankatoavana ny fandaharan'asa fampihenana ny fahalanian'ny Atiala Atsinanana. Raha ny fampidirana ny foto-kevity ny fampandrosoana maharitra, antontan-taratasy 52 mahakasika ny fampiasam-bola no narahina sy notombanana ary rafitra valo (8) tamin'ny fampidirana amin'ny fampandrosoana maharitra no nohamafisina.

- MINISTERAN'NY HARENA AN-KIBON'NY TANY SY NY LOHARANON-KARENA STRATEJIKA

Fafana 46: Fandravonana ny fampiasana ny vola sy ny zava-bita

Kaody	Fandaharan'asa	Sora-bola farany	Fandaniana vita	Tahan'ny vita (%)	Voasor	Tratra	Tsy tratra	Tsy voaf	Hafa	Tahan'ny vita
019	Fitantanana sy fandrindrana	7 598 566 000,00	6 888 093 959,01	90,65	14	12	2	0	0	85,71%
217	Fampandrosoana ny sehatry ny solika	165 352 000,00	151 155 764,60	91,41	5	1	4	0	0	20,00%
609	Fampivelarana ny harena an-kibon'ny tany	2 585 046 000,00	1 114 558 369,69	43,12	4	3	1	0	0	75,00%
FITAMBARANY		10 348 964 000,00	8 153 808 093,30	78,79	23	16	7	0	0	69,57%

Loharanom-baovao : RAP, Tetibola enti-manatanteraka LFI sy LFR ary BCSE 2019

- *Fitantanana sy fandrindrana*: ny ankamaroan'ny tondromarika voasoratra tao amin'ity fandaharan'asa ity dia nahatratra ny tanjon'izy ireo, ny tena zava-dehibe indrindra: ny fitomboan'ny tahan'ny fiakaran'ny hetra, ny vola alaina amin'ny asa sy ny fanangonana ary taorian'izay ny fampahafantarana ny daholobe ireo fitsipi-pifehezana, ny fanavaozana ny antontan-taratasy-panjakana an'ireo mpiasa, ny fampifanarahana ny satan'ny sosaitem-panjakana sy ny orinasam-bahoaka mifamatotra amin'ny Ministera ary farany ny fitomboan'ny isan'ny lahatsoratra sy ny fampahafantarana tamin'ny haino aman-jery sns.

- *Fampandrosoana ny sehatry ny solika* : tahirin-tsolika 8 ihany no efa an-dàlam-pitrandrahana tamin'ireo 40 novinavinaina noho ny fampiatoana ny hetsika momba ny fampivelarana ireo tahirin-tsolika 44 taorian'ny fanapahan-kevity ny governemanta tamin'ny daty 13 Febroary 2019. Ankoatr'izay, rijan-teny tokana ho an'ny sehatry ny solika ihany no nohavaozina tamin'ny rijan-teny 30 izay novinavinaina.

- *Fampivelarana ny harena an-kibon'ny tany* : orinasa madinika 3 264 no nambara fa ara-dalàna nanoloana ny 1 400 napetraka, tanjona izay tratra tamin'ny alàlan'ny fanarahana ny fitsipika, ny

fanpianarana sy ny fizarana karatra ho an'ireo mpandraharaha ara-bolamena. Ny fanentanana, ny fanofanana ary ny fifanakalozana niarahana tamin'ireo mpitrandraka ara-dalàna sy tsy ara-dalàna, ny fidinana ifotony tany amin'ireo faritra hafa sy ny fanatsarana ny fiaraha-miasa tamin'ny manam-pahefana dia nanampy betsaka ihany koa. Ny tahan'ny famerenana sy ny fizarana ny hetra teo anivon'ny Ministeran'ny Harena an-kibon'ny tany sy ny Loharanon-karena stratejika dia vita araka ny efa nomanina. Na izany aza, noho ny tsy fivoahan'ny fahazoan-dàlana momba ny fitrandrahana, tsy nisy ny IDE (Investissement Direct à l'Etranger) vaovao ary ny fangatahana fahazoan-dàlana dia mbola teo amin'ny fotoana fandinihana azy hatrany.

III. FANADIHADIANA NY ENDRIKY NY TETIBOLA TAO AMIN'NY LALANA

MIFEHY TETIBOLA 2019

TENY FAMPIDIRANA

Ity fizarana farany ity dia hanome fomba fijery momba ny fivoaran'ny sora-bola, tamin'ny alàlan'ny famakafakana ireo didy fanitsiana sora-bola sy ny didy famoaham-bola mialoha ho an'ny taom-piasana 2019. Aorian'izay dia horesahina ny vokatry ankapobeny tamin'ny fampiasana ny tetibola ho an'ny taona 2019, izay manasongadina isaky ny fizarana, ny vinavina sy ny zava-bita, na teo amin'ny lafiny fidiram-bola na fandanim-bola.

Ny tena vola niditra marina sy ny fandanim-bola voamarina dia 8 859 289 461 538,26 Ariary sy 8 861 565 849 800,57 Ariary isan'isany, niafara tamin'ny fatiantoka 2 276 388 262,31 Ariary.

A. FAMAKAFAKANA NY FIVOARAN'NY SORA-BOLA

Araka ny LOLF ao amin'ny fizarana faha-III, ny parlemanta no manome alàlana ny fanitsiana ny mari-bola mandritra ny taona. Nandritra ny taona 2019, ny governemanta dia niditra tamin'ny fanovàna ny sora-bola, ary koa tamin'ny fanokafana ny sora-bola fanampiny teo am-panajana hatrany ireo fepetra napetraky ny andininy faha-19 sy 20.

1. Fihetsehan'ny sora-bola

Taorian'ny nananganana ny LFR tamin'ny May 2019, ny ankamaroan'ny Andrim-panjakana sy ny Ministera dia nanao ny fanitsiana ny sora-bolan'izy ireo, namboarina tamin'ny alàlan'ny fananganana rijan-teny 275. Araka izany, didim-pitondrana fanitsiana ny tetibola 245 sy didim-panjakana 30 no nivoaka, ka ny 07 dia dia momba ny asa famindrana ary ny 23 momba ny asa famadihana.

Ny isan'ireo didy fanovàna sora-bola natao tamin'ny taona 2019 dia nihena kely raha ampitahaina tamin'ny taona 2018, araka ny aseho ao amin'ny fafana manaraka :

Fafana 47: Endriky ny fihetsehan'ny sora-bola tamin'ny 2017 hatramin'ny 2019

Karazana didy	2017	2018	2019
Didim-panjakana famindrana ny sora-bola (famindrana sora-bola anatin'ny Ministera iray)	6	13	23
Didim-panjakana famindrana sora-bola (fandaharan'asa anatin'ny Ministera iray)	10	20	07
Didim-pitondrana fanitsiana sora-bola	246	329	245
FITAMBARANY	262	362	275

Loharanom-baovao : Didy manova ny sora-bola tamin'ny 2017 hatramin'ny 2019, taorian'ny LFR

❖ **Didim-panjakana famindrana sora-bola (fandaharan'asa anatin'ny Ministera iray ihany)**

Taorian'ny LFR, hetsika famindrana sora-bola 07 no natao, ka ny fitambaran'ny dia tafakatra 115,727 lavitrisa Ariary. Izy ireo dia hita teo anivon'ireto Andrim-panjakana sy Ministera manaraka ireto :

- Ny Fiadidiana ny Praiministra, noho ireo iraka anatin'ny nataon'ny Praiminisitra momba ny fanaraha-maso sy ny fanamarinana ny asa ataon'ny governemanta sy ny fanatanterahana ireo tetik'asa sy ny asa sosiahy tamin'ny alàlan'ny ONN (Office Nationale de la Nutrition) araka ny fampanantenan'ny Filoham-pirenena.
- Ny Ministeran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana, noho ny fandoavana ireo vola tsy voaloha tamin'ireto Haba amin'ny tataom-bidy tao amin'ny BNGRC ;
- Ny Ministeran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, noho ny fandoavana ireo fandaniam-bola maika sy laharam-pahamehan'ny governemanta ;
- Ny Ministeran'ny Fanajariana ny tany, ny Toeram-ponenana ary ny Asa vaventy, nahatanteraka didy famindrana sora-bola roa, ho fanatanterahana ireo tetik'asan'ny Filoham-pirenena isan-karazany ho an'ny taona 2019 ;
- Ny Ministeran'ny Fahasalamam-bahoaka, izay nanao didy famindrana sora-bola roa, ho an'ny fampandehanan-draharahan'ny ivon-toerana momba ny dializy tao amin'ny CHU Andohatopenaka sy ny fandoavana ny tambin-karaman'ny mpitsabo tamin'ny faritany efatra, andaniny, ary ho an'ny fanamboarana ny fitaovana fanaovana « Scanner » tao amin'ny CHU Manarapenitr'i Mitsinjo Betanimena, Toliara, sy ny famokarana « Oxygène » tao amin'ny CHU Manarapenitr'i Andrainjato Fianarantsoa sy ny fanarenana ny trano tranainy tao amin'ny CHU Manarapenitry ny renivohi-paritany 6 ary koa ny fampitaovana azy ireo, ankilany.

❖ **Didim-panjakana famindrana ny sora-bola (famindrana sora-bola anatin'ny fandaharan'asan'ny Ministera roa samihafa na maromaro)**

Famadihana sora-bola maro ihany koa no efa tanteraka, namboarina tamin'ny fandraisana didim-panjakana 23, ny fitambaran'ny vola dia nahatratra 1 711,611 lavitrisa Ariary.

- Ny Ministeran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola dia nanatanteraka famadihana sora-bola maro ho an'ireto Andrim-panjakana sy Ministera manaraka ireto :
 - Tamin'ny alàlan'ny didim-panjakana laharana 2019-1297 tamin'ny 26/08/2019, ny Ministeran'ny Raharaham-bahiny dia nahazo famindrana vola 170 tapitrisa Ariary, fanomezana ho an'ny seho ivelany ho fankalazana ny faha-59 taonan'ny Fahaleovantenan'i Madagasikara.
 - Tamin'ny alàlan'ny didim-panjakana laharana 2019-1444 tamin'ny 07/08/2019 :
 - Ny Ministeran'ny Raharaham-bahiny dia nahazo vola 3, 290 tapitrisa Ariary, noho ny fandoavana ny saram-pandaminana sy ny karaman'i Pr Walid Ben Hamida momba ny raharahan'ny COURTS, PGM sy MADAMOBIL ary ny

fandoavana ny vola tamin'ny fitaterana ireo vahiny manan-kaja sy ireo tompon'andraikitra ambony nandritra ny fankalazana ny fetim-pirenena ;

- Ny Ministeran'ny Fiarovam-pirenena dia nomena vola 2,940 lavitrisa Ariary, ny Sekreteram-panjakana teo anivon'ny Ministeran'ny Fiarovam-pirenena misahana ny Zandarmaria dia nahazo vola 691,750 tapitrisa Ariary ihany koa ary ny Ministeran'ny Filaminam-bahoaka dia nahazo vola 1,173 lavitrisa Ariary ihany koa, ho fandoavana ny vola noho ny fihetsehan'ireo milina vaovao nandritra ny filatroana tamin'ny 26 jona 2019.
- Tamin'ny alàlan'ny didim-panjakana laharana 2019-1539 tamin'ny 30/08/2019, ny Ministeran'ny Fanajariana ny tany, ny Toeram-ponenana ary ny Asa vaventy dia nahazo vola 102 lavitrisa Ariary, noho ny fanarenana ny efapolo kilometatra voalohany tamin'ny làlam-pirenena faha-44.
- Tamin'ny alàlan'ny didim-panjakana laharana 2019-1665 tamin'ny 03/08/2019, ny Vaomieram-pirenena mahaleo-tena misahana ny Fifidianana dia voakasiky ny famindrana sora-bola 24,827 lavitrisa Ariary, noho ny fividianana fitaovana, ny antontan-taratasy vita pirinty sy ny fifidianana Ben'ny tàmàna sy ny vola ho an'ireo mpiantsehatra ;
- Tamin'ny alàlan'ny didim-panjakana laharana 2019-1775 tamin'ny 18/09/2019 :
 - Ny Antenimieran-doholona dia nahazo sora-bola 1,159 tapitrisa Ariary, noho ny fandanianana momba ny fampandehanan-draharahan'ny Antenimieran-doholona sy ny iraky sahanin'ny Loholona ;
 - Ny Ministeran'ny Fiarovam-pirenena dia nahazo vola 1,131 lavitrisa Ariary, noho ny fandoavana ny fisotroan-drononon'ireo miaramila ;
 - Ny Ministeran'ny Fahasalamam-bahoaka dia nomena vola 6,957 tapitrisa Ariary, ho fanarenana ny vola nivoaka tamin'ny fampiasam-bola ;
 - Ny Ministeran'ny Kolontsaina sy ny Serasera dia nahazo vola 855,617 tapitrisa Ariary, ho fandoavana ny faktiora isan-taona tamin'ny hofan'ny EUTELSAT MADEIRA.
- Tamin'ny alàlan'ny didim-panjakana laharana 2019-1930 tamin'ny 09/10/2019, ny Antenimieram-pirenena dia nahazo vola 1,500 lavitrisa Ariary ho an'ny fandanianam-bola maharitra sy tsy maintsy atao amin'ny solika ho an'ireo solombavam-bahoaka ;
- Tamin'ny alàlan'ny didim-panjakana laharana 2019-2000 tamin'ny 22/10/2019, ny Fiadidiana ny Repoblika, ny Ministeran'ny Serasera sy ny Kolontsaina, ny Ministeran'ny Fahasalamam-bahoaka ary ny Ministeran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana dia nahazo tombony tamin'ny famindrana sora-bola izay tafakatra 812,600 lavitrisa Ariary, ho famerenana amin'ny laoniny ny fampiasam-bola ho any amin'ireo fandanianam-bola laharam-pahamehana ;

- Tamin'ny alàlan'ny didim-panjakana laharana 2019-2002 tamin'ny 22/10/2019, ny Fiadidiana ny Repoblika sy ny Ministeran'ny Fampianarana ambony sy ny Fikarohana siantifika dia nahazo vola 5 lavitrisa Ariary, ho an'ny fikarakarana ny andiany manokana faharoa tamin'ny Bakalorea ;
- Tamin'ny alàlan'ny didim-panjakana laharana 2019-2111 tamin'ny 20/10/2019, ny Ministeran'ny Fitsarana dia nahazo vola 2,064 lavitrisa Ariary, mba hampahomby ny fikirakirana ny asa sy ny vokatry tamin'ny fifidianana kaominaly tamin'ny alàlan'ny Filankevi-panjakana sy ny Fitsarana Raharaham-panjakana ;
- Tamin'ny alàlan'ny didim-panjakana laharana 2019-2113 tamin'ny 20/10/2019 :
 - Ny Antenimieram-pirenena dia nahazo vola 1,300 lavitrisa Ariary, ho an'ny fitsinjarana solika tamin'ny volana Desambra ;
 - Ny Sekreteram-panjakana miadidy ny Zandarimariam-pirenena teo anivon'ny Ministeran'ny Fiarovam-pirenena dia nahazo vola 2,143 lavitrisa Ariary, noho ny fiverenan'ny fampiasam-bola sy ny fividianana ny « radio » amin'ny fifandraisan-davitra, UHF, VHF, fakan-tsary amin'ny fanaraha-maso sy ny kojakojanya ;
- Tamin'ny alàlan'ny didim-panjakana laharana 2019-2169 tamin'ny 03/12/2019, ireto Ministera tanisaina manaraka ireto izay ahitana ny Ministeran'ny Tanora sy ny Fanatanjahan-tena, ny Ministeran'ny Indostria, ny Varotra ary ny Asa tàmàna, ny Ministeran'ny Rano, ny Fanadiovana ary ny Fidiovana, ny Ministeran'ny Fanabeazam-pirenena , ny Fampianarana teknika sy arak'asa, ny Ministeran'ny Fampandrosoana lovain-jafy sy ny Tontolo iainana, ny Ministeran'ny Fanajariana ny tany, ny Toeram-ponenana ary ny Asa vaventy, ny Ministeran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana, ny Ministeran'ny Fambolena, ny Fiompiana ary ny Jono, ny Fiadidiana ny Praiministra ary ny Ministeran'ny Fampianarana ambony sy ny Fikarohana siantifika dia niharan'ny famindrana sora-bola izay nitentina 17,798 lavitrisa Ariary, noho ny fandoavana ny vola ho an'ny mpiasan'ireo EPN ;
- Tamin'ny alàlan'ny didim-panjakana laharana 2019-2246 tamin'ny 18/12/2019, ny Ministeran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana dia nahazo famindrana sora-bola izay nahatratra 350 tapitrisa Ariary ho famahana ireo olana nateraky ny rivodoza BELNA ;
- Tamin'ny alàlan'ny didim-panjakana laharana 2019-2248 tamin'ny 18/12/2019, ny Ministeran'ny Fitsarana sy ny Ministeran'ny Fanajariana ny tany, ny Toeram-ponenana ary ny Asa vaventy dia nahazo tombontsoa tamin'ny famindram-bola 71,927 tapitrisa Ariary, ho famenoana ny sora-bola nihoatra tamin'ny TVA ;
- Tamin'ny alàlan'ny didim-panjakana laharana 2019-2283 tamin'ny 20/12/2019, ireto Ministera fito ireto izay ahitana ny Ministeran'ny Fanabeazam-pirenena, ny Fampianarana teknika sy arak'asa, ny Ministeran'ny Fanajariana ny tany, ny Toeram-ponenana ary ny Asa vaventy, ny Ministeran'ny Fambolena, ny Fiompiana ary ny Jono,

ny Sekreteram-panjakana miadidy ny Zandarimariam-pirenena teo anivon'ny Ministeran'ny Fiarovam-pirenena, ny Ministeran'ny Tanora sy ny Fanatanjahan-tena, ny Ministeran'ny Filaminam-bahoaka sy ny Ministeran'ny Fiarovam-pirenena dia nahazo 3,548 lavitrisa Ariary, noho ny fandoavana ny vola lany tamin'ny harona feno nozaraina ho an'ny mpiasa.

- Ny famindrana sora-bola teo amin'ny Andrim-panjakana sy Ministera dia nokarakarina tamin'ny alàlan'ireto didim-panjakana manaraka ireto :

- Ny Didim-panjakana laharana 2019-1666 tamin'ny 28/08/2019, nitentina 8,955 lavitrisa Ariary, natao ho fandoavana ny karaman'ny mpiasam-panjakana teo anivon'ireo Masoivoho sy ireo solontenan'i Madagasikara ;
- Didim-panjakana laharana 2019-2067 tamin'ny 06/11/2019, nitentina 55,477 lavitrisa Ariary, noho ny fandoavana ireo vola tsy voaloha tamin'ny latsak'emboka ara-tsosialy amin'ny rafitry ny fanavaozana ny tahiry roa momba ny fisotroan-dronono, ny fanitsiana ny sora-bolan'ny karama sy ny kojakoja an'ny mpiasam-panjakana sy ny fanendrena ireo mpiasa tao amin'ny Masoivohon'i Madagasikara sy ny fisoloan-tena maharitra an'i Madagasikara ;
- Ny Didim-panjakana laharana 2019-2249 tamin'ny 18/12/2019, nitentina 131,226 lavitrisa Ariary, ho an'ireto zavatra manaraka :
 - Ny fandoavana ireo saran-dàlana sy ny fanampiana ireo mpianatra 21 tamin'ny fampianarana ara-teknika sy arak'asa ho an'ny fianaran'izy ireo tany Casablanca ;
 - Ny famenoana ireo sora-bola nihoatra tamin'ny fandanim-bola tsy maintsy aloa tao amin'ny Ministeran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola sy ny Ministeran'ny Raharaham-bahiny ;
 - Ny famerenana amin'ny laoniny ny famindram-bola ho an'ny OTMEP (Office des Transmissions Militaires de l'Etat auprès de la Présidence).

- Ny Ministeran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola dia nahazo famindrana sora-bola telo avy tamin'ny Andrim-panjakana sy Ministera vitsivitsy, tamin'ny alàlan'ireto Didim-panjakana manaraka ireto :

- Ny Didim-panjakana laharana 2019-1899 tamin'ny 30/09/2019, nitentina 222,564 lavitrisa Ariary, ho fandoavana ny JIRAMA ;
- Ny Didim-panjakana laharana 2019-2114 tamin'ny 20/10/2019, nitentina Ariary 48,212 lavitrisa Ariary, ho fandoavana ny saran'ny JIRAMA tsy voaloha tamin'ny volana Novambra 2019 ;
- Ny Didim-panjakana laharana 2019-2247 tamin'ny 18/12/2019, nitentina 214,293 lavitrisa Ariary, ho fandoavana ireo famoaham-bola maika sy laharam-pahamehan'ny governemanta : fandoavana ny trosan'ny JIRAMA tamin'ny AKSAF POWER LIMITED sy JOVENA MADAGASCAR.

- Ny Fiadidiana ny Repoblika dia nahazo famindrana sora-bola tamin'ireo Andrim-panjakana sy Ministera, tamin'ny alàlan'ny Didim-panjakana laharana 2019-2022 tamin'ny 30/10/2019, nitentina 24,782 lavitrisa Ariary, ho fandoavana ireo vola laharam-pahamehana sy maika an'ny governemanta sy ny fandanianana momba ny fividianana miaraka ny fitaovana ara-informatika, fitaovana mandeha amin'ny herinaratra ary fitaovana elektronika.

- Ny Antenimieram-pirenena dia nahazo famindrana sora-bola 8,821 lavitrisa Ariary, avy tamin'ny Andrim-panjakana sy Ministera maromaro, tamin'ny alàlan'ny Didim-panjakana laharana 2019-2170 tamin'ny 03/12/2019, ho fandoavana ireo vola laharam-pahamehana sy maika an'ny governemanta, ny fandoavana fivezivezen'ireo loholona tamin'ny fotoam-pivoriana ara-potoana ary ny fandoavana ireo valisoa ho an'ny mpiasan'ny Antenimieram-pirenena.

❖ **Didim-pitondrana fanitsiana sora-bola**

Ny Andrim-panjakana sy Ministera dia voatery nanao fanovàna ny sora-bolan'izy ireo noho ny antony maro isan-karazany, ka ny tetibola tsy ampy tamin'ny kaonty sasany taorian'ny fandanianana ny LFR no antony voalohany voaresaka. Ny fitambaran'ny sora-bola izay novaina tamin'ny alàlan'ity lalana ity dia 447,192 lavitrisa Ariary.

Tamin'ireo didy 250 izay noraisin'ireo departemanta 29, ny fanovàna lehibe dia tao amin'ny Ministeran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, ny Ministeran'ny Fanabeazam-pirenena, ny Fampianarana teknika sy arak'asa, ary ny Ministeran'ny Asa vaventy sy Fotodrafitrasa.

➤ **Sehatra fitantanana-draharaha**

- Ny Fiadidiana ny Repoblika dia nahavita fanitsiana sora-bola 07 nitentina 3,049 lavitrisa Ariary, ka ny tena betsaka indrindra dia natokana ho fanohanana ny fampiasana ny sora-bola tao amin'ny Fiadidiana ny Repoblika sy ireo sampan-draharaha mifandray aminy ary ny fandraisana an-tànana ireo filàna maika.

- Ny Antenimieran-doholona dia tsy nanao afa tsy fanitsiana iray ihany izay nahatratra 361,400 tapitrisa Ariary, nampiasaina ho famenoana ny kaonty 6131 « solika » tao amin'ny fandaharan'asa 002 « Fitantanana sy fandrindrana » sy 119 « Fitantanana ny iraka ataon'ny loholona ao amin'ny Antenimieran-doholona ».

- Ny Antenimieram-pirenena ihany koa dia tsy nanao afa tsy didim-pitondrana fanitsiana sora-bola tokana izay nitentina 165,717 tapitrisa Ariary, natao ho an'ny fandoavana ny solon-tsakafon'ny miaramila mpiasa, ny fanomezana fahana an-tariby ho an'ireo Solombavam-bahoaka sy ny saran'ny fivezivezena teto an-toerana.

- Ny Fitsarana Avo momba ny Lalàm-panorenana dia nanatanteraka fanitsiana sora-bola roa nitentina 379,377 tapitrisa Ariary. Ny antony nahatonga ireo asa ireo dia ny famenoana sy fanitsiana ny kaonty momba ny fividianana solika sy menaka, ny fikojakojana ny fitaovana fitaterana sy ny fikojakojana ny fitaovam-birao sy fanaka, ny valisoa isan-taona ho an'ireo mpikamban'ny HCC, ny fandoavana ny tambin-karaman'izy ireo volana Novambra sy Desambra, ny fikojakojana isan-karazany

momba ny fiarakodia sy ny saran'ny paositra, ny fividianana fitaovana, ny fandoavana tambin-karama, ny saran'ny fivezivezena nandritra ny iraka ary ny fanadiovana ny trosan'ny Orinasa TELMA.

- Ny Fiadidiana ny Praisinistra dia nanatanteraka fanitsiana sora-bola 6, nahatratra 2,111 lavitrisa Ariary, ka ny tena niavaka indrindra dia ny fandoavana ireo vola lany momba ny famatsiam-bola ivelany tamin'ny PPCR (Programme Pilote pour la Résilience Climatique).

- Ny Filankevitry ny Fampihavanana Malagasy dia tsy nanao afa tsy fanitsiana iray fotsiny, ka ny teti-bidiny dia 798,775 tapitrisa Ariary, nampiasaina tamin'ny fisorohana ny krizy mialoha sy nandritra ary taorian'ny fifidianana kaominaly 2019, ho famenoana ireo sora-bolan'ny kaonty « Solika sy menaka » sy ny « Saran'ny antso an-tariby ».

- Ny Vaomieram-pirenena mahaleo tena misahana ny Fifidianana dia nanavao ny fitsinjarana ny sora-bolany tamin'ny alàlan'ny fanitsiana iray nitentina 1,497 lavitrisa Ariary, natao handoavana ireo tambin-karama tamin'ny asa sy ny latsak'emboka CNaPS an'ireo mpiasan'ny CENI, ny filàna amin'ny fampiasana antso an-tariby, ny fandaniam-bola nifandraika tamin'ny fikarakarana fivoriana, ny fandaniana momba ny fikojakojana ny fiara, ny famenoana ny vola handoavana ny fandraisan'anjaran'ny CENI tamin'ireo vola fandoan'ny ININFRA (Institut National de L'Infrastructure), ny fikarakarana ny fifidianana kaominaly sy ny fividianana kojakojan'informatika.

- Ny Minisiteran'ny Raharaham-bahiny dia nanao fanitsiana sora-bola 3, izay nahatratra 2,001 lavitrisa Ariary. Ny vola be indrindra nampiasaina dia natao hamenoana ny kaonty momba ny « Fisoloan-tena amin'ny fitsidihana ofisialy », tamin'ny fanarenana sy fampitaovana ary fanaka birao ho an'ny Masoivohon'i Madagasikara tany Bruxelles, Roma, Maorisy, Chine ary Addis-abeba sy ny famoronana Kaonty ho an'ny fampitomboana ireo « vitrines virtuelles » tany Bruxelles, Roma, Berlin, Washington, Ottawa, Maorisy, Beijing, Geneve, ary Pretoria.

- Ny Ministeran'ny Fiarovam-pirenena dia tsy nanao afa tsy fanitsiana sora-bola 2 izay nitentina 377,200 tapitrisa Ariary. Izy ireo dia, etsy andaniny, ho amin'ny fananganana toby vaovao, ny fikojakojana sy ny fikarakarana ireo fiaramanidina sy fiara, ny fividianana fitaovana isan-karazany sy ny fitaovana ara-tafika, ary ny fandoavana ireo valisoa isan-karazany sy ny fambolena-kazo. Ary etsy ankilany, dia nikasika ny solon-tsakafo ankapobeny tamin'ny volana Desambra sy ny latsak'emboka isan-taona aloa amin'ny CIMM (Comité Internationale de Médecine Militaire).

- Ny Sekreteram-panjakana eo anivon'ny Ministeran'ny Fiarovam-pirenena miandraikitra ny zandarimaria dia tsy nanao afa tsy fanitsiana sora-bola 2 nitentina 377,200 tapitrisa Ariary. Natao izy ireo ho fanokafana ny fampiasana ny vola azon'ny zandarmariam-pirenena avy tamin'ny famindram-bola sy ny famatsiam-bolan'ny CSAO (Centres Spéciaux d'Aguerissement Opérationnel), andaniny, ary ny fanomezana fiara ireo vondrona vao noforonina teo anivon'ny Zandarmariam-pirenena, ny fanamboarana ireo fotodrafitrasa teo anivon'ireto CSAO ireto ary ny fividianana ireo fitaovana teknika natokana ho an'ny toerana fanaraha-maso ny morontsiraka, ankilany.

- Ny Ministeran'ny Atitany sy ny Fitsinjaram-pahefana dia nanatanteraka fanitsiana sora-bola 14, izay nitentina 4,156 lavitrisa Ariary, ka ny vola betsaka indrindra tamin'izany dia nampiasaina tamin'ny fanatanterahana ny iraky ny INDDL (Institut National de la Décentralisation et du

Développement Local) ho an'ny fampiofanana sy ny fanatsarana ny fahaiza-manaon'ireo olom-boafidy sy teknisianina izay miasa any amin'ireo CTD.

- Ny Ministeran'ny Filaminam-bahoaka dia nanatanteraka fanitsiana sora-bola 6, nitentina 8,043 lavitrisa Ariary, ka ny ampahany betsaka tamin'ny fandanium-bola dia nahakasika ny fananganana trano niasan'ny Fitaleavam-paritry ny Filaminam-bahoaka 10 tao anatin'ny faritra 22 sy ireo Kaomisarian'ny Polisy tany amin'ireo distrika.

- Ny Ministeran'ny Fitsarana dia nanao fanitsiana sora-bola 24, ka ny fitambarany dia nahatratra 12,507 lavitrisa Ariary. Ny anton-javatra tena nampiasana vola be indrindra dia ny fanofana trano fonenana ho an'ireo Filohan'ny Fitsarana tany Antsiranana sy ny fandraisana an-tànana ny TVA mifanandrify amin'ny fikojakojana sy ny fanofana fiara izay natao nandritra ny taona 2018, tamin'ny alàlan'ny DERL (Direction des Etudes et des Réformes Législatives).

- Ny Ministeran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola dia nanao fanitsiana sora-bola 51, nahatratra 150,311 lavitrisa Ariary. Ny fandanium-bola betsaka indrindra dia ny fandoavana ny trosan'ireo mpamatsy ny orinasa JIRAMA sy ny fanomezana fanampiana ho an'ity farany, andaniny, ary ho fanonerana ny elanelana tamin'ny vola tokony hiditra tao amin'ny Fadintseranana tamin'ny fandraisana an-tànana ireo haba sy sara fandoa amin'ny fanafaran'entana teo anivon'ny MEF, tamin'ny fanafarana ireo fitaovana isan-karazany ho an'ireo Andrim-panjakana sy Ministera, ankilany.

- Ny Ministeran'ny Asam-panjakana, ny Fanavaozana ny Fitantanana-draharaha, ny Asa ary ny Lalàna sosialy dia tsy nanao afa-tsy fanitsiana sora-bola 2, ka ny fitambarany dia 201,095 tapitrisa Ariary, nalaina ho fanatanterahana ireo iraka maika tany amin'ireo faritra mba hiantohana ny fahombiazan'ny AUGURE, andaniny, ary ho fanatanterahana ny fanampiana tamin'ny fizarana sakafo, ny fikojakojana ny « ascenseurs » sy ny fividianana « rideaux », ny tambin-karama tamin'ny fivezivezena teto an-toerana sy ny fandoavana ireo vola tsy voaloha tamin'ny fampiasana finday, ankilany.

- Ny Ministeran'ny Serasera sy ny Kolontsaina dia tsy nanao afa-tsy fanitsiana sora-bola tokana izay nitentina 355 tapitrisa Ariary, ho an'ny fandanium tamin'ny saran'ny fivezivezena anatin'ny, momba ireo tambin-karama tamin'ny iraka nataon'ny mpikamban'ny governemanta, ny fividianana fitaovana ara-teknika sy ny fanarenana ny tranon'ny ORTM (Office de la Radio et Télévision de Madagascar).

➤ ***Sehatra Sosialy***

- Ny Minisitran'ny Fahasalaman-bahoaka dia nahavita fanitsiana sora-bola 30 nitentina 8,094 lavitrisa Ariary. Ny vola betsaka indrindra dia nampiasaina ho an'ny :
 - Ny fanamboarana ireo hopitaly CHD « Manara-penitra » sy fanomezana fitaovana teknika ho an'ireo CHR ho amin'ny fanatsarana ny tolotra ara-pahasalamana eto Madagasikara ;

- Ny fividianana ny vata fampangatsiahana mandeha amin'ny masoandro sy vata fitahirizana natao hiarovana ny vaksiny tao amin'ny ambaratongan'ny rafitra ara-pahasalamana rehetra ;
- Ny fandoavana ny karaman'ny mpiasa tao amin'ny MSANP volana Desambra 2019 ary ho fanaovana laharam-pahamehana ny asan'ny Ministera ka isan'izany ny fananganana ireo hopitaly CHD « Manara-penitra » mba ho fanatsarana ny tolotra ara-pahasalamana eto Madagasikara ;
- Fanitsiana sora-bola iray teo anivon'ny Fandaharan'asa 024 "Fitantanana sy fandrindrana", ho amin'ny fampiharana ireo asan'ny MSANP.
 - Ny Ministeran'ny Tanora sy ny Fanatanjahan-tena dia nahavita fanitsiana sora-bola 4 nitentina 15,168 lavitrisa Ariary, ka ny vola betsaka indrindra dia natokana ho an'ny fanavaozana sy ny famaranana ireo asa tamin'ireo kianja « Manara-penitra » tany Morondava, Toamasina sy Antsiranana, ny fividianana fiara fisoloan-tena, andaniny, ary ho an'ny fananganana foibe fampiantranoana atleta sy mpanao fanatanjahan-tena ho amin'ny fiomanana sy ny fampivondronana teto Antananarivo, ny asa fanampiny tamin'ny kianja mitafo tao Antsirabe sy ny famenoana ny kaonty mifandraika amin'ny « Fanampiana ny sehatra tsy miankina », amin'ny tetikasa PIP izay mahakasika indrindra ny sehatry ny fifaninanana sy/na ny lalao iraisam-pirenena, na ny lalao iraisam-pirenena ankilany.
 - Ny Ministeran'ny Mponina, ny Fiahiana ara-tsosialy ary ny Fampiroboroboana ny vehivavy dia tsy nanao afa tsy fanitsiana sora-bola 2 ihany ka ny fitambarany dia 1,065 lavitrisa Ariary. Ireo asa ireo dia natao noho ny famadihana ny sora-bolan'ny DSR (Direction Solidarité et Responsabilité) nankany amin'ny DGP (Direction Générale de la Population), vokatry ny fahadisoana tamin'ny famadihana ny kaonty sy ny tsy fitoviana hita tao amin'ireo SOA 2 samihafa izay nanana anarana mitovy sy ho fandrakofana ireo famoaham-bola voalahatra ho an'ny telovolana fahefatra.
 - Ny Ministeran'ny Fanabeazam-pirenena, ny Fampianarana teknika sy arak'asa dia nanao fanitsiana sora-bola 20, izay nahatratra 99, 917 lavitrisa Ariary. Ny fitantanana ny vola natokana ho an'ireo tondromarika momba ny famoaham-bola sy ny TVA, ho fanatanterahana ny tetik'asa PAEB (Projet d'Appui à l'Education de Base) sy ny tetik'asa AQUEM, ary ny fandoavana ny tambin-karaman'ny mpiambina ny Minisitra, no antony nahatonga ny famoaham-bola be indrindra.
 - Ny Ministeran'ny Fampianarana ambony sy ny Fikarohana siantifika dia tsy nahitana afa tsy fanitsiana sora-bola 2 ihany izay nitentina 8,179 lavitrisa Ariary. Ireo asa ireo dia nikasika ny fandoavana ny vatsim-pianarana ho an'ny mpianatra sy ny fandoavana ny karaman'ny mpiasan'ny fitantanana-draharaha sy ny ara-teknika, ny ora fameno sy ny fandanian'ny fampandehanan-draharaha hafa, andaniny, ary ny famerenana sy ny fandefasana ireo mpianatra nahazo vatsim-pianarana tamin'ny Governemanta vahiny, ankilany.

➤ ***Sehatra famokarana***

- Ny Ministeran'ny Indostria, ny Varotra ary ny Asa tàmàna dia nanao fanitsiana sora-bola 5, ka ny fitambaran'ny vola dia nahatratra 212 tapitrisa Ariary. Ny fandanianana lehibe indrindra dia nifandraika tamin'ny fanatanterahana ny Tetik'asa famoronana ny varavaran'ny Varotra, tamin'ny fizarana ireo fanomezana ara-tsakafo ho an'ny mpiasa tety amin'ny foibe sy tany amin'ny faritra tamin'ny fankalazana ny fetin'ny faran'ny taona ary ny asa nankinina tamin'ny Ministera tao anatin'ny dingana fandrindrana ireo hetsika sy ny fampiharana ny politikany teny anivon'ireo faritra.

- Ny Ministeran'ny Fambolena, ny Fiompiana ary ny Jono dia nanao fanitsiana sora-bola 3, izay nahatratra 16,061 lavitrisa Ariary be izao. Ireny dia natao noho :

- - Ny fanitsiana ny tetibola natokana ho an'ny Ministera ;
- - Ny fanitsiana ny sora-bola mba hanomezan-danja ny anjaran'ny Governemanta Malagasy, ny famenoana ny sora-bola momba famatsiam-bola RPI an'ny tetik'asa PROJERMO s/c 299 ary ny famenoana ireo marika momba ny famatsiam-bola avy any ivelany sy TVA ;
- - Ny famenoana ny fandanianana mihoatra nisy tao anatin'ny sora-bolan'ny TVA nandritra ny taom-piasana 2019.

- Ny Ministeran'ny Tontolo iainana sy ny Fampanandrosoana lovain-jafy dia nanao fanovàna sora-bola tamin'ny alàlan'ny didim-pitondrana 8, ny fitambarany dia 1,181 lavitrisa Ariary, ka ny vola be indrindra dia nampiasaina tamin'ny fandoavana ireo vola tsy voaloha tamin'ny DTI sy TVA ho an'ny taona 2018.

- Ny Ministeran'ny Harena an-kibon'ny tany sy ny Loharanon-karena stratejika dia nanao fanitsiana sora-bola 7, izay nahatratra 2,057 lavitrisa Ariary. Ny fandrakofana ny kaonty momba ny « Fitaovana sy fanaka an-trano » sy « Fananganana, fandaharana ary fandaminana ireo trano » ho an'ny DAF ary ny momba ny « fitaovana ara-teknika » sy « fitaovana sy fanaka am-birao » ho an'ny DGRS no nandanianana ny ampahany be indrindra tamin'ny sora-bola novaina.

➤ ***Sehatra fotodrafitrasa***

- Ny Ministeran'ny Angovo sy ny Akoranafo dia tsy nanao afa tsy fanitsiana sora-bola iray ihany izay nitentina 14,345 lavitrisa Ariary, noho ny asa fampitaovana ara-herinaratra, ny asa maika, ny fividianana fitaovana ara-teknika sy ny kamiao vaovao ho an'ny SAMVA (Service Autonome de Maintenance de la Ville d'Antananarivo).

- Ny Ministeran'ny Asa vaventy sy ny Fotodrafitrasa dia nanao fanitsiana sora-bola 20 ka ny fitambarany dia 53,438 lavitrisa Ariary. Ny vola be indrindra dia nampiasaina mba hahatrarana ireo tanjona ho an'ny taona 2019, ny fandoavana ny vola tsy hetra tamin'ireo Tetik'asa ary koa ny fandoavana ny TVA sy ny fanatanterahana ny fandaharan'asa momba ny trano izay voasoratra tao anatin'ny politika ankapoben'ny fanjakana.

- Ny Ministeran'ny Fizahan-tany, ny Fitaterana ary ny Famantarana ny toetr'andro dia nahavita fanitsiana sora-bola 2, nitentina 1,362 lavitrisa Ariary. Ireo fanitsiana ireo dia natao mba hahatrarana ny

tanjona napetraky ny Ministera sy ny fanatanterahana ireo hetsika nomanina ho an'ny taona 2019 ary ho famenoana ny vola fanampiana ireo sehatra tsy miankina.

- Ny Minisiteran'ny Paositra, ny Fifandraisan-davitra ary ny Fampandrosoana ny Haitao arakajy mirindra dia tsy nanao afa tsy fanitsiana sora-bola tokana izay nitentina 126,012 tapitrisa Ariary, hanatanterahana ny asa an'ny taona 2019.

2. Didim-panjakana mialoha : fanokafana sora-bola fanampiny

Ankoatry ny asa fanovàna sora-bola voalaza etsy ambony, didim-panjakana mialoha iray mitondra ho amin'ny fampidirana sora-bola fanampiny no natsangana nandritra ny taona 2019, izay nahatratra 365,500 tapitrisa Ariary, ho fanatsarana ny fahaiza-manao amin'ny fandalinana ireo antony mamparefo ny rafitra sy ny fampiroboroboana ny toekarena manga, ary ny fanetsiketsehana ireo fidiram-bolam-panjakana.

B. VINAVINA, FANATANTERAHANA ARY VOKATRA ANKAPOBEN'NY TETIBOLAM-PANJAKANA 2019

1. TETIBOLA ANKAPOBEN'NY FANJAKANA

1.1 Vola niditra tamin'ny Tetibola ankapoben'ny Fanjakana

Ny fidiram-bolan'ny Tetibola ankapoben'ny Fanjakana dia nitsahatra teo amin'ny 7 652,45 lavitrisa Ariary ho an'ny fitantanana 2019. Ny fatra ankapobeny tamin'ny fampiasana ireo loharanom-bola dia 5 890,40 lavitrisa Ariary, na 76,97% tamin'ny vinavina.

a. Fanadihadiana ankapobeny ny vola miditra

Nahatratra 5 164,85 lavitrisa Ariary ny fampidiran-ketra na tahan'ny famoriana 88,96% raha oharina tamin'ny vinavina, raha toa ka ny fidiram-bola tsy hetra dia 725,55 lavitrisa Ariary, na 39,29%. Ity toe-javatra ity dia aseho eo amin'ny fafana etsy ambany :

Fafana 48 : Endrika ankapoben'ny vola miditra

Fitanisana	Vinavina LFR	Vinavina farany	Amin'ny Ariary
			Zava-bita
FAMPANDEHANAN-DRAHARAHA	6 658 043 584 000,00	6 658 043 584 000,00	5 670 804 411 065,13
Vola miditra hetra	5 805 635 400 000,00	5 805 635 400 000,00	5 164 850 221 272,24
Vola miditra tsy hetra	102 244 184 000,00	102 244 184 000,00	505 954 189 792,89
Fidiram-bola tsotra	104 000 000,00	104 000 000,00	-
Fanampiana ara-bola tsy averina	750 060 000 000,00	750 060 000 000,00	-
Fidiram-bola vokatry ny fisintahan'ny Fanjakana	0,00	0,00	-
Fidiram-bola manokana	0,00	0,00	-
Renivola niditra (IADM – FMI)	0,00	0,00	-
HANA-PAMOKARANA	994 044 000 000,00	994 409 500 000,00	219 593 037 879,32
Fanampiana avy any ivelany/PIP	994 044 000 000,00	994 409 500 000,00	219 593 037 879,32
FITAMBARANY	7 652 087 584 000,00	7 652 453 084 000,00	5 890 397 448 944,45

Loharanom-baovao : Endriky ny vola miditra 2019 – CGAF 2019

Tamin'ny vinavina 6 658,04 lavitrisa Ariary, ny fidiram-bola anatiny dia nahatratra 5 670,80 lavitrisa Ariary, na tahan'ny fahatrarana 85,17%. Ny tanjona 994,41 lavitrisa Ariary tamin'ny vola miditra avy any ivelany dia vory tamin'ny 22,08%, na 219,59 lavitrisa Ariary.

- Fidiram-bola tamin'ny hetra

Tamin'ny 5 805,64 lavitrisa Ariary nantenaina, ny fidiram-bola hetra dia nahatratra 5 164,85 lavitrisa Ariary, na 88,96% tamin'ny vinavina. Amin'ny ankapobeny, nisy ny vola ambonin'ny vinavina azo tamin'ny fanetsehana ny fidiram-bolan'ny hetra, vokatry ny hetra nalaina tamin'ny varotra ivelany (100,94% tamin'ny zava-bita) sy ny fidiram-bola hafa tamin'ny hetra (114,76% tamin'ny zava-bita). Ny fidiram-bolan'ny hetra nalaina tamin'ny karama sy ny toa azy (IRSA) dia vory hatramin'ny 97,20%. Ireto vokatry ireto dia niha-nihena noho ny tsy fahampian'ny vola novinavinaina hiditra tamin'ny hetra alaina amin'ny fanàana sy ny hetra amin'ny entana sy ny raharaha, izay tsy tanteraka afa tsy 74,71% sy 69,49% isan'isany.

Ny fafana eto ambany dia mampiseho ny haavon'ny famoriana hetra isaky ny toko ara-tetibola.

Fafana 49 : Fidiram-bola tamin'ny hetra

Amin'ny lavitrisa Ariary				
Toko	Anarana	Vinavina farany	Zava-bita	Haavon'ny zava-bita (%)
70	Hetra alaina amin'ny vola miditra, tombony, ary ny fahazoam-bola	1 367,01	1 328,73	97,20
71	Hetra alaina amin'ny fanànana	41,28	30,84	74,71
72	Hetra alaina amin'ny entana sy ny raharaha	2 024,11	1 406,64	69,49
73	Hetra alaina amin'ny varotra ivelany	2 350,79	2 372,88	100,94
74	Hetra hafa	22,44	25,76	114,76
FITAMBARANY		5 805,64	5 164,85	88,96

Loharanom-baovao : Endriky ny vola miditra 2019 – CGAF 2019

- **Fidiram-bola tsy hetra**

Tamin'ny tanjona farany 1 846,82 lavitrisa Ariary, ny zava-bita tamin'ny fampidiram-bola tsy hetra dia 725,55 lavitrisa Ariary, na tahan'ny fanatanterahana 39,29%. Na dia teo aza ny anjara lehibe avy tamin'ny vokatra ara-bola sy ny fidiram-bola tsy hetra, izay nahatratra 136,40% sy 189,34% isan'isany, ireo tombony ireo dia nihamaivana noho ny haavon'ny zava-bita tamin'ny vokatra azo avy amin'ny Fanampiana ara-pitaovana sy ny vola voaray avy amin'ny olon-tsotra izay nitentina 219,59 lavitrisa Ariary sy 357,16 lavitrisa Ariary isan'isany, na 22,08% sy 47,62%. Ity fafana manaraka ity no anehoana izany :

Fafana 50: Fidiram-bola tsy hetra

Amin'ny lavitrisa Ariary					
Toko	Anarana	Vinavina farany	Vinavina farany	Zava-bita	Haavon'ny zava-bita (%)
13	Fanampiana ara-pitaovana	985,00	994,41	219,59	22,08
75	Anjara avy amin'ny olon-tsotra	594,02	750,06	357,16	47,62
76	Vokatra ara-bola	84,87	84,98	115,91	136,40
77	Vola miditra tsy hetra	17,37	17,37	32,89	189,34
FITAMBARANY		1 681,27	1 846,82	725,55	39,29

Loharanom-baovao : Endriky ny vola miditra 2019 – CGAF 2019

b. Vola miditra tamin'ny tetibola ankapobe isaky ny antokom-pitantanana ara-bola

Fafana 51 : Vola miditra tamin'ny tetibola ankapobe isaky ny antokom-pitantanana ara-bola

Amin'ny lavitrisa Ariary

Antokon-draharaha	Vinavina voalohany	Vinavina farany	Zava-bita	Haavon'ny zava-bita (1)	Anjara zava-bita isaky ny antokon-draharaha(2)
Fadin-tseranana	2 385,51	2 350,79	2 372,88	100,94	40,28
Hetra	3 420,12	3 454,85	2 791,97	80,81	47,40
Hafa	1 681,27	1 846,82	725,55	39,29	12,32
FITAMBARANY	7 486,90	7 652,45	5 890,40	76,97	100,00

Loharanom-baovao : Endriky ny vola miditra 2019 – CGAF 2019

(1) Ny haavon'ny zava-bita dia ny tatitry ny asa vitan'ny antokom-pitantanana tsirairay avy niaraka tamin'ny vinavinan'izy ireo farany ;

(2) Ny anjara zava-bita isaky ny antokom-pitantanana ara-bola dia ny ampahany avy maneho ny zava-bitan'izy ireo tao anatin'ny fidiram-bola rehetra.

Ny Foibem-pitantanana ny Fadintseranana dia nahavita nampidi-bola 2 372,88 lavitrisa Ariary tao anatin'ny vinavina farany 2 350,79 lavitrisa Ariary, na tahan'ny zava-bita 100,94%. Ny tombony hita tamin'ity departemanta ity dia nikasika ny fampidirana ireo haban-tseranana (103,83%), ny haban'ny dia (184,51%) ary ny TVA tamin'ny varotra ivelany (102,00%). Ny TVA tamin'ny solika dia tanteraka hatramin'ny 98,12%. Ireo vokatra ireo anefa dia nihena noho ny fanamaivanana, fihenam-bidy, fampihenana na fanafoanana hetra izay tsy nahatratra afa tsy 17,58 lavitrisa Ariary fotsiny. Ny fidiram-bolan'ny fadin-tseranana tamin'ny taona 2019 no nandrafitra ny 40,28% tamin'ny fidiram-bola rehetra tao amin'ny tetibola ankapobeny.


Ny Foibem-pitantanana Ankapobeny ny Hetra dia nampiditra vola 2 791,97 lavitrisa Ariary tamin'ny tanjona hampiditra 3 454,85 lavitrisa Ariary, na tahan'ny zava-bita 80,81%. Ny tombony hita dia tamin'ny fampidirana-ketra hafa izay nanana ny tahan'ny zava-bita 114,76%, na 25,76 lavitrisa Ariary. Vokatra antonony no hita raha ny mikasika ny hetra tamin'ny fanànanana (74,71%), nahazoana 30,84 lavitrisa Ariary. Toy izany koa ny famoriana ny hetra tamin'ny entana sy ny raharaha, tamin'ny tahan'ny zava-bita 69,49%, mitovy amin'ny 1 406,64 lavitrisa Ariary. Farany, ny hetra alaina amin'ny vola miditra, tombony, ary ny fahazoam-bola dia tanteraka hatramin'ny 1 328,73 lavitrisa Ariary. Ireto vokatra ireto dia nihena tamin'ny alàlan'ny 20,76 lavitrisa Ariary izay avy amin'ny fanamaivanana, fihenam-bidy, fampihenana na fanafoanana hetra. Vokany, ny fidiram-bolan'ny hetra tamin'ny alàlan'ny DGI dia 47,40% tamin'ny vola miditra rehetra an'ny tetibola ankapoben'ny fanjakana.

Raha ny momba ny antokom-pitantanana ara-bola hafa, vola 725,55 lavitrisa Ariary no tafiditra tamin'ny 1 846,82 lavitrisa Ariary novinavinaina, na 39,29%. Ny vokatra ara-bola sy ny fidiram-bola tsy hetra no naneho vokatra ambony lavitra noho ny vinavina, dia 136,40% sy 189,34% tsirairay avy, mitovy amin'ny 115,91 lavitrisa Ariary sy 32,89 lavitrisa Ariary, na dia narefo aza ny zava-bita tamin'ny Fanampiana ara-pitaovana (22,08%) sy ny fandraisana anjara voaray avy amin'ny olon-tsotra

(47,62%), ka nahatonga ity vokatry ity. Ny anjara tamin'ny fidiram-bolan'ny fanjakana rehetra nentin'ity antokom-pitantanana hafa ity dia teo amin'ny 12,32%.

Kisary 6: Fidiram-bolan'ny tetibola ankapobe isaky ny antokom-pitantanana ara-bola

Ity kisary manaraka ity no anehoana izany.



Loharanom-baovao: Endriky ny vola miditra 2019 – CGAF 2019

1.2 Fandaniana tamin'ny Tetibola ankapoben'ny Fanjakana

a. Zana-bola amin'ny trosam-panjakana

Ny sora-bola nisokatra ho an'ny fandoavana ny zana-bola amin'ny trosam-panjakana ho an'ny taona 2019 dia nahatratra 416,72 lavitrisa Ariary tao amin'ny LFI, nasiam-panitsiana ho 432,69 lavitrisa Ariary tamin'ny faran'ny taona. Io sora-bola farany io dia mitovy amin'ny 4,84% tamin'ny sora-bolan'ny tetibola ankapobeny rehetra.


Fafana 52 : Endriky ny zana-bola amin'ny trosam-panjakana

Fitanisana	Kaonty	LFI	Sora-bola farany	Amin'ny Ariary
				Fandaniana
Banky sy ny asa mitovy amin'izany	6285	30 410 000 000,00	30 410 000 000,00	2 668 151 257,37
Zanabolan'ny trosa	6611	362 305 239 000,00	378 283 319 000,00	333 617 988 347,80
Zanabola avy amin'ny petra-bola	6632	24 000 000 000,00	24 000 000 000,00	23 813 057 570,06
Fitambarany		416 715 239 000,00	432 693 319 000,00	360 099 197 175,23

Loharanom-baovao: MEF/SG/DGFAG/DB/SSB/DLR

Ny fananiana ny sora-bola dia nahatratra 360,10 lavitrisa Ariary, na 83,22% tamin'ny sora-bola nisokatra. Ity sokajim-pandaniana ity dia misy singa telo, dia ny banky sy ny asa mitovy amin'izany, ny zanabolan'ny trosa sy ny zanabola avy amin'ny petra-bola. Ny sora-bola nisokatra sy ny fananiana nifandraika tamin'ireto singa ireto dia hita ao amin'ny fafana manaraka.

Kisary 7 : Endriky ny zana-bola amin'ny trosam-panjakana



Loharanom-baovao: MEF/SG/DGFAG/DB/SSB/DLR

b. Lahasa momba ny karama

Ato no ahitana ny fandanium-bola mahakasika ny mpiasa, ahitana : ny fitambaran'ny karama ho an'ny mpiasa amin'ny sampan-draharaham-panjakana ; sy ny adidy ara-tsosialy mifandray amin'io karama io (latsak'emboka amin'ny filaminana ara-tsosialy, latsak'emboka amin'ny fialan-tsasatra aloa vola, fanampiana ankohonana, fandoavam-bola amin'ny fikambanana, ny tahiry ho an'ny fisotroan-dronono, ny asa sosialy ary ny fiofanana). Ny fandanium-bola mahakasika ny mpiasa dia ahitana ny karama afakaratsaka miampy tambin-karama, valisoa amin'ny asa sy ireo karazam-bola hafa.

- Fandaniana mahakasika ny mpiasa sokajy faharoa (2)

Ny fandanium-bola mahakasika ny mpiasa tao amin'ny sokajy faharoa (2) dia napetraka ho 2 407,20 lavitrisa Ariary tamin'ny voalohany, nihena ho 2 360,40 lavitrisa Ariary, na 26,38% tamin'ny sora-bolan'ny tetibola ankapobeny.


Fafana 53 : Endrik'ireo lahasa momba ny karama (sokajy 2)

				An'arivony Ariary
Fitanisana	Kaonty	LFI	Sora-bola farany	Fandaniana
Mpiasa raikitra	6011	2 164 200 000 000,00	2 117 400 000 000,00	2 061 015 522 013,15
CRCM	6062	169 000 000 000,00	178 082 835 000,00	170 936 529 590,90
CPR	6063	74 000 000 000,00	64 917 165 000,00	61 781 075 157,40
Fitambaran'ny		2 407 200 000 000,00	2 360 400 000 000,00	2 293 733 126 761,45

Loharanom-baovao: MEF/SG/DGFAG/DB/SSB/DLR

Ny tahan'ny fandanium-bola dia 97,18% tamin'ny faran'ny taona, izany hoe 2 293,73 lavitrisa Ariary. Singa telo no mandrafitra ny fandania amin'ny lahasa momba ny karama, dia ny mpiasa maharitra, ny latsak'emboka CRCM (Caisse de Retraites Civiles et Militaires), ary ny latsak'emboka CPR (Caisse de Prévoyance de Retraite). Ny fafana eto ambany no mampiseho ny haavon'ny zava-bitan'ireo singa mandrafitra ny fandania momba ny karama sokajy faharoa (2) tamin'ny taona 2019.

Kisary 8 : Endrik'ireo lahasa momba ny karama



Loharanom-baovao: MEF/SG/DGFAG/DB/SSB/DLR

- Fandaniana mahakasika ny mpiasa sokajy fahatelo (3)

Raha ny momba ny fananiana mahakasika ny mpiasa tao amin'ny tetibola fampandehanan-draharaha, sora-bola 210 lavitrisa Ariary no nosokafana tao amin'ny LFI, ary tamin'ny farany dia nampiakarina ho 215 lavitrisa Ariary.

Fafana 54 : Endrik'ireo lahasa momba ny karama (sokajy 3)

				Amin'ny Ariary
Anaran'ny kaonty	Kaonty	LFI	Sora-bola farany	Fandaniana
Mpiasa raikitra	6011	20 610 247 000,00	19 941 366 000,00	19 469 376 381,70
Mpiasa tsy raikitra	6012	68 713 787 000,00	62 229 463 000,00	56 464 551 396,09
Mpikambana amin'ny Andrim-panjakana	6013	13 092 807 000,00	10 501 371 000,00	9 906 787 216,00
Mpiasa raikitra	6021	5 080 020 000,00	5 001 274 000,00	4 453 260 000,00
Mpiasa tsy raikitra	6022	1 921 000,00	244 057 000,00	222 022 560,00
Mpiasa raikitra	6031	59 757 877 000,00	66 557 474 000,00	62 206 499 402,51
Mpiasa tsy raikitra	6032	8 324 230 000,00	9 330 425 000,00	8 426 220 444,00
Mpikambana amin'ny Andrim-panjakana	6033	7 699 131 000,00	11 644 597 000,00	7 322 747 500,00
Mpiasa raikitra	6041	13 941 804 000,00	16 190 711 500,00	15 789 870 050,00
Mpiasa tsy raikitra	6042	6 575 586 000,00	6 927 610 500,00	6 845 425 600,00
Latsak'emboka CNAPS	6061	4 923 732 000,00	4 863 793 000,00	2 718 189 154,96
Latsak'emboka CRCM	6062	985 714 000,00	1 076 714 000,00	859 278 291,60
Latsak'emboka CPR	6063	293 144 000,00	491 144 000,00	474 503 553,00
TOTAL		210 000 000 000,00	215 000 000 000,00	195 158 731 549,86

Loharanom-baovao: MEF/SG/DGFAG/DB/SSB/DLR

Ny sora-bola farany ho fandraisana an-tànana ireo fandaniam-bola ho an'ny mpiasam-panjakana, noferana ho 2 575,40 lavitrisa Ariary, dia lany hatramin'ny 96,64% izay nitentina 2 488,89 lavitrisa Ariary, ka ny 2 293,73 lavitrisa Ariary ho an'ny sokajy faharoa (2) ary ny 195,16 lavitrisa Ariary ho an'ny sokajy fahatelo (3).

c. Lahasa ankoatra ny karama

Ny lahasa ankoatra ny karama dia ireo andraikitra avy amin'ny asa andavanandro ataon'ny Fanjakana. Izy ireo dia ahitana ny fandanium-bola amin'ny fividianana entana sy raharaha, ny adidy raikitra, ny fandania amin'ny fidirana an-tsehatra, ny hetra sy ny haba, ny famindram-bola sy fanampiana, ny adidy ara-bola sy andraikitra isan-karazany. Tamin'ny taona 2019, ny fandanian'ny fampandehanan-draharaha tsy karama dia 1 749,16 lavitrisa Ariary tamin'ny LFI, novaina ho 2 228,93 lavitrisa Ariary tamin'ny faran'ny taona.


Fafana 55 : Lahasa ankoatra ny karama

Toko	Anarana	LFI	Sora-bola farany	Amin'ny Ariary
				Fandania
61	Fividianana entana	208 598 247 000,00	180 130 601 510,00	142 907 895 979,30
62	Fividianana raharaha sy adidy raikitra	204 216 309 000,00	183 104 399 490,00	146 179 187 309,60
63	Fandania amin'ny fidirana an-tsehatra	34 439 030 000,00	24 296 435 000,00	17 571 905 011,80
64	Hetra sy haba	87 500 000,00	243 389 000,00	166 180 710,40
65	Famindram-bola sy fanampiana	1 285 470 000 000,00	1 323 470 000 000,00	1 290 267 200 917,53
66	Adidy ara-bola	34 000,00	638 320 000,00	638 297 242,91
67	Adidy samihafa	16 352 480 000,00	517 048 754 000,00	516 821 572 479,00
FITAMBARANY		1 749 163 600 000,00	2 228 931 899 000,00	2 114 552 239 650,54

Loharanom-baovao: MEF/SG/DGFAG/DB/SSB/DLR

Ny sora-bola farany natokana ho an'ny fandanian'ny fampandehanan-draharaha dia nitentina 2 228,93 lavitrisa Ariary, ka 2 114,55 lavitrisa Ariary no lany, na 94,87% tamin'ny vinavina. Ny fandania momba ny famindram-bola dia nahatratra 61,02% tamin'ny fandanium-bola rehetra, izany hoe 1 290,27 lavitrisa Ariary ; midika izany fa ny ampahany betsaka tamin'ny sora-bolan'ny fampandehanan-draharaha dia naloa ho an'ny sehatra ara-panjakana na tsy miankina. Ny fandania tamin'ireo andraikitra samihafa dia tanteraka hatramin'ny 24,44% na 516,82 lavitrisa Ariary. Ny fandania ho an'ny fividianana entana sy raharaha sy adidy raikitra dia voaloha 6,76% sy 6,91% isan'isany, izany hoe 142,91 lavitrisa Ariary sy 146,18 lavitrisa Ariary. Raha ny momba ny fandanium-bola hafa, 0,83% tamin'ny sora-bola no lany tamin'ny asa fidirana an-tsehatra, 0,01% tamin'ny hetra sy haba ary 0,03% tamin'ny adidy ara-bola, izay nitentina 17,57 lavitrisa Ariary, sy 0,17 lavitrisa Ariary, ary 0,64 lavitrisa Ariary tsirairay avy. Ny fafana manaraka no mampiseho izany.

Kisary 9 : Haavon'ny fahatanterahan'ny tetibola fampandehanan-draharaha



Loharanom-baovao: MEF/SG/DGFAG/DB/SSB/DLR

d. Lahasan'ny hana-pamokarana

Ny tetibola natokana ho famatsiana ireo Fandaharan'asan'ny fampiasam-bolam-panjakana tamin'ny taona 2019 dia teo ho eo amin'ny 3 603,15 lavitrisa Ariary (LFI), niakatra hatramin'ny 3 711,21 lavitrisa Ariary tamin'ny faran'ny taona. Ity tetibola farany ity dia voazara toy izao manaraka izao : 2 458,89 lavitrisa Ariary ho an'ny fanànanana tsy mivaingana sy mivaingana, 659,41 lavitrisa Ariary ho an'ny famindram-bola ary 592,91 lavitrisa Ariary ho an'ny fampandehanan-draharaha.

- **Fiasan'ny fampiasam-bola**

Fafana 56 : Fiasan'ny fampiasam-bola

				Amin'ny Ariary
Toko	Anarana	LFI	Sora-bola farany	Fandaniana
20	Immobilisations incorporelles	569 656 000,00	361 000 000,00	30 755 826,15
21	Immobilisations corporelles	2 371 366 000,00	4 304 143 000,00	1 287 587 582,96
23	Immobilisations incorporelles en cours	534 283 937 000,00	496 381 826 441,00	160 145 871 566,41
24	Immobilisations corporelles en cours	2 444 069 226 000,00	1 957 843 946 764,00	936 408 699 453,15
28	Amortissements des immobilisations	80 000 000,00	0,00	0,00
65	Transferts et subventions	143 543 640 000,00	659 405 953 398,00	633 653 445 691,70
2317	Immobilisations incorporelles en cours - Frais de développement, de recherche et d'études - Frais de pré-exploitation	478 234 075 000,00	592 912 530 397,00	272 309 641 605,00
FITAMBARANY		3 603 151 900 000,00	3 711 209 400 000,00	2 003 836 001 725,37

Loharanom-baovao: MEF/SG/DGFAG/DB/SSB/DLR

Ny fafana manaraka dia maneho ireo vola natokana ho fanatanterahana ireo PIP ho an'ny taona 2019, fanavahana ny famatsiam-bola anatin'ny tamin'ny famatsiam-bola avy any ivelany. Araka izany, tamin'ny 3 711,21 lavitrisa Ariary nekena ho an'ny PIP, ny famatsiam-bola avy any ivelany dia nisy ny 58,76%, ny ambiny ho an'ny famatsiam-bola anatin'ny (na 41,24%)

- Fandaniana tamin'ny fampiasam-bola isaky ny karazana famatsiam-bola

Fafana 57 : Fandaniana tamin'ny fampiasam-bola isaky ny karazana famatsiam-bola

Amin'ny Ariary

Anarana	Fam.	Anar Fam.	LFI	Sora-bola farany	Fadaniana
Famatsiam-bola anatin'ny	10	RPI	1 008 576 160 000,00	1 320 993 669 000,00	1 052 067 069 033,82
	20	DTI	58 989 740 000,00	57 662 211 000,00	74 792 520 957,00
	30	TVA	188 971 000 000,00	151 681 020 000,00	27 847 365 481,49
Fitambarany			1 256 536 900 000,00	1 530 336 900 000,00	1 154 706 955 472,31
Famatsiam-bola avy any ivelany	60	SUB.	985 000 000 000,00	994 409 500 000,00	268 762 146 995,34
	70	EMP.	1 361 615 000 000,00	1 186 463 000 000,00	580 366 899 257,72
Fitambarany			2 346 615 000 000,00	2 180 872 500 000,00	849 129 046 253,06
FITAMBARAMBE			3 603 151 900 000,00	3 711 209 400 000,00	2 003 836 001 725,37

Loharanom-baovao: MEF/SG/DGFAG/DB/SSB/DLR

Raha resaka momba ny zava-bita, ny sora-bola ho an'ny fandaniana tamin'ny fampiasam-bolan'ny famatsiam-bola RPI dia nahitana ny taha 79,54% tamin'ny sora-bola nomen'ny lalàna mifehy ny tetibola ; tao amin'ny famatsiam-bola DTI, ny zava-bita dia nihoatra lavitra ny vola noheverina tamin'ny taham-panatanterahana 129,71%. Raha ny famatsiam-bola tamin'ny alàlan'ny TVA, ny fizotry ny fandamiam-bola dia teo amin'ny ambaratonga ambany kokoa tsy nihoatra ny 20% ; Io zava-bita io no nampihena ny vokatra teo amin'ny famatsiam-bola anatin'ny.

Raha ny famatsiam-bola avy any ivelany dia nahatratra 849,13 lavitrina Ariary na tahan'ny zava-bita 22,88%, famatsiam-bola 31,65% avy amin'ny fanampiana sy 68,35% avy amin'ny findramam-bola 68,35%.

Fafana 58 : Fandaniana tamin'ny fampiasam-bola isaky ny faritra

Amin'ny Ariary

Faritra	LFI	Sora-bola farany	Fandaniana
Alaotra Mangoro	3 430 290 000,00	2 755 380 000,00	2 739 280 675,50
Amoron'I Mania	2 729 310 000,00	1 840 453 000,00	1 536 103 540,62
Analamanga	15 172 194 000,00	12 254 845 000,00	4 649 717 038,95
Analanjorofo	3 009 696 000,00	2 258 231 000,00	2 244 618 524,00
Androy	2 325 349 000,00	1 539 890 000,00	1 288 867 019,23
Anosy	2 873 250 000,00	1 388 185 000,00	1 275 315 062,40
Atsimo Andrefana	77 574 940 000,00	105 393 926 500,00	61 936 856 106,84
Atsimo Atsinanana	2 706 563 000,00	1 940 176 000,00	1 915 286 023,98
Atsinanana	4 380 600 000,00	3 972 305 000,00	3 062 364 377,06
Betsiboka	2 169 310 000,00	1 338 139 000,00	1 336 695 936,79
Boeny	4 969 912 000,00	3 103 351 000,00	3 087 195 429,70
Bongolava	2 067 815 000,00	1 314 537 000,00	1 309 269 791,42
Central	3 415 929 636 000,00	3 528 108 952 500,00	1 882 371 624 191,17
Diana	10 864 205 000,00	8 963 827 000,00	2 681 064 784,07
Haute Matsiatra	4 519 360 000,00	2 405 102 000,00	2 387 751 806,80
Ihorombe	2 034 420 000,00	1 416 351 000,00	1 414 386 121,07
Itasy	2 271 201 000,00	1 579 417 000,00	1 293 622 086,69
Melaky	2 635 268 000,00	2 008 285 000,00	1 940 696 179,89
Menabe	26 693 411 000,00	17 028 835 000,00	14 851 892 864,72
Sava	2 846 895 000,00	1 878 277 000,00	1 830 518 128,83
Sofia	3 700 185 000,00	2 853 205 000,00	2 820 658 037,09
Vakinankaratra	5 207 260 000,00	3 471 457 000,00	3 469 281 533,03
Vatovavy fitovinany	3 040 830 000,00	2 396 273 000,00	2 392 936 465,52
FITAMBARANY	3 603 151 900 000,00	3 711 209 400 000,00	2 003 836 001 725,37

Loharanom-baovao: MEF/SG/DGFAG/DB/SSB/DLR

Ny fandanium-bola PIP isaky ny faritra dia voamariky ny fahamboniana teo amin'ny ambaratonga foibe, izay nahatratra 1 882,37 lavitrisa Ariary, fitomboana 468,59 lavitrisa Ariary raha oharina tamin'ny taona 2018 (1 413,78 lavitrisa Ariary). Ireo fandanium-bola PIP foibe dia nisy ny fandanium tamin'ny fampiasam-bolan'ireo Andrim-panjakana sy Ministera ary koa ireo PIP notanterahina teny anivon'ireo Masoivoho. Ny fitambaran'ny PIP teny anivon'ireo faritra dia 120,15 lavitrisa Ariary, na 6% tamin'ny fitambaran'ny PIP, nihena ny isan-jatony sy ny habetsahany raha oharina tamin'ny taona 2018 izay nisy 146,91 lavitrisa Ariary (9,41%). Ny faritra Atsimo Andrefana ihany no nahavita nampiasa vola mihoatra ny 60 lavitrisa Ariary, nanaraka ny faritra Menabe amin'ny 14,85 lavitrisa Ariary sy ny faritra Analamanga amin'ny 4,65 lavitrisa Ariary. Ny fahavitan'ny fandanium tamin'ny faritra hafa rehetra dia niovaova teo anelanelan'ny 1,26 lavitrisa Ariary sy 3,47 lavitrisa Ariary.

e. Famintinana ny fandaniam-bolan'ny Tetibola ankapobe isaky ny karazana

Nandritra ny taona 2019, ny Fanjakana dia nanolotra ny 5% tamin'ny fandaniany tao amin'ny tetibola ankapobeny mba handoavana ny zana-bola tamin'ny trosam-panjakana, izany hoe 432,6 9 lavitrisa Ariary. Natokana ny 2 488,89 lavitrisa Ariary ho an'ny fandoavana ny karama sy ny fitsaboana ireo mpiasany, na 28,78% tamin'ny sora-bola rehetra tamin'ny tetibola ankapobe. 2 228,93 lavitrisa Ariary no nokasaina handoavana ny fandanian'ny fampandehanan-draharaha sokajy fahatelo (3), na 24,91% tamin'ny sora-bolan'ny tetibola ankapobe. Farany, ny vola farany nomena ho fampiharana ny PIP dia nahatratra 3 711,21 lavitrisa Ariary, na 41,47% tamin'ny sora-bolan'ny tetibola ankapobeny rehetra.

Fafana 59: Famintinana ny fandaniam-bolan'ny Tetibola ankapobe isaky ny karazana

Sok.	Anarana	LFI_2019	LFR_2019	Sora-bola farany	Fandaniana vita	Amin'ny lavitrisa Ariary	
						Tahan'ny lany (@ %) (1)	Anjara vita (%) (2)
1	Zana-bolan'ny trosa	416,72	432,69	432,69	360,10	83,22	5,17
2	Karama	2 617,20	2 575,40	2 575,40	2 488,89	96,64	35,72
3	Fampandehanan-draharaha – Tsy karama	1 749,19	2 228,93	2 228,93	2 114,55	94,87	30,35
4	Lahasa ara-drafitra	0,01	0,00	0,00	0,00	0,00	0,00
5	Fampiasam-bola	3 603,15	3 710,84	3 711,21	2 003,84	53,99	28,76
FITAMBARANY		8 386,27	8 947,86	8 948,23	6 967,38	77,86	100,00

Loharanom-baovao: MEF/SG/DGFAG/DB/SSB/DLR


(1) Ny tahan'ny fandaniana ny sora-bola dia ny haavon'ny fampiasana ny sora-bola oharina tamin'ireo sora-bola farany.

(2) Ny anjara tamin'ny zava-bita dia ny fitsinjarana ny zava-bita isaky ny karazam-pandaniana tsirairay miohatra tamin'ny fandaniana rehetra.

Raha ny fampiasana ny sora-bola, 77,86% tamin'ny vola natokana ho laniana no nampiasaina. Ho an'ny zana-bola tamin'ny trosam-panjakana, 83,22% tamin'ny fandaniana no vita, na 360,10 lavitrisa Ariary, mifanandrify amin'ny 5,17% tamin'ny fandanian'ny fampandehanan-draharaha rehetra. Ny sora-bola nifandraika tamin'ny karama ho an'ny mpiasam-panjakana dia lany hatramin'ny 96,64%, na 2 488,89 lavitrisa Ariary ; Ity vola ity dia maneho 35,72% tamin'ny fandaniana rehetra. Ny tetibola natokana ho an'ireo lahasa tsy karama dia lany tamin'ny 94,87%, na 2 114,55 lavitrisa Ariary. Farany, ny sora-bola tamin'ireo lahasan'ny fampiasam-bola dia tanteraka tamin'ny 53,99% mitovy amin'ny 2 003,84 lavitrisa Ariary, na 28,76% tamin'ny fandaniam-bolan'ny tetibola ankapobeny. Ity fafana manaraka ity dia mampiseho ity tranga ity :

Kisary 10 : Anjara zava-bita isaky ny karazam-pandanim-bola amin'ny ankapobeny

Part de réalisation dans l'ensemble



Loharanom-baovao: MEF/SG/DGFAG/DB/SSB/DLR

2. TETIBOLA ANANKINA

Ny lahasa ara-tetibola sy ara-bola tao amin'ny Tranompirintim-pirenena sy ny Paositra sy ny Fifandraisan-davitra no mandrafitra ny tetibola anankina. Ireo asa ireo dia raisina an-tsoratra ao anatin'ny fizarana faharoa (II) an'ny tetibolam-panjakana. Amin'izao fotoana izao dia manana fandaharan'asa efatra (4) izay mifandray amin'ny departemanta isan-karazany io fizaran-tetibola io, iray (1) ho an'ny MEF ary telo (3) ho an'ny MPTDN ; dia ny :

- Tranompirintim-pirenena - Fandaharan'asa "013 Fitantanana sy fandrindrana" amin'ny iraka "220 Fitantanam-bola sy tetibola", an'ny MEF ;

- Paositra sy Fifandraisan-davitra - Fandaharan'asa "023 Fitantanana sy fandrindrana", "214 Fanohanana ny fanitarana ny fandrakofana paositra" sy ny "043 Fitantanana sy fandrindrana" sy ny "670 Paositra sy Fifandraisan-davitra" ary ny "670 TIC" an'ny MPTDN.

2.1 Tranompirintim-pirenena (IN)

- Fidiram-bolan'ny Tranompirintim-pirenena

Ny vinavinan'ny vola miditra ho an'ny Tranompirintim-pirenena dia nitombo 8,52 lavitrisa Ariary tamin'ny taona 2019, hotombanana hahatratra 38,02 lavitrisa Ariary. Ity fitomboana ity dia avy amin'ny fampiakarana ny vinavina tamin'ny vokatra vita ho 11 lavitrisa Ariary, tamin'ny asa nampanaovin'ny olon-tsotra ho 14,05 lavitrisa Ariary ary ny tombony nantenaina ho 11,5 lavitrisa Ariary. Raha ny vinavina hafa rehetra, ny fidiram-bola nomanina dia hahatratra 1,45 lavitrisa Ariary. Ity fafana manaraka ity dia mampiseho ny endrika nisy tamin'ny fidiram-bolan'ny tetibola anankina Tranompirintim-pirenena :


Fafana 60 : Fidiram-bolan'ny TRANOMPIRINTIM-PIRENENA

Amin'ny Ariary

Kaonty	Anarana	Vinavina farany	Famoriam-bola vita
LAFINY FAMPANDEHANAN-DRAHARAH			
10611	Haba hafa 2019	0,00	5 570 889 840,60
1426	Fitaovana	250 000 000,00	0,00
1427	Fitaovam-pitaterana	437 500 000,00	0,00
7721	Tolotra	250 000 000,00	0,00
7722	Vokatra vita	11 000 000 000,00	9 017 806 233,40
7725	Asa	14 052 287 000,00	618 541 464,44
7726	Entana	262 500 000,00	0,00
7728	Vokatra hafa tamin'ny asa	250 000 000,00	0,00
7781	Fanafoanana ny « Mandats »	75 000,00	0,00
7783	Tombony tamin'ny Tetibola Anankina	11 512 500 000,00	0,00
7788	Vokatra hafa tsy mahazatra	188 000,00	0,00
7792	Fanalefahana sy fihenam-bidy	0,00	-37 213 858,64
FITAMBARANY		38 015 050 000,00	15 170 023 679,80
LAFINY FAMPIASAM-BOLA			
10612	Tahiry fanavaozana fitaovana	0,00	3 064 649 490,81
FITAMBARANY		0,00	3 064 649 490,81
FITAMBARAMBE		38 015 050 000,00	18 234 673 170,61

Loharanom-baovao : LFI 2019, LFR 2019, Kaontim-pitantanan'ny Tranompirintim-pirenena.

Kisary 11 : Fidiram-bolan'ny TRANOMPIRINTIM-PIRENENA



Loharanom-baovao : LFI 2019, LFR 2019, Kaontim-pitantanan'ny Tranompirintim-pirenena.

Ny fidiram-bolan'ny TRANOMPIRINTIM-PIRENENA amin'ny ankapobeny dia ahitana ny vola miditra amin'ny asa, ny fivarotana ny vokatra vita, ireo haba hafa ary ny vola alaina ao amin'ny tahiry ho fanavaozam-pitaovana. Tamin'ny taona 2019, ny fidiram-bola afakaratsaky ny TRANOMPIRINTIM-PIRENENA dia nisy 5,57 lavitrisa Ariary avy tamin'ireo haba hafa, 9,08 lavitrisa Ariary avy tamin'ny fampidiram-bolan'ny vokatra vita ary 0,62 lavitrisa Ariary tamin'ny alàlan'ny asa. Efa hita ihany koa fa nanao ny fanalefaham-bidy sy ny fampihenana ny TRANOMPIRINTIM-PIRENENA. Ny vola niditra afakaratsaka dia 15,21 lavitrisa Ariary raha toa ka ny fanalefaham-bidy sy fampihenana dia 37,21 lavitrisa Ariary. Ny fidiram-bola madiodio, azo avy amin'ny elanelana teo amin'ny fidiram-bola afakaratsaka sy ny fanalefaham-bidy sy fampihenana, araka izany dia nitentina 15,17 lavitrisa Ariary. Nanampy izany ny 3,06 lavitrisa Ariary avy amin'ny fisintonana vola tao amin'ny tahiry ho fanavaozam-pitaovana.


- Fandanim-bolan'ny IN

Fafana 61 : Endriky ny fandanim-bolan'ny TRANOMPIRINTIM-PIRENENA

Singa	Amin'ny lavitrisa Ariary					
	LFI	LFR	Sora-bola (-)	Sora-bola (+)	Sora-bola farany	Fandaniana
60 - Vola aloa amin'ny mpiasa	10,18	10,18	0,13	0,13	10,18	5,36
61 - Fividianana entana	9,64	9,10	0,47	0,02	8,65	2,00
62 - Fividianana raharaha sy	4,94	4,72	0,00	0,45	5,18	1,33
63 - Fandaniana amin'ny fidirana	0,01	0,01	0,00	0,00	0,01	0,00
64 - Hetra sy haba	1,35	2,10	0,00	0,00	2,10	0,98
65 - Famindram-bola sy	0,20	0,20	0,00	0,00	0,20	0,10
67 - Adidy samihafa	0,01	0,01	0,00	0,00	0,01	0,00
23 - Fanànanana tsy mivaingana	0,19	0,19	0,00	0,00	0,19	0,07
24 - Fanànanana mivaingana	11,51	11,51	1,62	1,62	11,51	3,00
FITAMBARANY	38,02	38,02	2,23	2,23	38,02	12,83

Loharanom-baovao : LFI 2019, LFR 2019, Kaontim-pitantanan'ny Tranompirintim-pirenena.

Kisary 12 : Fandanim-bolan'ny TRANOMPIRINTIM-PIRENENA



Loharanom-baovao : LFI 2019, LFR 2019, Kaontim-pitantanan'ny Tranompirintim-pirenena.

2.2 Paositra sy Fifandraisan-davitra (PTT)

- Fidiram-bolan'ny PAOSITRA SY FIFANDRAISAN-DAVITRA

Tamin'ny taona 2019, tamin'ny vinavina 6,00 lavitrisa Ariary, ny fidiram-bolan'ny PAOSITRA SY FIFANDRAISAN-DAVITRA dia nahatratra 0,33 lavitrisa Ariary ho an'ireo haba hafa, na tahan'ny zava-bita 166,02% tamin'ny tanjona 0,2 lavitrisa Ariary. Ankoatr'izay, vola nitentina 3,6 lavitrisa Ariary no tafiditra tamin'ny ambim-bavan'ny tombony tamin'ny taona 2017. Izany dia mampitombo ny vola niditra tamin'ny PAOSITRA SY FIFANDRAISAN-DAVITRA, hatramin'ny 3,89 lavitrisa Ariary ; nanamarinana ny zava-bitany tsara (64,83% ny famoriam-bola) tamin'ny faran'ny taona. Raha oharina tamin'ny taona teo aloha anefa, dia hita ny fihenana 2,03 lavitrisa Ariary.


Ity fidiram-bolan'ny PAOSITRA SY FIFANDRAISAN-DAVITRA ity dia aseho ao amin'ny fafana manaraka.

Fafana 62 : Fidiram-bolan'ny PAOSITRA SY FIFANDRAISAN-DAVITRA

				Amin'ny Ariary
kaonty	Anarana	Vinavina LFI	Vinavina farany	Famoriam-bola
77181	Haba hafa 2019	200 000 000,00	200 000 000,00	332 034 021,79
7783	Ambim-bola tamin'ny tombony ny taona 2017	5 800 000 000,00	5 800 000 000,00	3 559 638 686,09
FITAMBARANY		6 000 000 000,00	6 000 000 000,00	3 891 672 707,88

Loharanom-baovao : LFI 2019, LFR 2019, Kaontim-pitantanan'ny PAOSITRA SY FIFANDRAISAN-DAVITRA

Kisary 13 : Fidiram-bolan'ny PAOSITRA SY FIFANDRAISAN-DAVITRA



Loharanom-baovao : LFI 2019, LFR 2019, Kaontim-pitantanan'ny PAOSITRA SY FIFANDRAISAN-DAVITRA

- Fandanim-bolan'ny PAOSITRA SY FIFANDRAISAN-DAVITRA

Nandritra ny taona 2019 taona, toko efatra (4) no mamaritra ny fandanim-bolan'ny PAOSITRA SY FIFANDRAISAN-DAVITRA, dia ny vola lany amin'ny mpiasa, ny fividianana entana sy raharaha sy adidy raikitra ary ny famindram-bola sy ny fanampiana. Amin'ny ankapobeny, ny fandanim-bola nataon'ny PAOSITRA SY FIFANDRAISAN-DAVITRA tamin'ny taona 2019 dia nitombo 4,71 lavitrisa Ariary izay 78,50% tamin'ny tanjona farany napetraky ny LFR (6,00 lavitrisa Ariary).


Fafana 63 : Fandanim-bolan'ny PAOSITRA SY FIFANDRAISAN-DAVITRA

Anarana	LFI	LFR	Sora-bola farany	Amin'ny lavitrisa Ariary	
				Fandaniana	Tahan'ny vita (%)
60 - Vola aloa amin'ny mpiasa	3,23	3,23	3,23	2,32	71,83
61 – Fividianana entana	0,83	1,05	1,05	1,02	97,14
62 – Fividianana raharaha sy	1,71	1,5	1,5	1,18	78,67
65 – Famindram-bola sy	0,22	0,22	0,22	0,19	86,36
67 – Adidy samihafa	0	0	0	0	0
FITAMBARANY	6,00	6,00	6,00	4,71	78,5

Loharanom-baovao : LFI 2019, LFR 2019, Kaontim-pitantanan'ny PAOSITRA SY FIFANDRAISAN-DAVITRA

Momba ny fampandehanan-draharahan'ny PAOSITRA SY FIFANDRAISAN-DAVITRA, ny fandanim-bola (4,71 lavitrisa Ariary) dia nanjakan'ny vola aloa ho an'ny mpiasa (2,32 lavitrisa Ariary), ary narahin'ny fividianana raharaha sy ny adidy raikitra (amin'ny 1,18 lavitrisa Ariary), ny fandanim-bola tamin'ny fividianana entana (1,02 lavitrisa Ariary) ary farany ny famindram-bola sy fanampiana (hatramin'ny 0,19 lavitrisa Ariary). Tetibola 2 tapitrisa Ariary no voasoratra tao amin'ny laharana an'ny toko "67 - andraikitra samihafa", saingy tsy nisy ny fanatanterahana.

Kisary 14 : Fandanium-bolan'ny PAOSITRA SY FIFANDRAISAN-DAVITRA



Loharanom-baovao : LFI 2019, LFR 2019, Kaontim-pitantanan'ny PAOSITRA SY FIFANDRAISAN-DAVITRA

2.3 Fandravonana ny endrik'ireo Tetibola Anankina

Fafana 64 : Fandravonana ny endrik'ireo tetibola anankina

TETIBOLA ANANKINA	VOLA MIDITRA				FANDANIAM-BOLA				VOKATRA
	Vinavina voalohany	Vinavina farany	Zava-bita	Tahan'ny vita (%)	Fampandehanan- draharaha	Fampiasam-bola	FITAMBARANY	Tahan'ny vita (%)	
IN	38 015 050 000,00	38 015 050 000,00	18 234 673 170,61	47,97	9 766 749 111,60	3 064 649 490,81	12 831 398 602,41	33,75	5 403 274 568,20
PTT	6 000 000 000,00	6 000 000 000,00	3 891 672 707,88	64,86	4 712 141 349,47	0,00	4 712 141 349,47	78,54	-820 468 641,59
FITAMBARANY	44 015 050 000,00	44 015 050 000,00	22 126 345 878,49	50,27	14 478 890 461,07	3 064 649 490,81	17 543 539 951,88	79,29	4 582 805 926,61

Loharanom-baovao : LFI 2019, LFR 2019, Kaontim-pitantanan'ny PTT sy IN

Amin'ny alàlan'ity fafana ity, 50,27% tamin'ny vola novinavinaina hiditra ho an'ny Tetibola Anankina no azo, nitentina 22,13 lavitrisa Ariary tamin'ny vinavina 44,02 lavitrisa Ariary. Raha ny fandanianana, ny tahan'ny fampiasana ny vola dia 79,29%, na 17,54 lavitrisa Ariary. Izany dia niteraka tombony 4,58 lavitrisa Ariary, nihena 0,34 lavitrisa Ariary kosa raha oharina tamin'ny taona 2018.

3. KAONTY MANOKAN'NY TAHIRIMBOLAM-PANJAKANA (CPT)

Raha ny fidiram-bola, vola 791,13 lavitrisa Ariary no novinavinaina hiditra ; Io vinavina io dia niakatra ho 1 291,55 lavitrisa Ariary tamin'ny faran'ny taona, ka 0,16% ho an'ny Kaonty fampindramam-bola, 38,79% ho an'ny Kaontim-pandraisana anjara, 59.23% ho an'ny Kaonty ara-barotra, ary farany 1,82% ho an'ny Kaontim-bola manokana. Ho an'ny fandania, ny tombana ho an'ity laharan-tetibola ity dia 1 181,93 lavitrisa Ariary, ny fiafarany dia nihena ho 1 171,56 lavitrisa Ariary. Ny fandania tao anatin'izany dia 15,67% ho an'ny Kaonty fampindramam-bola, 17,02% ho an'ny Kaontim-pandraisana anjara, 65,30% ho an'ny Kaonty ara-barotra ary 2,01% ho an'ny Kaontim-bola manokana.

Fafana 65 : Endrik'ireo KAONTY MANOKAN'NY TAHIRIMBOLAM-PANJAKANA

			Amin'ny Ariary
Anarana	LFI	Vinavina farany	Zava-bita
VOLA MIDITRA	791 134 731 000,00	1 291 549 129 000,00	959 781 682 843,06
Avansy	0,00	0,00	0,00
Kaonty fampindramam-bola (remboursement)	0,00	0,00	0,00
Kaonty fampindramam-bola (régularisation/consolidation)	2 040 552 000,00	2 040 552 000,00	22 604 473 985,31
Kaontim-pandraisana anjara (régularisation)	0,00	500 988 088 000,00	500 988 088 000,00
Kaonty ara-barotra	765 941 179 000,00	765 016 233 000,00	411 837 460 192,77
Kaontim-bola manokana	23 153 000 000,00	23 504 256 000,00	24 351 660 664,98
FANDANIAM-BOLA	1 181 928 385 000,00	1 171 559 695 000,00	848 349 209 241,60
Avansy	0,00	0,00	0,00
Kaonty fampindramam-bola	193 395 000 000,00	183 600 000 000,00	79 070 841 174,27
Kaonty fampindramam-bola (remboursement)	0,00	0,00	0,00
Kaontim-pandraisana anjara	199 439 206 000,00	199 439 206 000,00	105 087 578 689,41
Kaonty ara-barotra	765 941 179 000,00	765 016 233 000,00	645 636 544 073,52
Kaontim-bola manokana	23 153 000 000,00	23 504 256 000,00	18 554 245 304,40
Vokatra			111 432 473 601,46

Loharanom-baovao : BCSE 2019, CGAF 20019

Raha ny zava-bita, vola nitentina 959,78 lavitrisa Ariary no vory nandritra ny fampiasana ny tetibolan'ny Kaonty manokan'ny Tahirimbolam-panjakana ho an'ny taona 2019, 74,31% tamin'ny vinavina. Ny Kaontim-pandraisana anjara dia tanteraka 100%, noho ny asa fandaminana, ka nahatratra 500,99 lavitrisa Ariary. Vokatra niavaka no hita tamin'ny fampiasana ny Kaonty fampindramam-bola tamin'ny alàlan'ny fahatrarana 1 107,76% raha oharina tamin'ny vinavina farany, na 22,60 lavitrisa Ariary. Ny Kaontim-bola manokana dia tanteraka tsara ihany koa, niaraka tamin'ny tahan'ny famoriam-bola 103,61%. Farany, ny fampidiram-bola tamin'ny Kaonty ara-barotra dia 411,8 lavitrisa Ariary, na fanatanterahana 53.83%.

Raha ny fandania, vola nitentina 848,35 lavitrisa Ariary no nivoaka tamin'ny fitantanana ny Kaonty Manokan'ny Tahirimbolam-panjakana, na 72,41% tamin'ny sora-bolany. Ny haavon'ny fandania ny sora-bola tamin'ireto kaonty manokana ireto dia izao manaraka izao :

- Kaonty fampindramam-bola amin'ny 43,07%, na 79,07 lavitrisa Ariary ;
- Kaontim-pandraisana anjara amin'ny 52,69%, na 105,09 lavitrisa Ariary ;
- Kaonty ara-barotra amin'ny 84,40%, na 645,64 lavitrisa Ariary

- Kaontim-bola manokana amin'ny 78,94%, na 18,55 lavitrisa Ariary.

Ny fifandanjana teo amin'ny vola niditra sy ny fandariam-bolan'ny Kaonty Manokan'ny Tahirimbola-panjakana, izay nahatratra isan'isany 959 781 682 843,06 Ariary sy 848 349 209 241,60 Ariary dia namoaka tombony 111 432 473 601,46 Ariary.

4. TAMBERIN'NY VIDIN'ENTANA FANOMEZANA AVY ANY IVELANY (FCV)

Tamin'ny taona 2019, vinavina hampidi-bola manodidina ny 1,55 lavitrisa Ariary no napetraka ho an'ny rafitra FCV raha novinavinaina ho 7,012 lavitrisa Ariary kosa ny fandania. Ity fafana manaraka ity dia manasongadina ny endrik'ireo FCV.

Fafana 66 : Endrik'ireo FCV

Anarana	Sora-bola voalohany	Sora-bola farany	Amin'ny Ariary	
			Zava-bita	(%)
Vola miditra	1 549 100 000,00	1 549 100 000,00	8 476 108 200,47	547,16
Fanampiana momba ny FCV	1 549 100 000,00	1 549 100 000,00	8 476 108 200,47	
Fandania-bola	7 012 100 000,00	7 012 100 000,00	4 242 016 552,70	60,50
Fampandehanan-draharaha	7 012 100 000,00	7 012 100 000,00	4 242 016 552,70	
Tombony tamin'ny FCV			4 234 091 647,77	

Loharanom-baovao : BCSE 2019, CGAF 2019

Ny zava-bita teo amin'ny fampidiram-bola dia mifantoka tamin'ny fakàna sy fanarenana ireo FCV nifandraika tamin'ny fanomezana sy fanampiana tsy averina, izay nitentina 8,48 lavitrisa Ariary. Raha ampitahaina tamin'ny vinavina farany, taham-pamoriam-bola 547,16% no nisy.

Ny lalàna mifehy ny Tetibola 2019 dia nanomana 7,01 lavitrisa Ariary mba hamatsiana ny fampiasam-bola ataon'ny FCV. Raha ny zava-nisy, 4,24 lavitrisa Ariary no lany na 60,49%. Ireo vola ireo dia nampiasaina tamin'ny famatsiam-bola :

- Ho an'ny *Fiadidiana ny Repoblika* : amin'ny fananganana tranobe teknika hafa sy ny fividianana fiara mba hanohanana ny BIANCO amin'ny fandaharan'asany ho Fanohanana ny fitantanana sy ny Tany tan-dalàna.

- Ho an'ny *Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny Fifidianana* : ampitaovana ara-informatika, ara-elektronika, ary ara-telefaona hanohanana ny fizotry ny fifidianana amin'ny fandaharan'asa Fampiharana ny fizotry ny fifidianana.

- Ho an'ny *Minisiteran'ny Raharaham-bahiny* : amin'ny fizarana ireo fitaovana ara-teknika, ara-informatika, ara-herinaratra ary ara-telefaona Tetik'asan'ny SECD amin'ny ny fandaharan'asa Fitantanana sy fandrindrana.

- Ho an'ny *Minisiteran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola*: amin'ny fametrahana ny rindrambaiko informatika sy ny toa azy, ny fanàana tsy mivaingana sy ny fanofàna hafa, ny rano, ny herinaratra, ny telefaona, ny haba amin'ny filaminan'ny Fadintseranana, ho an'ny fandaharan'asa Fadintseranana, ankilan'izany, amin'ny fividianana ny fitaovana ara-teknika sy fitaovana ara-informatika, ara-herinaratra, ara-elektronika ary an-telefaona mba hanohanana ny Foibem-pitantanana Ankapobeny ny Tahirimbolam-panjakana (Dingana faha-III) amin'ny fandaharan'asa Tahirimbola.

- Ho an'ny *Minisiteran'ny Fambolena, ny Fiompiana ary ny Jono* : amin'ny fanampiana ny sehatra tsy miankina amin'ny tetik'asa « FOOD FOR PROGRESS » mifandraika amin'ny fandaharan'asa Fambolena.

- Ho an'ny *Minisiteran'ny Tontolo iainana sy ny Fampandrosoana lovin-jafy* : amin'ny fanampiana ny sehatra tsy miankina amin'ny fandaharan'asa fanatsarana ny fomba fiainana sy ny fanohanana ireo

vondron'olona tena marefo mifandraika amin'ny fandaharan'asa Fitantanana maharitra ireo harena voajanahary.


Fafana 67 : Andrim-panjakana sy Ministera nisitraka ny famatsiam-bola FCV

				Amin'ny Ariary
ANDR/MIN	LFI	LFR	Sora-bola farany	Lany
FIADIDIANA NY	582 000 000,00	582 000 000,00	582 000 000,00	516 674 308,80
CENI	475 000 000,00	475 000 000,00	475 000 000,00	467 160 000,00
MAE	500 000 000,00	500 000 000,00	500 000 000,00	177 922 904,00
MEF	2 843 100 000,00	2 843 100 000,00	2 843 100 000,00	1 264 770 930,34
MAEP	2 123 000 000,00	2 123 000 000,00	2 123 000 000,00	1 327 112 004,58
MEDD	489 000 000,00	489 000 000,00	489 000 000,00	488 376 404,98
FITAMBARANY	7 012 100 000,00	7 012 100 000,00	7 012 100 000,00	4 242 016 552,70

Loharanom-baovao : BCSE 2019, CGAF 2019

Ny lahasa momba ny FCV dia ahitana fandania, ny fandoavana ny fampiasam-bola vatsian'io tahiry io, sy vola miditra tamin'ireo lahasa mifandraika amin'ny vola nateraky ny fivarotana ireo fanomezana sy fanampiana tsy amin'ny endrika vola avy any ivelany. Ny hanisisan'ny fizarana faha-IV ny tetibolam-panjakana dia ny elanelana teo amin'ny vola niditra sy ny fandanian'ny FCV. Ny vokatra avy amin'ny FCV dia nitsahatra teo amin'ny 8 476 108 200,47 Ariary tao amin'ny fidiram-bola ary 4 242 016 552,70 Ariary tamin'ny fandanian-bola. Noho izany dia nahazo tombony 4 234 091 647,77 Ariary.

Kisary 15 : Fivoaran'ny endrik'ireo FCV tamin'ireo dimy taona farany



Loharanom-baovao : BCSE 2019, CGAF 2019

Ity kisary ity dia nanondro fa ny taona 2019 no taona izay nahazoan'i Madagasikara ny tombony be indrindra avy amin'ny fanomezana sy fanampiana tsy amin'ny endrika vola, indrindra momba ny fanangonana ny vokatra avy amin'ny varotra nataony. Ny taona 2015 no namoaka vokatra ambany indrindra tamin'ny vola miditra izay 0,3 lavitrisa Ariary, raha tamin'ny taona 2019, ny vola niditra dia 8,48 lavitrisa Ariary. Raha ny salanisa, ny governemanta dia nahazo vola 3,70 lavitrisa Ariary isan-taona ho an'ny lahasa FCV.

Ny fironana miakatra amin'ny fandanium-bola FCV dia hita hatramin'ny taona 2019. Izany dia noho ny fandania izay efa voasokajy amin'ny ankapobeny ho ao anatin'ny tetibola ankapobeny nandritra ny efa-taona farany, ny hanisisa ary vokatr'izany dia nivoatra ny kisinin'ny FCV nandritra ireo vanim-potoana ireo, tamin'ny tahan'ny fidiram-bola, izay tsy nitovy intsony tamin'ny taona 2019.

Araka izany, taorian'ny tolo-kevitra ny Fitsarana ny Kaonty tao amin'ny tatitra momba ny PLR 2018, dia nilaza fa ny fanoratana ireo lahasan'ny FCV rehetra, na ny fandania na ny fidiram-bola dia tsy maintsy ampidirina ao anatin'ny fizarana faha-IV, ny fandania novatsian'ny FCV vola ho an'ny taona 2019 ihany koa dia naverina amin'ny laoniny ao anatin'ity fizarana ity.

5. FAMADIHANA HO RENIVOLA NY TROSAM-PANJAKANA (OCDP)

Ny vinavinan'ny vola hiditra ho an'ny OCDP tamin'ny taona 2019 dia nahatratra 4 832,92 lavitrisa Ariary, nitsinjara ho 69,75% an'ny trosa anatiny sy 30,25% an'ny trosa ivelany. Raha ny fandanianana, 3 478,67 lavitrisa Ariary no voaloha izay mitovy amin'ny 86,25% tamin'ny trosa anatiny, 7,21% ny trosa ivelany ary 6,53% ny an-tànana tsy azo ahetsika.

Fafana 68 : Famadihana ho Renivola ny Trosam-panjakana

Singa	Vola miditra			Fandanianam-bola		
	Vinavina voalohany	Vinavina farany	Zava-bita	Sora-bola voalohany	Sora-bola farany	Lany
Trosa anatiny	2 981,64	3 370,98	1 076,04	2 713,04	3 000,67	655,45
Trosa ivelany	1 653,23	1 461,94	894,21	244,71	250,90	230,02
Vola an-tànana tsy azo ahetsika	0,00	0,00	-	208,49	227,10	-
Fitambarany	4 634,87	4 832,92	1 970,25	3 166,24	3 478,67	885,47

Loharanom-baovao: MEF/SG/DGFAG/DB/SSB/DLR - CGAF 2019

Ny vola dia vory hatramin'ny 1 970,25 lavitrisa Ariary, izay nandrafitra ny 40,77% tamin'ny vinavina. Ho an'ny loharanom-bola anatiny, tamin'ny tanjona farany 3 370,98 lavitrisa Ariary, ny 1 076,04 lavitrisa Ariary no voaray, na 31,92% tamin'ny vola andrasana. Ny loharanom-bola avy any ivelany novinavinaina ho 1 461,94 lavitrisa Ariary dia vory hatramin'ny 61,17%, mitovy amin'ny 894,21 lavitrisa Ariary.

Ny famerenana ny trosam-panjakana dia 885,47 lavitrisa Ariary, izay 25,46% tamin'ny tetibola farany ho an'ny fitantanana 2019. Ho an'ny trosa anatiny, 655,45 lavitrisa Ariary no voaloha, izay 21,84% tamin'ny sora-bola nisokatra sy 74,02% tamin'ny fitambaran'ny fandoavam-bola rehetra tamin'ny taona 2019. Momba ny trosa ivelany, 230,02 lavitrisa Ariary no naloa tamin'ireo mpampindram-bola, nifanandrify tamin'ny 91,68% tamin'ny sora-bola faran'ny Lalàna mifehy ny Tetibola ary mitovy amin'ny 25,97% tamin'ny famerenam-bola rehetra natao tamin'ny taona 2019.

Tamin'ny taona 2019, ny Ministeran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola dia namoaka ny antoka mahaleo-tena 2 936 000 USD ho an'ny tombontsoan'ny Air Madagascar momba ny fanofana fitaovam-pitaterana. Ny fiantohan'ny fanjakana dia naharakotra enim-bolana tamin'ny hofan'ny iray avy tamin'ireo fitaovana ireo. Ity tranga ity dia fintina eo amin'ny fafana etsy ambany :

Fafana 69 : Antontan'antoka nomen'ny Fanjakana tamin'ny taona 2019

						Amin'ny USD
Mpandray	Mpandoa vola	Fifanarahana	Teti-bidin'ny fifanarahana	Antoka nomena	Antoka ilaina	Zava-misy 2019 (Mitovy amin'ny fanofana 6 volana)
Air Madagascar	ELIX ASSETS 7 LIMITED	Fanofana ATR 72-212A	23 760 000	1 188 000	-	1 188 000
Air Madagascar	ELIX ASSETS 7 LIMITED	Fanofana 72-212A	23 760 000	1 188 000	-	1 188 000
Air Madagascar	SKY HIGH II LEASING COMPANY LTD	Fanofana B737-800	16 800 000	560 000	-	560 000
FITAMBARANY			64 320 000	2 936 000		2 936 000

Loharanom-baovao : MEF/SG/DGT/DDP

Fafana 70 : Vokatra ankapobeny tamin'ny fampiharana ny lalàna mifehy ny tetibola ho an'ny taona 2019

							Amin'ny Ariary
Fitanisana	Vola miditra		Fandanim-bola		Fanatanterahana		Vokatra
	Vinavina voalohany	Vinavina voalohany	Sora-bola voalohany	Sora-bola farany	Vola miditra	Fandanim-bola	
FIZARANA I							
TETIBOLA ANKAPOBENY							
a - Lahasa fampandehanan-draharaha	6 501 900 953 000,00	6 658 043 584 000,00	4 783 118 239 000,00	5 237 028 218 000,00	5 670 804 411 065,13	4 963 543 295 137,08	-1 076 981 847 918,00
b - Lahasan'ny Hana-pamokarana	985 000 000 000,00	994 409 500 000,00	3 603 151 900 000,00	3 711 209 400 000,00	219 593 037 879,32	2 003 836 001 725,37	
FITAMBARAN'NY FIZARANA I	7 486 900 953 000,00	7 652 453 084 000,00	8 386 270 139 000,00	8 948 237 618 000,00	5 890 397 448 944,45	6 967 379 296 862,45	
FIZARANA II							
TETIBOLA ANANKINA							
a - Lahasa fampandehanan-draharaha	32 315 300 000,00	32 315 300 000,00	32 315 300 000,00	32 315 300 000,00	19 061 696 387,68	14 478 890 461,07	4 582 805 926,61
b - Lahasan'ny Hana-pamokarana	11 699 750 000,00	11 699 750 000,00	11 699 750 000,00	11 699 750 000,00	3 064 649 490,81	3 064 649 490,81	
FITAMBARAN'NY FIZARANAI	44 015 050 000,00	44 015 050 000,00	44 015 050 000,00	44 015 050 000,00	22 126 345 878,49	17 543 539 951,88	
FIZARANA III							
CPT							
a - Lahasa fampandehanan-draharaha	791 134 731 000,00	1 291 549 129 000,00	1 010 313 385 400,00	1 009 739 695 000,00	959 781 682 843,06	769 278 368 067,33	111 432 473 601,46
b - Lahasan'ny Hana-pamokarana	0,00	0,00	171 615 000 000,00	161 820 000 000,00	0,00	79 070 841 174,27	
FITAMBARAN'NY FIZARANAI	791 134 731 000,00	1 291 549 129 000,00	1 181 928 385 400,00	1 171 559 695 000,00	959 781 682 843,06	848 349 209 241,60	
FIZARANA IV							
FAMPIASANA NY FCV							
FCV	1 549 100 000,00	1 549 100 000,00	7 012 100 000,00	7 012 100 000,00	8 476 108 200,47	4 242 016 552,70	4 234 091 647,77
FITAMBARAN'NY FIZARANA IV	1 549 100 000,00	1 549 100 000,00	7 012 100 000,00	7 012 100 000,00	8 476 108 200,47	4 242 016 552,70	
FIZARANA V							
OCDP							
Trosa anatin'ny	2 981 635 408 000,00	3 370 982 000 000,00	2 713 041 508 600,00	3 000 672 000 000,00	1 076 041 756 739,25	655 448 575 995,33	1 084 781 547 997,60
Trosa ivelany	1 653 230 000 000,00	1 461 943 000 000,00	244 709 000 000,00	250 895 520 000,00	894 206 868 287,79	230 018 501 034,11	
Vola an-tanana tsy azo ahetsika	0,00	0,00	208 488 059 000,00	227 098 380 000,00	-	-	
FITAMBARAN'NY FIZARANA V	4 634 865 408 000,00	4 832 925 000 000,00	3 166 238 568 000,00	3 478 665 900 000,00	1 970 248 625 027,04	885 467 077 029,44	
Fifanakalozana vola							
	0,00	0,00	173 001 000 000,00	173 001 000 000,00	8 259 250 644,75	138 584 710 162,50	-130 325 459 517,75
FITAMBARAN-BE	12 958 465 242 000,00	13 822 491 363 000,00	12 958 465 242 000,00	13 822 491 363 000,00	8 859 289 461 538,26	8 861 565 849 800,57	-2 276 388 262,31

Fatiantoka tamin'ny fampiharana ny Lalàna mifehy ny Tetibola ho an'ny taona 2019 : **2 276 388 262,31 Ariary**

6. FIHOARANA TAMIN'NY SORA-BOLA

a. Fihoarana tamin'ny sora-bola momba ny famatsiam-bola RPI

- MINISTERAN'NY FILAMINAM-BAHOAKA

Fafana 71 : Fihoarana tao amin'ny Ministeran'ny Filaminam-bahoaka

Amin'ny Ariary

Kaody Ordsec	Kaody SOA	kaonty	LFI	Sora-bola farany	Fandaniana	Fihoarana
00-150-A-00000	00-15-0-411-00000	6131	180 000 000,00	0,00	45 000 000,00	-45 000 000,00
	00-15-0-410-00000		449 900 000,00	0,00	112 475 000,00	-112 475 000,00
			629 900 000,00	0,00	157 475 000,00	-157 475 000,00

Loharanom-baovao : BCSE Ministeran'ny Filaminam-bahoana 2019 – Endriky ny fihoarana tamin'ny sora-bola

Nandritra ny taona 2019, fihoarana 157 475 000,00 Ariary tamin'ny sora-bolan'ny famatsiam-bola RPI no hita tao amin'ny Ministeran'ny Filaminam-bahoaka. Araka ny fanazavan'ny Ministera voakasik'izany, singa telo (3) no niteraka io fihoarana tamin'ny sora-bola, dia :

Ny fiovan'ny rafi-pandaminana anatin'ny

Fanovàna rafi-pandaminana iray no natao teo anivon'ny Ministeran'ny Filaminam-bahoaka tamin'ny taona 2019, izany dia niteraka ny fanafoanana ny fampiasana ny tetibola indrindra ho an'ny kaody :

- 00-15-0-410-00000
- 00-15-0-411-00000

Na izany aza, ny Ministry ny Filaminam-bahoaka dia nandefa taratasy ho an'ny Ministry ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, nangataka ny hanokafana ny SIIGFP mba hahafahana manatanteraka ireo fandraiketana ara-bola tao amin'ny kaonty 6131, ary izany dia mba hampiodinana ny raharaham-pitantanana.

Fiovan'ny kaody SOA

Ity fanovàna ny rafi-pandaminana anatin'ny ity dia niteraka fiovan'ny kaody SOA teo anivon'ity Ministera voalaza ity. Araka izany, ny kaody SOA 00-15-0-410-00000 DAF (Direction des Affaires Financières) dia nosoloina ny 00-15-0-3A0-00000 DAF (Direction des Affaires Financières) ary ny kaody SOA 00-15-0-411-00000 SCFB (Service Central des Finances et du Budge) tamin'ny alàlan'ny 00-15-0-3A0-00000. Taorian'ny LFR 2019, ny sora-bola voasoratra tao amin'ireo SOA taloha dia nalefa manontolo tany amin'ireo vaovao, ary ny tetibola rehetra an'ny SOA taloha dia nesorina ihany koa, na dia efa vita aza ny dingana famoaham-bola (liquidation sy mandatement) tamin'ny kaonty 6131 isaky ny SOA taloha.

Fanesorana ireo famoaham-bola roa teo anivon'ny SIIGFP

Nikatso nandritra ny fotoana voafetra ny fidirana tamin'ny tranokalan'ny Tahirimbolam-panjakana, tsy ho azon'ny mpisehatra ara tetibola hatao ny manaraka ny fizotry ny famaranana ireo asa. Noho izany, tamin'ny fisalasalana, ny Ministera dia nanao fanesorana sy fanafoanana ireo vola roa ireo tao amin'ny SIIGFP ary izany dia tsy nisy fandavana ofisialy avy amin'ny Tahirimbolam-panjakana. Na izany aza, ny asa teo anivon'ny Tahirimbolam-panjakana dia mbola niandry fa tsy nijanona kosa anefa,

izany no antony nahatonga ny famoaham-bola (mandatement) nifandraika tamin'izany hifanaraka sy vita tsara sy ny didy fandoavam-bola nifanaraka tamin'ireo asa ireo dia nivoaka. Na izany aza, ireo vola voalaza ireo dia nirotsaka tao amin'ny karatry ny Mpitantana ny solika sy menaka, ary laniny tanteraka noho ny filàna ireo fandaniana ireo.

- MINISTERAN'NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA

Fafana 72 : Fihoarana tao amin'ny Ministeran'ny Toekarena sy Fitantanam-bola

						Amin'ny Ariary
Kaody Ordsec	kaody SOA	Kaonty	LFI	Sora-bola farany	Fandaniana	Fihoarana
00-290-7-00000	00-25-0-120-00000	6131	25 000 000,00	0,00	2 500 000,00	-2 500 000,00
FITAMBARANY			25 000 000,00	0,00	2 500 000,00	-2 500 000,00

Loharanom-baovao : BCSE Ministeran'ny Toekarena sy Fitantanam-bola 2019 – Endriky ny fihoarana tamin'ny sora-bola

Ho an'ny Ministeran'ny Toekarena sy ny Fitantanam-bola, ny fandraiketana mitondra ny laharana 201900000000813 tamin'ny 16 Janoary 2019, ny hoe "Mangataka ny famahanana sora-bola ho an'ny Solika sy Menaka" ho an'ny fiara laharana 4427TAC, 7210TV, 1969AE, 9997TAB ary 4959TAA izay sahanin'Andriamatoa ANDRIANANTENAINA Mamy KF 333288, mpitantana ny SOA 00-25-0-120-00000 nitentina 2 500.000.00 Ariary, dia nekena sy navoaka tamin'io andro io ihany. Taorian'ny fikambanan'ny Ministeran'ny Toe-karena sy ny Teti-pivoarana tamin'ny Ministeran'ny Fitantanam-bola sy ny Tetibola, ny mpisehatra ara-tetibola rehetra dia nantsoina hanafoana sy hampiato ny lahasa ara-tetibolany rehetra.

Araka izany dia nisy hetsika iray fanadiovana natao tao anatin'ny SIIGFP araka ny alàlana 2019000000003220 tamin'ny 30 Janoary 2019, mandra-pahatongan'ny fanafoanana ny famoaham-bola izay efa an-dàlana. Ankilany, ireo antontan-taratasy nifandraika tamin'izany, efa nampitaina tao amin'ny Tahirimbolam-panjakana, dia efa voakarakara ary ny vola nifanandrify taminy, dia efa tafiditra tamin'ny karatry ny Mpitantana ny Solika sy Menaka. Na izany aza, taorian'ny fanamarinana taty aoriana (Fanambarana momba ny fandrotsaham-bola nataon'ny mpahazo tombontsoa mba ho fanamarinana), hita fa nisy famerenam-bola nandeha ho azy avy hatrany tao amin'ny Tahirimbolam-panjakana, izay midika fa ny mpahazo tombontsoa tamin'io solika io dia tsy nandany ny vola 2 500 000,00 Ariary.

b. Fihoarana tamin'ny sora-bola momba ny famatsiam-bola DTI

Fafana 73 : Fihoarana tamin'ny sora-bola momba ny famatsiam-bola DTI

MIN.	FA	LFI	LFR	Sora-bola farany	An'arivony Ariary	
					Zava-bita	Elanelana
41 - MAEP	20	0,00	82 000,00	83 000,00	2 226 471,27	-2 143 471,27
44 - MEDD	20	0,00	4 000,00	20 000,00	694 408,26	-674 408,26
51 - MEEH	20	0,00	4 333,00	4 333,00	12 923,41	-8 590,41
62 - MATHTP	20	0,00	10 000,00	10 000,00	1 401 812,14	-1 391 812,14
63 - MTTM	20	0,00	65 000,00	65 000,00	3 278 071,21	-3 213 071,21
71 - MSANP	20	0,00	189 000,00	189 000,00	17 002 517,37	-16 813 517,37
81 - MENTP	20	130 000,00	130 000,00	130 000,00	1 709 255,67	-1 579 255,67
FITAMBARAN		130 000,00	484 333,00	501 333,00	26 325 459,34	-25 824 126,34

Loharanom-baovao : MEF/SG/DGFAG/DB/SSB/DLR

Ny fihoarana tamin'ny sora-bolan'ny DTI tamin'ny taona 2019 dia manodidina ny **25 824 126 335,00** Ariary, ka ny tetik'asa tsirairay nihoatra ny sora-bola dia nanao fifanarahana tamin'ny Ministera voakasika sy ny mpamatsy vola. Ireo fifanarahana ireo dia natovana amin'ny Volavolan-dalàna momba ny Fandravonana ny Tetibola.

c. Fihoarana tamin'ny sora-bola momba ny famatsiam-bola Fanampiana

Fafana 74 : Fihoarana tamin'ny sora-bola momba ny famatsiam-bola Fanampiana

ANDR/MIN	FAM-	LFI	LFR	Sora-bola farany	An'arivony Ariary	
					Zava-bita	Elanelana
01 - PRESIDENCE	60	39 000,00	39 000,00	49 000,00	445 327,92	-396 327,92
05 - PRIMATURE	60	43 833 207,00	19 083 207,00	19 551 607,00	26 376 214,18	-6 824 607,18
14 - MID	60	454 000,00	454 000,00	799 025,00	1 310 797,65	-511 772,65
44 - MEDD	60	0,00	1 972 000,00	2 024 000,00	16 578 728,66	-14 554 728,66
51 - MEEH	60	0,00	325 000,00	350 000,00	936 622,87	-586 622,87
53 - MMRS	60	0,00	120 000,00	120 000,00	619 599,96	-499 599,96
62 - MATHTP	60	0,00	26 065 000,00	26 311 900,00	83 056 556,66	-56 744 656,66
71 - MSANP	60	0,00	18 899 368,00	18 899 368,00	58 143 571,49	-39 244 203,49
81 - MENETP	60	2 500 000,00	2 500 000,00	5 167 000,00	14 562 586,83	-9 395 586,83
FITAMBARANY		46 826 207,00	69 457 575,00	73 271 900,00	202 030 006,22	-128 758 106,22

Loharanom-baovao : MEF/SG/DGFAG/DB/SSB/DLR

Ny fihoarana tamin'ny sora-bola momba ny famatsiam-bola Fanampiana ho an'ny taona 2019 dia manodidina ny **128 758 106 215,93** Ariary. Ireo sora-bola ireo dia nanana endrika tombatombana.

d. Fihoarana tamin'ny sora-bola momba ny famatsiam-bola Findramam-bola

Fafana 75 : Fihoarana tamin'ny sora-bola momba ny famatsiam-bola Findramam-bola

						An'arivony Ariary
ANDR/MIN	FAM-	LFI	LFR	Sora-bola farany	Zava-bita	Elanelana
01 - PRESIDENCE	70	900 000,00	900 000,00	900 000,00	2 578 576,31	-1 678 576,31
05 - PRIMATURE	70	2 229 143,00	2 229 143,00	2 229 143,00	2 589 957,65	-360 814,65
21 - MEF	70	0,00	14 837 149,00	14 877 149,00	33 404 563,45	-18 527 414,45
41 - MAEP	70	0,00	26 305 000,00	26 305 000,00	124 652 073,65	-98 347 073,65
51 - MEEH	70	0,00	4 556 120,00	4 556 120,00	32 219 479,80	-27 663 359,80
62 - MATHTP	70	0,00	39 616 976,00	29 631 976,00	59 220 135,81	-29 588 159,81
76 - MPPSPF	70	200 000,00	180 000,00	180 000,00	645 118,10	-465 118,10
81 -MENETP	70	2 054 047,00	2 054 047,00	1 741 047,00	3 333 354,42	-1 592 307,42
FITAMBARANY		5 383 190,00	90 678 435,00	80 420 435,00	258 643 259,18	-178 222 824,18

Loharanom-baovao : MEF/SG/DGFAG/DB/SSB/DLR

Ny fihoarana tamin'ny sora-bola momba ny famatsiam-bola Findramam-bola ho an'ny taona 2019 dia manodidina ny **178 222 824 181,49** Ariary. Ireo sora-bola ireo dia manana endrika tombatombana.

Raha fintinina, ny fihoarana tao amin'ireo sora-bola voafetra dia nananika ny **159 975 000, 00** Ariary, ary ireo tao amin'ny sora-bola tombatombana dia tamin'ny **332 805 056 732,42** Ariary.

VOLAVOLAN-DALANA FANDRAVONANA NY TETIBOLA 2019

FANADIHADIANA IREO ANDININY

Ahitana andininy iraka ambin'ny folo (11) ity volavolan-dalàna Fandravonana ny Tetibola 2019 ity.

Ny andininy voalohany no ankatoavana ireo didim-panjakana didim-panjakana manome avansy noraisina ny taona 2019.

Ny andininy faharoa hatramin'ny fahaenina dia natokana hilazana ny tarehimarik'ireo fanatanterahana sy ireo vokatra azo tamin'ireo fizaran-tetibola dimy izay nitsinjarana ireo lahasan'ny Tetibola 2019, araka izay navoakan'ireto antontan-taratasy fanamarinana ireto:

- 1- Fampiasana ny Tetibola ankapobe ;
- 2- Fampiasana ireo Tetibola anankina ;
- 3- Kaonty manokan'ny Tahirimbolam-panjakana
- 4- Fampiasana ny Tamberin'ny vidin'entana fanomezana avy any ivelany ;
- 5- Famadihana ho Renivola ny Trosam-panjakana

Ny andininy fahafito no milaza ny vokatra tamin'ny fifanakalozana ara-bola.

Ny andininy fahavalo no anehoana ny fihoarana tamin'ny sora-bolan'ny fampandehanan-draharaha sy ny fampiasam-bola nandritra ny fitantanana.

Ny andininy fahasivy no mamoka ny kaontim-bokatra tamin'ny taom-pitantanana, izay mifanaraka amin'ny andininy faha 43 amin'ny Lalàna Fehizoro laharana 2004-007 tamin'ny 26 jolay 2004.

Ny andininy fahafolo no manome alàlana ny fampidirana ny fatiantoka ao amin'ny Kaonty maharitra ny Tahirimbolam-panjakana.

Ny andininy fahairaka ambin'ny folo no manome alàlana ny famoahana ity Lalàna ity ao anatin'ny Gazetim-panjakan'ny Repoblika.

Farany, ampiarahina amin'ity volavolan-dalàna ity ny tatitry ny Fitsarana momba ny Kaonty izay nanadihadiany ireo vokatra ny fanatanterahana ny Tetibola 2019 sy ny Fanambaram-pitoviana ho an'ny kaontin'ireo mpampiasa vola sy ny CGAF tamin'ny tetibola 2019.

Toy izany Andriamatoa Filoha, Andriamatoa Praiminisitra, Andriamatoa sy Ramatoa isany Minisitry, Minisitry lefitra, Sekreteram-panjakana no anton'izao volavolan-dalàna izao ka voninahitra ho ahy ny mitondra azy mba ho ankatoavinareo.

Antananarivo, faha

NY MINISTRY NY TOEKARENA SY NY FITANTANAM-BOLA



FIADIDIANA NY REPOBLIKA

VOLAVOLAN-DALANA LAHARANA 016/2022 tamin'ny 28 Septambra 2022

Mitondra ny Lalànan'ny Fandravonana taona 2019

Nankatoavin'ny Antenimieram-pirenena tamin'ny fivoriany ny

Ny Filohan'ny Repoblika,

- Araka ny Lalàm-panorenana,
- Araka ny fanapahana faha -HCC/D tamin'ny

Mamoaka izao lalàna izao :

Andininy voalohany :

Ankatoavina ny didim-panjakana manome avansy noraisina nandritra ny taona 2019, ho fampiharana ny andininy faha 20 amin'ny Lalàna Fehizoro laharana 2004-007 tamin'ny 26 jolay 2004 momba ny Tetibolam-panjakana.

Andininy faharoa :

Hita fototra ny vokatry fampiasàna ny Tetibola Ankapobeny ho an'ny taona 2019 izay nahatratra **5 890 397 448 944,45 Ariary** ho an'ny vola miditra, ary **6 967 379 296 862,45 Ariary** ho an'ny vola mivoaka, izany hoe fatiantoka **1 076 981 847 918,00 Ariary**.

Andininy fahatelo :

Hita fototra ny vokatry afa-karatsaka ny fampiasana ny Tetibola Anankina tamin'ny 2019 izay nitentina ; amin'ny vola miditra **22 126 345 878,49 Ariary** ary amin'ny vola mivoaka **17 543 539 951,88 Ariary**, izany hoe nahitana tombony de **4 582 805 926,61 Ariary**, izay ahitana :

- a- Ho an'ny Tranompirintim-pirenena, ny vola miditra dia **18 234 673 170,61 Ariary** ary ny vola nivoaka **12 831 398 602,41 Ariary**, izany hoe nanatombo **5 403 274 568,20 Ariary** ny vola miditra izay arotsaka ao amin'ny tahiry amin'ity tetibola ity.
- b- Ho an'ny tetibola anankina Paositra sy Fifandraisan-davitra, ny vola miditra **3 891 672 707,88 Ariary** ary ny vola nivoaka dia **4 712 141 349,47 Ariary** izany hoe fatiantoka **820 468 641,59 Ariary**.

Andininy fahaefatra :

Hita fototra ny vokatry ny fampiasana ny Kaonty manokan'ny Tahirimbolam-panjakana ho an'ny taona 2019 izay mitentina isan'isany toy izao ; vola miditra **959 781 682 843,06 Ariary**, ary ny vola mivoaka **848 349 209 241,60 Ariary**, nahazoana tombony **111 432 473 601,46 Ariary**.

Andininy fahadimy :

Hita fototra ny vokatry azo avy amin'ny fampiasana ny Tamberin'ny vidin'entana fanomezana avy any ivelany, izay mitentina isan'isany, tamin'ny vola miditra **8 476 108 200,47 Ariary** ary tamin'ny vola mivoaka **4 242 016 552,70 Ariary**, nahazoana tombony **4 234 091 647,77 Ariary**.

Andininy fahaenina :

Hita fototra ny vokatry ny Famadihana ho Renivola ny Trosam-panjakàna izay mitentina isan'isany toy izao, vola miditra **1 970 248 625 027,04 Ariary** ary ny vola mivoaka **885 467 077 029,44 Ariary**, nahazoana tombony **1 084 781 547 997,60 Ariary**.

Andininy fahafito :

Hita fototra ny vokatry ny fifanakalozana ara-bola izay mitentina isan'isany toy izao, vola miditra **8 259 250 644,75 Ariary** ary ny vola mivoaka **138 584 710 162,50 Ariary**, izany hoe fatiantoka **130 325 459 517,75 Ariary**.

Andininy fahavalo :

Hita fototra ny fihoarana tamin'ny sora-bola voafetra izay mitentina **159 975 000,00 Ariary**.

Hita fototra ny fihoarana tamin'ny sora-bola tombatombana izay mitentina **332 805 056 732,42 Ariary**.

Vokatr'izany, ho fampiharana ny andininy faha-13 amin'ny Lalàna Fehizoro laharana 2004-007 tamin'ny 26 jolay 2004 momba ny Lalàna mifehy ny Tetibola dia omena alàlana ny fampidirana ny mari-bola mifanaraka amin'izany ho fanarenana ity fihoarana ity.

Andininy fahasivy :

Hita fototra araka ny fitsinjarana niseho tao anatin'ny takela-pamintinana niaraka tamin'ity volavolan-dalàna ity ireo vokatry tamin'ny taona 2019 izay ahitana :

- 1- ny fatiantoka tamin'ny fampiasana ny Tetibola Ankapobeny **1 076 981 847 918,00 Ariary**;
- 2- ny tombony azo avy amin'ny fampiasana ny Tetibola Anankina **4 582 805 926,61 Ariary**;
- 3- Ny tombony tamin'ny fampiasana ny Kaonty manokana ny Tahirimbolam-panjakàna **111 432 473 601,46 Ariary**;
- 4- Ny endri-piova afa-karatsaky ny tombony avy tamin'ny Fanomezana sy fanampiana avy any ivelany **4 234 091 647,77 Ariary**;

5- Ny endri-piova afa-karatsaky ny tombony azo avy amin'ny Kaonty fampindramam-bola **1 084 781 547 997,60 Ariary;**

6- Ny fatiantoka tamin'ny vokatry ny fifanakalozana ara-bola izay **130 325 459 517,75 Ariary.**

Andininy fahafolo :

Ekena ny fanoratana ao amin'ny Kaonty Maharitry ny Tahirimbolam-panjakana ny vola mitentina **2 276 388 262,31 Ariary,** izay fatiantoka tamin'ny taona 2019.

Andininy fahairaka ambin'ny folo :

Havoaka amin'ny Gazetim-panjakàn'ny Repoblika ity lalàna ity. Hotanterahina ho toy ny lalàm-panjakana izany.

Navoaka tao Antananarivo, tamin'ny

RAJOELINA Andry Nirina

**Hita mba hatovana amin'ny Didim-
panjakana laharana faha 2022-1360
tamin'ny 28 Septambra 2022**

**Avy amin'ny Praiministra,
Lehiben'ny Gouvernemanta,**

NTSAY Christian